Malagasy

# Vavaka

## Ny Lanitra Eto An-Tany

Notontosain'i
A.L. sy Joyce Gill

# *Vavaka*

# *Mitondra*
# *Ny Lanitra Eto An-Tany*

***Notontosain'i***
***A.L. sy Joyce Gill***

***Gillministries.com***

## Ireo boky ao amin'ity Sokajy ity

**Ny Fahefan'ny Mpino**
*Ahoana Ny Fomba Ialàna Amin'ny Faharesena Ary*
*Manomboka Mandresy*

**Ny Fiangonana Mpandresy**
*Tarafina Amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly*

**Ny Famatsin'Andriamanitra Ho Amin'ny'ny Fanasitranana**
*Mandray Sy Mizara*
*Ny Herin'ny Fanasitranan'Andriamanitra*

**Ny Asa Fanompoana**
*Apostoly, Mpaminany, Evanjelistra*
*Mpiandry, Mpampianatra*

**Fiderana Sy Fiankohofana**
*Tonga Mpitsaoka An'Andriamanitra*

**Fahagagan'ny Filazantsara**
*Ny Drafitr'Asa an'Andriamanitra Hanatratrarana Izao Tontolo Izao*

**Fiainana Modely**
*Ao Amin'ny Testamenta Taloha*

**Endriky Ny Olom-Baovao**
*Mahafantatra Ny Mahizy Anao Ao Amin'i Kristy*

**Ny Fiainana Tsy Takatry Ny Saina**
*Amin'ny Alalan'ny Fanomezan'ny Fanahy Masina*

## Study Guides

**Breakthrough to Glory**

**Set Free from Iniquity**

# <u>Fampidirana</u>

***Ny vavaka dia tombontsoa hafa kely sy tena ilaina ho an'ny làlan'ny Kristiana!*** Ary na dia miresaka amin'ny olona samihafa aza isika, mihaino fampianarana, na mamaky boky isan-karazany, dia ohatran'ny toa samy manana ny fandraisany azy ny tsirairay– samy manana ny famaritany azy. Ho an'ny hafa, dia vavaka fifonana izany. Ho an'ny sasany, dia ady ara-panahy. Ho an'ny sasany, dia firesahana sy fihainoana an'Andriamanitra. Vavaka daholo izany, ary mbola misy maro hafa koa.
***Ny fahamarinana rehetra ao amin'ny Baiboly dia miorina amina fahamarinana hafa***– *mila ny manontolo mba hahafeno izany*. Davida nanoratra hoe, Fahamarinana no tontalin-kevitry ny teninao (Salamo 119:160). Ny Apostoly Paoly nanoratra hoe, Fa tsy nafeniko anareo, fa notoriko taminareo avokoa ny saina rehetra natolotr'Andriamanitra (Asan'ny Apostoly 20:27). We have never struggled with this reality more than in this study. Ny lesona tsirairay dia ampahany kely amin'izy manontolo. Tsy afaka mandalina ampahany iray fotsiny isika ka hanana fahatakarana ny amin'ny tena vavaka marina. Ny vavaka dia tsy fifonana fotsiny. Tsy fihainoana an'Andriamanitra fotsiny ny vavaka. Ny vavaka tsy filazana ny sitrapon'Andriamanitra mialoha fotsiny. Tsy fangatahana fotsiny ny vavaka. Izy daholo izany.

Tsy afaka manorina ny fiainantsika amin'ny fahamarinana na foto-pampianarana tiantsika isika ary tsy mihevitra ny ambiny. Ohatra, isika dia zanak'Andriamanitra ary Jesosy dia nilaza fa raha mangataka isika, dia hahazo. Na izany aza, Jesosy koa dia nilaza fa raha manota isika, dia tsy afaka mihaino ny vavaka ataontsika Andriamanitra. Ny fahamarinana iray dia manana fifandraisana mivantana amin'ny hafa. Amin'ny fandalinana ny vavaka, dia tsy afaka mijery ny fitahiana fotsiny isika. Fa tokony hijery izay takiana amintsika ihany koa isika, ary ny andraikitsika. Tokony handalina ny toro-làlan'Andriamanitra rehetra isika amin'ny fahatakarantsika ambony indrindra.

***Nandritra ny taona nifanesy, dia nisalasala izahay ny hanambatra ity fampianarana ity satria be loatra hatramin'izay, hatramin'izao, ary amin'ny ho avy no mbola hianarana.*** Nandritra ny taona maro izahay no nianatra tamina pejy sy naoty maro, nefa dia fantatray fa mety mbola ho fampidirana amin'ny vavaka fotsiny ihany izany– fijery amin'ny ankapobeany. Ny boky iray manontolo dia nosoratana avy amina fahamarinana lehibe momba ny vavaka ka noho ny tsy fahampian'ny toerana, dia nofehezinay tanatin'ny paragrafy iray na roa izany. Ny vavakay dia ny hitarihan'Andriamanitra anao amin'ny alalan'ity fianarana ity, ary amin'ny fiainanao manontolo dia hianatra sy hahita traikefa momba ny vavaka.

***Nanontaniana izahay fa maninona no nasianay tenin'Andriamanitra ao amin'ny lahatsoratra***– na dia ny andininy fotsiny aza no nampiasainay dia mbola betsaka no afaka lazainay. Rehefa avy nanontany mpianatra Baiboly an-jatony izahay nandritra ny taona maro, dia vitsy no hitanay ary nilaza fa mijery ny andininy nomena ao amin'ny boky rehefa nandalina izy. Fantatray fa tsy ny teninay, na tenin'ny mpanoratra hafa, no velona. Ny teninay dia mety ho fampidirana izay nolazainy fotsiny, "fampijoroana" ny Baiboly manontolo fotsiny. Andriamanitra dia nampanantena antsika fa ny Teniny dia tsy hiverina foana, fa malina Izy, mijery tsara ny Teniny mba hanatanterahany azy. Ny Teniny no fifaliana sy firavoaravoan'ny fontsika. Noho izany, dia niezaka ny hanamafy ny Teniny foana izahay.

Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy. (Isaia 55:11)

Dia hoy Jehovah tamiko: Marina ny ahitanao azy; fa mahatsiaro Aho mba hahatanteraka ny teniko. (Jeremia 1:12 Amp)

Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan'ny foko; Fa nantsoina tamin'ny anaranao aho, Jehovah, Andriamanitry ny maro ô.
(Jeremia 15:16)

# Ireo Mpanoratra

A.L. sy Joyce Gill dia fanta-daza maneran-tany amin'ny maha Mpandaha-teny sy Mpampianatra Baiboly azy. Ny Asa Fanompoana Apostolikan'i A.L. dia nitondra azy tany amina firenena maherin'ny dimampolo maneran-tany, nitory teny mivantana tamina vahoaka iray hetsy mahery sy tamina vahoaka antapitrisany maro tamin'ny alalan'ny Haino Aman-jery.

Maherin'ny roa tapitrisa ireo Boky sy Asa Sorany lafo any Etazonia. Ampiasaina any amina Sekoly Ara-Baiboly sy Seminera maneran-tany ireo bokiny izay voadika amina Fitenim-pirenena maro.

Ny Fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra izay manova fiainana dia tonga any amin'ny fiainan'ny hafa amin'ny alalan'ny toriteny, fampianarana, asa soratra , horonan-tsary ary horonam-peo.

Misy fanehoana ny voninahitra sy ny herin'Andriamanitra mahatalanjona ao amin'ireo seminera ataony amin'ny alalan'ny fiderana sy fiankohofana rehefa takatry ny mpino ny fomba hananana fifandraisana akaiky sy fiankohofana marina miaraka amin'ny Tompo. Maro ireo nahita seha-pandresena vaovao sy faharisihana tamin'ny alalan'ny lesona momban'ny fahefan'ny Mpino.

I Gill mivady dia nanofana kristiana maro hiditra ao amin'ny asa fanompoana mahatalanjona avy amin'Andriamanitra miaraka amin'ny herin'ny Fanasitranan'Andriamanitra manasitrana amin'ny alalan'ny tànany. Maro ireo nianatra ny tsy handeha araka ny lalàn'ny natiora rehefa navela hiasa ao amin'ireo fanomezam-pahasoavana sivin'ny Fanahy Masina any amin'ny asa fanompoany sy ny fiainany andavanandro.

I A.L sy Joyce dia samy manana marim-pahaizana "maitrise" amin'ny Teolojia. I A.L ihany koa dia manana "doctorat" amin'ny Filozofia Teolojika tao amin'ny "Visiona Christian University". Ny Asa fanompoan'izy ireo dia manana fototra mafy eo ambonin'ny Tenin'Andriamanitra, mifantoka amin'i Jesosy, matanjaka amin'ny finoana, ary ampianarin'ny Herin'ny Fanahy Masina.

Ny Asa fanompoany dia fanehoana ny Fitiavana ao am-pon'Andriamanitra. Ny toriteniny sy ny fampianarany dia arahan'ny hosotra mahery, famantarana, fahagagan'ny Herin'Andriamanitra.

Ireo izay manatrika ny fivoriana ataony dia mahatsapa fifohazam-panahy anisan'izany ny hosotry ny fifaliana, fitomaniana eo anatrehan'ny Tompo ary ny asa lehiben'ny hery sy ny voninahitr'Andriamanitra

## Fanoroam-pejy

**Lesona Voalohany**
**Inona No Atao Hoe Vavaka? 7**

**Lesona Faharoa**
**Mahatakatra Ny Fototra 16**

**Lesona Fahatelo**
**Jesosy Nivavaka 28**

**Lesona Fahaefatra**
**"Tompo ô, Mampianara Anay Hivavaka" 38**

**Lesona Fahadimy**
**Ny Vavaka Mitondra Vokatra 50**

**Lesona Fahaenina**
**Fidirana Amina Fiainam-bavaka Mahomby 64**

**Lesona Fahafito**
**Ny Feon'ny Finoana 78**

**Lesona Fahavalo**
**Mivavaka Amim-pahefana 93**

**Lesona Fahasivy**
**Ny Antsoantson'ny Fon'Andriamanitra 105**

**Lesona Fahafolo**
**"Raha Mitoetra Amiko Ianareo" 117**

*Unless otherwise indicated all Scripture quotations*
*are taken from the **New King James Version**.*
*Copyright 1979, 1980, 1982, Thomas Nelson Inc., Publishers*
***The Amplified Bible** (Amp.) Copyright 1965 Zondervan Publishing House.*
***The New International Bible** (NIV) Copyright 1973,1978,1984 International Bible Society.*
*Use by permission of Zondervan Bible Publishers.*

## Lesona Voalohany

# Inona No Atao Hoe Vavaka?

### Fampidirana

### Ny Hery Matanjaka Indrindra

Ny vavaka marina no hery matanjaka indrindra eo amin'izao tontolo izao ankehitriny. Ny vavaka marina dia manetsika ny herin'Andriamanitra Tsitoha. Na izany aza, dia tena mampalahelo fa tsy ampy ny vavaka marina amin'ny taranaka misy antsika.

Ny ankamaroan'ny Kristiana dia tsy nampianarina hivavaka avy amin'ny Tenin'Andriamanitra, fa nianatra tamin'ny fihainoana na traikefa ary matetika dia ohatra diso.

Amin'ny fiangonan-drazanay, dia alarobia hariva no fivoriam-bavaka. Mipetraka manao boribory izahay ary ny tsirairay dia mitantara ny olany, sy ny an'ny fianakaviany sy ny an'ny namany. Dia avy eo izy milaza izay heveriny ho valiny. Rehefa nanondrika ny lohanay hivavaka izahay, ny zavatra mampanahy anay voalahyany dia ny hanadino ny olanay ary ny tsy milaza izany an'Andriamanitra. Ny herinandro manaraka, dia mandre ny olana sy ny faniriana hahazo valiny tahaka ny tamin'ny farany tsy niova. Miresaka momba-na adolantsento izay tsy mety fehezina mandrapa-lehibe azy. Miresaka momba ny cancer an'i nenitoa Hilda mandrapahafatiny.

Ny fangataham-bavaka tao amin'ny fiangonana dia tsy niova efa ho hila erinandro mifanesisesy. Hila tsy hahare valim-bavaka mihitsy izahay ary taona maro taty aoriana dia tsy namonjy fivoriana intsony izahay. Nankaleo, fotoana tsy mahafinaritra izay hitoerana amina olana rehetra eo amin'ny fiainan'ny tsirairay ary ohatran'ny toa tsy misy zava-mitranga.

Amin'ny alalan'ity fianarana ity, ny tanjonay dia ny hitondra fijery vaovao sy hafa mihitsy momba ny vavaka. Amin'ny alalan'ny ohatra maro ara-Baiboly, dia hianatra momba ny vavaka sy ny fomba fivavaka isika.

### Fantsika Harafesina

Taona maro lasa, dia nohavaozinay ny  lakozianay. Ny zavatra voalohany tokony nataonay dia ny fandravana ny fanaka efa tonta sy ny fapiraman'entana, ary ny rindrina efa ela koa aza, ny tafo sy ny gorodona. Rehefa el any hazo, dia lasa mafy be ary ny sasany amin'ny fantsika izay tokony hongotana dia somary nanana refy lavalava. Dia nila fanalana fantsika tena ngeza be vao nahafaka azy, ary rehefa manomboka miala ny sasany tamin'ilay izy, dia misy feo nakadiry be– tahaka an'ireny hoe manaiky ireny izy.

Erinadro taty aoriana dia vitanay ilay fanamboarana, ary nandritra ny fiderana tamin'ny fiandohan'ny fotoana, tampoka teo dia nahita iray tamini'reo fantsika arafesina ireo nanomboka niongotra aho tao amin'ny tontolon'ny fanahy. Dia henoko

indray ilay makadiry. Dia nanontany aho hoe "Tompo ô! Inona izany"

Hoy Izy, " Ireo izaly zavatra nampianarina anao nandritra ny taona maro nefa diso. Sarotra hesorina ilay izy, nefa tsy maintsy hongotana!"

Andao jerena tsara ny sasany amin'ireo "fantsika arafesina" amin'ny fomba fijerintsika ny vavaka.

## Ny Vavaka Dia Tsy

**➯ Fiangaviana amina Andriamanitra "mihanahana" hihetsika ho antsika**

Betsaka ny vavaka no ohatran'ny olona miangavy an'Andriamanitra mihanahana hihetsika. Fantany fa afaka mihetsika Andriamanitra, fa misalasala ireo fa Izy dia hanao izao ho azy satria mahatsapa tena tsy mendrika izy.

**➯ Filazana amin'Andriamanitra ny olantsika**

Mahare olona milaza ny olany amin'Andriamanitra isika– tahaka ny hoe tsy ary mbola fantany izany– ary aveo dia mahare azy milaza amin'Andriamanitra ny ilainy Azy mba ho ataony izy. Tahaka an'ireny hoe mampanao an'Andriamanitra ny ao antsainy mba ho ataony ho azy izy ary manantena fa ho ataony tokoa izany .

Raha mivavaka tsy mitsahatra momba ny olana isika, dia hihalehibe ao amin'ny saintsika hatrany hatrany izany.

**➯ Fandresen-dahatra an'Andriamanitra fa mendrika isika**

Betsaka no miezaka ny mandresy lahatra an'Andriamanitra ny famendrehan'ny olona iray. "Andriamanitra an! Mary dia tianao foana hatrizay. Nampianatra ny Sekoly Alahady nandritra ny roapolo taona izy. Vady sy reny tsara izy. Ilaintsika izy, ary mangataka Aminao izahay mba..." Izany dia mampiorina ny vavaka sy ny finoana amin'ny fahatsaran'ny olona iray.

**➯ Mandresy lahatra ny hafa momba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra**

Misy vavaka izay atao ho tahaka ny fandresen-dahatra ny hafa ny amin'ny fifandraisana lehibe izay misy amin'ilay olona sy Andriamanitra.

**➯ Fanehoana fisalasalana sy tsy finoana**

Betsaka amin'ny vavaka tao am-piangonan-drazanay no fanehoana fisalasalana sy tsy finoana. Rehefa nilaza ny hafa ny faharatsian'ny zava-misy izahay, dia ny tena marina dia nanozona ny olona tianay izahay. Rehefa nangataka ny olona hivavaka momban'izao na izao izahay, dia nifosa izahay. "Lazaiko anareo fotsiny izao mba hahafantaranareo ny fomba fivavahana," izay lasa fampidirana resaka maro.

Ny antsointsika hoe vavaka dia toa fitanisana am-bava ny ratsy hitantsika manodidina antsika. Raha tokony hivavaka, dia mandany fotoana amina fanahiana be!

## NY VAVAKA DIA

Misy karazana endrika maro ny vavaka. Endrika maro hila hitovy amin'ny habetsahan'ny Kristiana sy ny olana. Ny endrika iray dia "marina" ary ny iray dia "diso." Ny endrika iray dia tsy tsara noho ny iray. Ny fanirian'Andriamanitra dia ny hihetsehantsika amin'izany rehetra izany amin'ny fotoana samy hafa, araka ny fitarihany antsika.

Teny samy hafa betsaka no nampisaina momba ny vavaka ao amin'ny Baiboly.

### Firesahana Amin'Andriamanitra

Ny vavaka no endrika fanehoana tsotra indrindra amin'ny fiainana Kristiana. Firesahana amin'Andriamanitra izany. Mety ho mpino zazavao amin'ny finoana izay mibitsika ny Anaran'ny Ray avy ao anatiny lalina ao.

**Galatiana 4:6 Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany, miantso hœ: "Aba, Ray ô!"**

### Manao Fangataham-bavaka

Ny vavaka dia fangataham-pitahiana ilaina amin'Andriamanitra, na fanehoana Aminy ny faniriantsika na izay zavatra tadiavintsika.

**1 Tantara 4:10 Ary Jabeza niantso an'Andriamanitry ny Isiraely hœ: "Enga anie ka hotahinao tokoa aho, ka hohalalahinao ny fari-taniko, ary ho amiko ny tananao, ka harovanao amin'ny ratsy aho, mba tsy hampahory ahy izany!" Ary dia nomen'Andriamanitra azy ny nangatahiny.**

Jesosy niteny fa tokony hangataka isika.

**Matio 21:22 "Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo."**

**Jaona 16:23b,24 "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo; mangataha, dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo."**

### Fanaovana Fangatahana

Ny teny hoe "fangatahana" dia midika ho fiantsoana fanampiana. Rehefa mangataka amin'Andriamanitra isika, dia mahalala isika fa tsy afaka manangona ho antsika ny zavatra ilaintsika manokana ary teny miankina amin'ny fanampian'Andriamanitra.

**1 Samoela 1:17 Dia namaly Ely ka nanao hœ: "Mandehana soa aman-tsara; ary homen'Andriamanitry ny Isiraely anao anie izay nangatahinao taminy."**

### Manao Fifonana

Ny vavaka dia fifonana izay midika mangataka am-panetre-tena, na amin'ny fahazotoana.

**1 Mpanjaka 8:33 Raha resy eo anoloan'ny fahavalo ny Isiraely olonao noho ny nanotany taminao, ary miverina aminao sy manaiky ny**

**anaranao indray ka mivavaka sy mifona aminao eto amin'ity trano ity izy.**

### Fiangaviana

Ny vavaka dia mety ho amin'ny endrika fiangaviana ary midika hoe mangataka tsy mijanona na miangavy.

**Eksodosy 8:4 Ary Farao dia nampaka an'i Mosesy sy Arona ka nanao hœ: "Mangataha amin'i Jehovah hampialany ny sahona amiko sy amin'ny vahoakako."**

### Manao Fifonana

Ny vavaka dia fifonana izay matetika vavaka ho an'ny olona iray. Isaia 53:12 Koa dia hanome Azy anjara amin'ny lehibe Aho, ary hizara babo amin'ny mahery Izy; Satria naidiny ho amin'ny fahafatesana ny ainy, ary natao ho isan'ny mpanota Izy; Eny, Izy no nitondra ny fahotan'ny maro sady manao fifonana ho an'ny mpanota.

### Hetsika Fiderana

Ao amin'ny Apokalipsy, ny vavaka taratra hanitra fotsiny fa atolotra miaraka amina hanitra ihany koa. Ny fandoroana ditin-kazo manitra dia hetsika fiankohofana maneho ny vavaky ny olo-masina.

**Apokalypsy 5:8 Ary rehefa nandray ny boky Izy, ny zava-manana-aina efatra sy ny loholona efatra amby roa-polo dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry, sady samy nanana lokanga sy lovia volamena feno ditin-kazo manitra izy, dia vavaka ataon'ny olona masina izany.**

Mahatalanjona tokoa fa ny vavaky ny olo-masina dia tehirizina ao amina lovia volamena any an-danitra! Vavaka manahoana no mendrika ho tehirizina? Azo antoka fa tsy fitanisana fahadisoana, fahotana, fitarainana, fanahiana, ary fitiavan-tena. Fa kosa, vavaka tahaka an'ilay an'I Jesosy tamin'Izy nihantona teo amin'ny hazo fijaliana.

**Lioka 23:34a Ary hoy Jesosy: "Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony."**

Azo antoka fa ny vavak'i Stefana tamin'izy natao martiora dia notehirizina any an-danitra ho hetsika fiankohofana.

**Asan'ny Apostoly 7:59,60 Ary ny olona nitora-bato an'i Stefana, izay niantso hœ: "Ry Jesosy Tompo ô, raiso ny fanahiko." Dia nandohalika izy ka niantso tamin'ny feo mahery hœ "Tompo ô, aza atao ho helony anie izao ota izao." Ary rehefa nilaza izany izy, dia nodi-mandry.**

### Fanompoana

Tena misy fanompoana an'Andriamanitra amin'ny fivavahana ho an'ny olony.

**Lioka 2:37 Ary efa mpitondratena tokony ho efatra amby valo-polo taona; ary tsy niala teo an-kianjan'ny tempoly izy, fa nanompo tamin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana andro aman'alina.**

Ny apostoly Paoly momba an'i Epafra manompo amin'ny vavaka.

Kolosiana 4:12 Manao veloma anareo Epafra, ilay anankiray avy aminareo sady mpanompon'i Kristy Jesosy ary mikely aina mandrakariva amin'ny fangatahana ho anareo, mba hitœranareo marina, ka hatoky tsara amin'izay rehetra mety ho sitrapon'Andriamanitra.

**Firaisana Amin'Andriamanitra**

Andriamanitra dia nahary an'i Adama sy Eva mba hanana firaisana Aminy. Nidina Izy tamin'iny andro vaovao iny ary niaraka taminy mandra-pidiran'ny fahotana an-tsehatra. Hatramin'izay andro izay hatramin'izao, dia nisy faniriana lalina tao anatin'ny olombelona mba handeha sy hiresaka amin'Andriamanitra.

Ny vavaka dia firaisana amin'Andriamanitra. Tahaka an'Andriamanitra miresaka amin'ny olona tamin'ny alalan'ny Teniny sy amin'ny Fanahiny, no hiresahan'ny olona amin'Andriamanitra amin'ny vavaka.

Ny "firaisana" dia fifampizarana ny eritreritra, faniriana, fahatsapana lalina indrindra. Izany dia midika fa resaka mifamaly.

Ianao ve efa nandany fotoana niaraka tamin'olona izay tsy mitsahatra miresaka momba ny tenany– ny asany, ny ankohonany, ny tranony, ny fiarany, ny olany– ary tsy mba te hahalala zavatra iray izay saininao na tsapanao? Kelikely eo, dia manomboka manontany tena ianao fa maninona no teo.

Izany no fomba fitondra-tenan'ny maro aminntsika manoloana an'Andriamanitra. Isika dia manana lisitra izay tanisàna ary mandany ny fotoanantsika miteny irery. Ary avy eo, vao manomboka mamly Andriamanitra, dia hitantsika fa tsy manampotoana intsony isika ary tonga dia lasa. Mba hananana firaisana amin'Andriamanitra, dia tokony hiresaka Aliny isika ary mamela Azy hiteny amintsika.

**Lisitra Tsy Mety Tapitra**

Ny Andriamanintsika dia Andriamanitra izay manana karazana tsy mety tapitra– na dia ny zava-maniry amin'ny ranomandry aza roa aza dia tsy mitovy. Ny fomba fivavakintsika koa dia afaka ny tsy mety ho tapitra.

Ny salamo dia boky mahafinaritra momba ny vavaka sy miresaka momba ny vavaka tahaka ny hiaka mafy an'Andriamanitra, fiantsoana an'Andriamanitra, fiandrasana an'Andriamanitra, ary fanandratan-tanana amin'Andriamanitra.

Misy vavaka fanekena, finoana, fanafahana, ady, fahefana ary hafa koa. Ny tena vavaka marina rehetra dia ankasitrahan'Andriamanitra .

**Ohabolana 15:8 Fa ny fivavaky ny marina no sitrany.**

**Famaritana Tsotra**

Andao hijery famaritana tsotra momba ny vavaka.

**Ny vavaka dia fitondrana tranga iray eo anatrehan'ny Tompo, fihainoana izay avaliny, ary fitenenana ny sitrapon'Andriamanitra manoloana ilay tranga.**

## NY FOMBA FIVAVAKA ANANKIROA

### Ny Fanahy– Ny Fahatakarana

Ny apostoly Paoly dia nanoratra momba ny fomba fivavaka– amin'ny fanahy sy amin'ny fahatakarana.

1 Korintiana 14:14-15a Fa raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra aho, dia ny fanahiko ihany no mivavaka, fa ny saiko kosa tsy mahavanona. Ahoana ary no izy? Sady hivavaka am-panahy no hivavaka an-tsaina koa aho.

Paoly dia nivavaka tamin'ny fanahy ary avy eo nivavaka an-tsaina. Izany ve dia midika hoe nivavaka tamina lalana tokana izy na hafa, na voalohany nivavaka tamin'ny fanahy ary avy eo an-tsaina?

Ao amin'ny Efesiana, dia nanoratra momba ny akanjo fiadiantsika izy, ary matetika isika dia mijanona amin'izany amin'ny saintsika. Na izany aza, ilay andalan-tsoratra dia mananjavatra holazaina betsaka momba ny vavaka.

Efesiana 6:17-20 Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny tenin'Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy; ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra, ary ho ahy koa mba homena ahy ny hiloa-bava amin'ny fahasahiana hampahafantatra ny zava-miafina momba ny filazantsara iraka migadra noho izany aho), mba hiteny izany amin'ny fahasahiana aho, toy izay mety hoteneniko.

Ny apostoly Paoly dia milaza fa tokony handray ny fiarovan-dohan'ny famonjena sy ny Tenin'Andriamanitra miaraka amintsika ary mivavaka amin'ny fanahy. Fa maninona? Dia nataony manokana ilay izy. "mba homena ahy ny hiloa-bava... mba hiteny izany amin'ny fahasahiana aho toy izay mety hoteneniko."

Rehefa raisintsika ny Tenin'Andriamanitra ka mivavaka amin'ny fanahy isika, dia lasa tsy mahavanona ny fisainantsika. Mandray fanambarana avy amin'Andriamanitra ny saintsika. Lasa ampahiratina ny saintsika ary avy afaka mivavaka amin'ny saintsika amin'ny fahasahiana sy manara-penitra tsara isika.

### Ny Fanahy Masina Anatintsika

➢ *Fahasoavana Sy Fifonana*

Rehefa naminany ny fahatongavan'ny Fanahy Masina Zakaria dia nilaza Azy ho Fanahin'ny fahasoavana sy fifonana– fahitana fitia sy vavaka tsy mendrika ho an'ny tena.

**Zakaria 12:10a Ary haidiko amin'ny taranak'i Davida sy amin'ny mponina any Jerosalema ny fanahin'ny fahasoavana sy ny fifonana**

➢ *Mba Hahalalantsika*

Ny apostoly Paoly nanoratra,
**1 Korintiana 2:12,14 Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika.**
**Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.**

Ny apostoly Jaona nanoratra,
**Jaona 16:13 "Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo."**

➢ *Mivavaka Ao Amin'ny Fanahy Masina*

Ao amin'ny bokin'i Joda dia mahita isika,
**Joda 20 Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra, ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina...**

Paoly nanoratra,
**Efesiana 6:18 Ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra,**

Tonga ny fanontaniana– afaka mivavaka amin'ny fanahy ve isika amin'ny fitenintsika ara-boajanahary? Eny, afaka atao. Fantantsika fa ataontsika izany rehefa mahare ny tenantsika mivavaka ho an'ny zavatra tsy fantatsika.

Ny fotoana voalohany nisehoan'izany tamiko, dia ny niarahako nivavaka tamina mpiara-miasa ka nanomboka nandidiako ny fanahin'ny banky ropitra mba hiala. Tsy nahalala izany mihitsy aho amin'ny maha-olombelona ahy hoe izy anie ka tafiditra amina banky ropitra. Rehefa nitsahatra nivavaka aho, dia nifampijery izahay. Nieritreitra aho, "Ahoana moa raha tsy nisy banky ropitra." Izao no teny voalohany noalazainy, "Tsy fantatro hoe hainaa ny momban'ilay banky ropitra."

➢ *Vavaka Sy Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina*

Tena mahery vaika rehefa mivavaka isika ka mamela ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina hikoriana malalaka ao amintsika! Ny mahazatra dia mivavaka zavatra tsy fantantsika amin'ny maha olona antsika isika rehefa avy nivavaka tamin'ny fanahy,– tamin'ny fiteny tsy fantatra. Izany fahalalana izany dia afaka ny ho tonga amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana miteny tsy fantatra sy fandikan-teny, ny teny fahalalana, na teny fahendrena.

Ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina dia miasa rehefa fantantsika tampoka eo fa nisy zavatra izay tsy fantantsika teo aloha. Fantantsika tsara ny fomba fivavaka, ary satria vao avy nandre manokana avy amin'Andriamanitra momba ny tranga isika, dia matanjaka amin'ny fomba mahagaga ny finoantsika.

Rehefa miasa amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana isika, dia miseho ny fahagagana.

➢ *Fitarainana Tsy Azo Tononina*

Ny apostoly Paoly nanoratra,

**Romana 8:26,27 Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina. Ary Izay mandinika ny fo no mahalala izay hevitry ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona masina.**

Efa nisy zavatra niseho tena ratsy loatra ve ka tsy nisy fomba hilazanao izany amin'ny teny? Raha ara-batana, dia tafapetraka ianao, na tafandohalika, na eo amin'ny tany mihitsy aza. Ao anaty lalina dia misy faniriana hivavaka, fa ratsy loatra ilay izy ka tsy afaka ny hotononina. Lasa ny fotoana, dia tsikaritrao fa ambonin'ny teny, ambonin'ny fahatakaran'ny mahaolona anao, dia misy fifampiresahana aminao sy Andriamanitra. Izay ilay fitarainana izay tsy azo tononina. Ny Fanahy Masina no mandray an-tanana ho anao, ary ianao manomboka mahatsapa fiadanana tonga avy ao anatinao ao.

➢ *Loharano Sy Onin'ny Rano Velona Miboiboika*

Izany ilay fikorianan'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny mpino izay lazain'I Jaona rehefa nanoratra izy,

**Jaona 7:38,39a Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina. Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy, no nolazainy tamin'izany...**

## NY MAHA-ZAVA-DEHIBE NY VAVAKA

### Tombontsoa Lehibe Indrindra

Ny vavaka no tombontsoa lehibe indrindra amin'ny fiainana Kristiana, ary ny tombontsoa fia mitaky fandraisana andraikitra hatrany. Ny fitahiana dia tonga amin'ny valim-bavaka, ary ny fampanantenana "Na inona na inona," "ny zavatra iray," ary "ny zavatra rehetra," dia ho an'izay mivavaka. Andriamanitra dia nonome ny olony ny fahafahana mahafinaritra mba handidy ny fitahiana amin'ny hafa sy amintsika. Andraikitra lehibe ho antsika izany, ary fatiantoka lehibe ho an'ny hafa sy ho antsika rehefa tsy mivavaka isika.

### Jesosy Niteny Hoe Mivavaka

Jesosy niteny fa tokony hivavaka isika.

**Matio 6:6 "Fa ianao kosa, raha mivavaka, dia midìra ao amin'ny efitranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly anao."**

Jesosy tsy niteny hoe, "raha mivavaka ianao." Hoy Izy, "rehefa mivavaka ianao." Azony an-tsaina fa hivavaka ny mpianatra, isika.

### Ny Olona Nanana Ny Nahizy Azy Nivavaka

Ny andinin-tSoratra Masina na fotoana rehetra ao amin'ny Baiboly dia ao satria misy antony ary notehirizina ao ny vavak'i

Abrahama, Mosesy, Eli, Elisa, Hezekia, Jeremia, Daniela, Jona, Manase, Nehemia, Jabeza, Epafra, Paoly, ary ny lehibe indrindra amin'ny rehetra, dia Jesosy.

### Ny Fiangonana Voalohany Nivavaka

Tamin'ny fiangonana voalohany, dia nanana anjara toerana lehibe ny vavaka.

**Asan'ny Apostoly 1:14 Ireo rehetra ireo niray saina naharitra nivavaka...**

**Asan'ny Apostoly 2:42 Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana.**

**Asan'ny Apostoly 12:5,12 Ary Petera nambenana tao an-tranomaizina; ary ny fiangonana nahery nangataka tamin'Andriamanitra ho azy.**

**Ary rehefa fantany tsara izany, dia nankany an-tranon'i Maria... izy; ary nisy olona maro niangona nivavaka tao.**

**Asan'ny Apostoly 13:1,3 Ary teo amin'ny fiangonana tany Antiokia nisy mpaminany sy mpampianatra... Ary rehefa nifady hanina sy nivavaka ary nametra-tanana taminy izy, dia nandefa azy.**

### ✦ Famintinana– Inona ny Vavaka?

Ny vavaka dia tsy fitalahoana aminaAndriamanitra mihanahana hihetsika ho antsika. Tsy fotoana hilazantsika amin'Andriamanitra ny olantsika rehetra izany. tsy fandresen-dahatra an'Andriamanitra fa mendrika isika na mendrika ny hafa. Tsy fomba fandresen-dahatra ny hafa ihany koa fa isika dia ara-panahy be.

Ny vavaka dia fotoana firaisana amin'Andriamanitra– firesahana Aminy ary fihainoana ny havaliny tahaka ny ataontsika amin'ny tena namantsika. Ny vavaka dia fotoana hanatonantsika Azy miaraka amin'ny zavatra ilaintsika sy ny zavatra ilain'ny hafa.

Andriamanitra dia nonome antsika fomba fivavaka roa– amin'ny fanahy sy ny saina. Nanome antsika fahafahana hivavaka amin'ny fanahy mandrapahatongan'ny saintsika hampahiratina Izy mba ahafahantsika mivavaka ny momba ny sitrapony amin'ny tranga misy antsika.

Ny vavaka dia sady tombontsoa no andraikitry ny mpino tsirairay.

### FANONTANIANA FAMERENANA

1. Soraty ny famaritanao manokana ny vavaka amin'ny fampiasana farafahakeliny andinin-tSoratra Masina roa mba hanohanana ny hevitrao.

2. Inona ireo fomba fivavaka roa voalazan'i apostoly Paoly? Hazavao ny fomba fiarahan'ireo.

3. Fa maninona ny vavaka no zava-dehibe aminao?

*Lesona Faharoa*

# Mahatakatra Ny Fototra

Alohan'ny ahafahantsika mivavaka mahomby, dia tokony ho takatsinka hoe iza no afaka mivavaka– inona no toerantsika ao amin'I Kristy– ary inona no fahefantsika.

## IZA NO AFAKA MIVAVAKA?

Ny vavaka ho famonjena – finoana an'I Jesosy, amin'ny maha Zanak'Andriamanitra Azy– dia re foana. Ilay jiolahy niala aina teo amin'ny hazo fijaliana dia nivavaka ary nahazo valim-bavaka.

**Lioka 23:42,43 Ary hoy izy: "Jesosy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin'ny fanjakanao Hianao."**

**Dia hoy Jesosy taminy: "Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa."**

Ilay mpamory hetra dia nivavaka ary nohainoana.

**Lioka 18:13 Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavitra eny, sady tsy nety niandrandra ny lanitra akory, fa niteha-tratra ka nanao hœ: "Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota!"**

Ny vavaka no tombontsoa mahafinaritra ho an'ny zanak'Andriamanitra. Manana zo hanatona an'Andriamanitra amin'ny vavaka isika. Andao hijery ohatra vitsivitsy avy amin'ny Soaratra Masina mikasika ireo izay afaka mivavaka isika ary avy eo isika handalina ny toerana sy fahefana nomen'Andriamanitra antsika.

### Ohatra Avy Amin'ny Soratra Masina

Ny fihaviana tsy mahatonga fahasamihafana. Ny fahombiazana ara-bola dia tsy mahatonga fahasamihafana. Andriamanitra dia mandre ny olona izay miantso ny Anarany, olona izay manetry ny tenany, olona izay miravoravo Aminy, olona izay mametraka ny lalany amin'ny Tompo.

➢ *Olon'Andriamanitra*

**2 Tantara 7:14 "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."**

➢ *Ireo Izay Miravoravo Amin'Andriamanitra*

**Salamo 37:4 Ary miravoravoa amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao.**

➢ *Ireo Izay Matoky Azy*

**Salamo 37:5 Ankino amin'i Jehovah ny lalanao, ary matokia Azy, fa hataony tanteraka.**

➢ *Ny Mpanetry Tena*

**Salamo 10:17 Efa nohenoinao, Jehovah ô, ny irin'ny mpandefitra; mampiomana ny fony Hianao sady mampihaino ny sofinao,**

➢ *Ny Mahantra Sy Ny Malahelo*

**Salamo 69:33a Fa mihaino ny malahelo Jehovah...**

**Salamo 102:17 Nijery ny fivavaky ny mahantra Izy Ka tsy nanevateva ny fivavany.**

➢ *Ny Mijaly*

**Jakoba 5:13a Misy azom-pahoriana va eo aminareo? Aoka izy hivavaka.**

➢ *Ny Ory*

**Isaia 19:20 Ary ho famantarana sy vavolombelona ho an'i Jehovah, Tompon'ny maro, ao amin'ny tany Egypta izany; Fa hitaraina amin'i Jehovah noho ny mpampahory izy, ary haniraka mpamonjy sy mpiaro ho ao aminy Izy ka hamonjy azy.**

**Jakoba 5:4 Indro, ny karaman'ny mpiasa nijinja ny taninareo, izay hazoninareo, dia mitaraina; ary ny fitarainan'ny mpijinja dia efa tafiditra amin'ny sofin'ny Tompon'ny maro.**

➢ *Ny Mpitondra-tena Sy Kamboty*

**Eksodosy 22:21,22 Aza mampahory ny mpitondratena sy ny kamboty akory ianareo.Fa raha mampahory azy na amin'inona na amin'inona ianao, ka mitaraina amiko izy, dia hihaino ny fitarainany tokoa Aho.**

➢ *Izay Tsy Ampy Fahendrena*

**Jakoba 1:5 Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.**

➢ *Ny Mpikatsaka Ny Fahamarinana*

**Asan'ny Apostoly 10:30,31 Dia hoy Kornelio: "Loak'andro afak'omaly, mandra-paha-toy izao ny andro, raha nivavaka teto an-tranoko aho mandritra ny ora fahasivy, dia, indro, nisy lehilahy niakanjo akanjo mamirapiratra nitsangana teto anatrehako ka nanao hœ: Ry Kornelio, efa re ny fivavakao, ary efa tsarovana eo anatrehan'Andriamanitra ny fiantranao."**

➢ *Ny Marina*

**Ohabolana 15:29 Jehovah dia lavitra ny ratsy fanahy; Fa ny fivavaky ny marina no henoiny.**

## NY TOERANTSIKA AO AMIN'I KRISTY

Ny fahatakarana ny fomba tokony ho fivavaka, dia voalohany mila takantsika voalohany ny toerantsika ao amin'I Kristy. Nandritra ny taona maro, dia nanatona an'Andriamanitra tahaka ny "mpanota very mahantra" isika. Nanatona Azy miaraka amina fahatsapana tsy mendrika sy meloka isika. Nahita ny tenantsika mahantra loatra isika, ka tsy nisy fomba nahafahantsika nino fa Andriamanitra dia mikarakara antsika, mihaino antsika, na miasa amin'ny alalantsika. Tsy izany no fijerin'Andriamanitra antsika.

Isika dia mpanota very mahantra teo aloha, fa tamin'ny alalan'I Kristy dia novidiana tao amin'ny tsenan'ny andevon'ny ota. Natao taranaka voafidy isika, fanjakam-pisorona. Rehefa

mivavaka isika, dia tokony hahita ny toerantsika amin'izay toerana izay.

## Sakana Foana Ny Ota

➢ *Fanatitra Naorina*

Rehefa nanota Adama sy Eva, dia tsy nanana firaisana misokatra tamin'Andriamanitra intsony izy. Voatery nandao ny Saha-Edena izay nahafahany nandeha sy niresaka tamin'Andriamanitra nifanatri-tava izy. Ny fanatitra nalatsa-dra voalohany dia nataon'Andriamanitra hanomezany azy firakofana.

**Genesisy 3:8-10,21 Ary nandre an'i Jehovah Andriamanitra nitsangantsangana teo amin'ny saha izy, rehefa ho hariva ny andro; ary ralehilahy sy ny vadiny niery ny tavan'i Jehovah Andriamanitra tao anaty hazo tao amin'ny saha.**

**Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hœ: "Aiza moa ianao?"**

**Dia hoy izy: "Nandre Anao tao amin'ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery."**

**Ary Jehovah Andriamanitra nanao akanjo hoditra ho an'i Adama sy ny vadiny ka nampiakanjo azy.**

Ao amin'ny Genesisy fahaefatra, dia hitantsika ny tantaran'i Kaina sy Abela manao fanatitra– sorona– ho an'ny Tompo. Ny anankiray nankasitrahana, ny anankiray tsia. Fa maninona? Tsy niaraka tamin'ny fandatsahan-dra no nanatonan'i Kaina ny fanatrehan'Andriamanitra.

**Genesisy 4:2b-5a Ary Abela dia mpiandry ondry, fa Kaina kosa mpiasa tany. Ary rehefa afaka elaela, dia nitondran'i Kaina ny vokatry ny tany ho fanatitra ho an'i Jehovah. Fa nitondran'i Abela kosa ny voalohan-terak'ondriny, dia izay matavy. Ary Jehovah nankasitraka an'i Abela mbamin'ny fanatiny; fa Kaina mbamin'ny fanatiny kosa tsy mba nankasitrahany.**

Tamin'ny alalan'i Mosesy no nomena ny lalàna ary Andriamnitra dia nametraka karazana fanatitra ho an'ny karazana fahotana. Fa hatramin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha, hatramin'ny Fanekena vaovao, dia nanome làlana hatrany Andriamanitra ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy mba hanatona Azy amin'ny alalan'ny fanatitra– amin'ny alalan'ny fandatsahan-dra biby izay tsy manan-tsiny.

Ny fanatitra rehetra dia manondro mialoha Ilay Fanatitra Tanteraka– Ilzay Zanak'Ondrin'Andriamanitra Izay ho avy.

➢ *Mpisorona Napetraka*

Andriamanitra dia nametraka mpisorona ho mpanalalana amin'olona sy Andriamanitra. Nanolotra fanatitra teo amin'ny toeran'ny olona izy. Andriamanitra dia nametraka Mpisoronabe, ilay mpisorona izay afaka miditra ny Toerana Masina Indrindra ary manotana ny seza famindrampo indray isan-taona. Ao arinan'ny nanaovany ny fanatitra araka ny mety atao izy, dia afaka ny nankeo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra misolo toerana ny olona.

**Eksodosy 25:17,21,22a "Ary manaova rakotra fanaovam-panavotana amin'ny volamena tsara: roa hakiho sy sasany ny lavany, ary iray hakiho sy sasany ny sakany.**

**"Ary apetraho eo ambonin'ny fiara ny rakotra fanaovam-panavotana; ary ao anatin'ny fiara no asio ny Vavolombelona izay homeko anao. Ary ao no hihaona aminao Aho, ka ao ambonin'ny rakotra fanaovam-panavotana no hitenenako aminao..."**

Ny asan'ny mpisorona dia nanondro mialoha an'I Jesosy Izay tonga Mpisoronabe ho antsika.

**Jesosy Dia Tonga**

➢ *Sorona Ho Antsika*

Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, dia tonga tanteraka, ilay fanatitra feno ho an'ny fahotantsika Izy ka nanala ny sazin'ny fahotana.

**Hebreo 9:26b-28a ... fa ankehitriny, dia efa naseho indray mandeha tamin'izao andro farany izao Izy raha hanafaka ny ota tamin'ny nanaterany ny tenany. Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana, dia tahaka izany koa Kristy, rehefa natolotra indray mandeha hitondra ny otan'ny maro.**

**Hebreo 10:12-14 Fa Izy kosa, rehefa nanao fanatitra iray monja ho mandrakizay noho ny ota, dia efa mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra, ka hatramin'izao dia miandry Izy mandra-panaony ny fahavalony ho fitœran-tongony. Fa ny fanatitra iray ihany no efa nahatanterahany ho mandrakizay izay olona hamasinina.**

➢ *Mpisoronabe Ho Antsika*

Ny epistily ho an'ny Hebreo dia maneho antsika an'I Kristy, Izay tamin'ny alalan'ny rany manokana, dia tonga Mpisoronabe ho anstika, ary nanokatra ny làlana ho an'ny mpino rehetra hankao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

**Hebreo 2:17 Koa amin'izany, dia miendrika mba hatao tahaka ny rahalahiny amin'ny zavatra rehetra Izy, mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin'Andriamanitra, mba hanaovany fanavotana noho ny heloky ny olona.**

**Hebreo 9:11,14 Fa Kristy kosa, rehefa tonga ho Mpisoronabe ny amin'ny zavatra tsara ho avy, dia namaky teo amin'ny tabernakely lehibe lavitra sady tsara lavitra, izay tsy nataon-tanana, izany hœ, tsy isan'izao zavatra ary izao,**

**Mainka fa ny ran i Kristy, Izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amin'ny asa maty mba hanompoanareo an'Andriamanitra velona.**

➢ *Ny Lalantsila*

**Jaona 14:6 Hoy Jesosy taminy: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako."**

Nisy lamba navesatra tao amin'ny tempoly izay nampisaraka ny efitra masina– izay ahafahan'ny mpisorona manompo– tamin'ny toerna masina indrindra– ilay toerana izay ny mpisoronabe ihany no afaka nanompo tao. Izany lamba izany dia tandindon'ny fisarahana amin'Andriamanitra sy ny olombelona. Ny lalana tokana nahafahan'ny mpisoronabe niditra tao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra dia amin'ny alalan'io lamba io ary indray isan-taona.

Tamin'ny fotoana nahafatesan'I Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana dia tritra tamin'ny fomba mahagaga avy any ambony ka hatrany ambany io lamba io.

**Matio 27:50,51a Ary rehefa niantso tamin'ny feo mahery indray Jesosy, dia nanolotra ny fanahiny. Ary, indro, ny efitra lamba tao amin'ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany...**

Ankehitriny, ny fomba hankanesantsika eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra dia mbola amn'ilay lamba ihany– amin'ny alalan'i Jesosy, amin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy mila miandry ny Andro Lehibe ny famelan-keloka intsony isika. Tsy takiana intsony isika mba hitondra fanatitra noho ny otantsika eo amin'ny mpisorona ary izy no hiditra eo amin'ny toerantsika. Ny tadiavina amintsika tahaka ireo mpisorona teo aloha, dia ny tonga amin'ny finoana sy fo madio.

**Hebreo 10:18-22 Ary rehefa misy famelana ireo, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony.**

**Koa amin'izany, ry rahalahy, satria manana fahatokiana hiditra ao amin'ny fitœrana masina isika noho ny ran'i Jesosy, amin'izay lalana natokany ho antsika, dia lalana vaovao sady velona, namaky teo amin'ny efitra lamba, dia ny nofony, sady manana Mpisorona lehibe mitandrina ny tranon'Andriamanitra, dia aoka isika hanatona amin'ny fo marina sy amin'ny fahatokiana be avy amin'ny finoana, manana fo voadio ho afaka amin'ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamin'ny rano madio.**

## Tamin'ny Alalan'ny Fanatitr'I Jesosy

Mila ny andro sisa iainantsika ny ahafahantsika mahatakatra ny zavatra nataon'I Jesosy ho antsika rehefa tonga sorona ho antsika Izy. Nitondra ny henatra teo amintsika Izy. Nitondra ny ozona. Nandoa ny sazin'ny fahotantsika Izy. Nanao antsika olom-baovao Izy! Ankehitriny, dia afaka miditra am-pahasahiana ny fanatrehan'Andriamanitra isika amin'ny maha zanany lahy sy zanany vavy antsika.

➢ *Novidiana Isika*

Novidiana tamin'ny sarany lehibe isika mba hahafahantsika mitondra voninahitra ho an'Andriamanitra .

**1 Korintiana 6:19,20 Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? Ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo.**

**Fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo.**

➢ *Natao Taranaka Voafidy*

Tsy tokony hanatona an'Andriamanitra tahaka ny "mpanota very mahantra " isika. Izany isika teo aloha. Ankehitriny, ny mpino tsirairay dia anisan'ny taranaka voafidy– fanjakam-pisorona– firenena masina— olona manokana!

**1 Petera 2:9 Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-mpisorona, firenena masina", olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga.**

➢ *Tonga Mpanjaka Sy Mpisorona*

Petera dia mampitaha ny mpino ho tahaka ny fanjakam-pisorona .

**1 Petera 2:9 Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-mpisorona...**

Ny apostoly Jaona dia nanortra ao amin'ny Apokalipsy fa Jesosy dia nanao antsika ho mpanjaka sy mpisorona ho an'Ilay Andriamaniny ary Rainy.

**Apokalypsy 1:5b,6 Ho an'izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny ràny, sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an'Andriamanitra Ray, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena.**

Zava-dehibe ny niantsoana antsika ho mpisorona sy mpanjaka.

➩ **Ny mpisorona dia manao fifonana ary ny mpanjaka manapaka.**

➩ **Ny mpisorona mangataka, mifona, ary mitsangana eo anelanelan'ny olona tsy masina sy Andriamanitra Marina.**

➩ **Ny mpanjaka manao vavaka manam-pahefana, vavaka manapaka.**

Rehefa nitomany ny fahotan'i Jerosalema Jesosy, dia nihetsika amin'ny maha Mpisorona Izyary ohatra ho antsika amin'ny maha mpisorona antsika.

**Matio 23:37 "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato izay irahina ho aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban'ny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany, fa tsy nety ianareo!"**

Rehefa nitsangana teo am-pivoan'ny tafio-drivotra sy niteny hoe "mitsahara" Izy dia nihetsika amin'ny maha Mpanjaka Azy ary ohatra ho antsika amin'ny fihetsehana amin'ny maha mpanjaka eto an-tany.

**Marka 4:39 Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hœ: "Mangina, mitsahara!" Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro.**

➢ *Afaka Miditra Amin'ny Fahasahiana Ao*

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia miteny amintsika fa tokony ho sahy isika manatona ny Toerana Masina Indrindra amin'ny alalan'ny ran'I Jesosy .

**Hebreo 10:19 Koa amin'izany, ry rahalahy. satria manana fahatokiana hiditra ao amin'ny fitœrana masina isika noho ny ran'i Jesosy...**

### Inona No Toerantsika?

Ny mpino rehetra mandeha amin'ny finoana sy fankatoavana, dia manana zo ny hiditra ny fanatrehan'Andriamanitra dia fototry ny fanavotana amin'ny alalan'ny ran'I Jesosy ary amin'ny alalan'I Jesosy Ilay Mpisoronaba antsika. Noho izany dia tenenina isika mba hiditra amin'ny fahasahiana ary amin'ny fahazoana antoka tanteraka momba ny finoana.

**Hebreo 10:22 Dia aoka isika hanatona amin'ny fo marina sy amin'ny fahatokiana be avy amin'ny finoana, manana fo voadio ho afaka amin'ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamin'ny rano madio.**

**Hebreo 4:16 Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory.**

Ireo izay mametraka tsara ny toerana sy manome lanja ny ran'I Kristy no afaka manatona am-pahasahiana sy am-pahatokiana amin'ny vavaka.

## NY FAHEFANTSIKA AO AMIN'I KRISTY

Betsaka no manontany, "raha masi-mandidy Andriamanitra ary afaka manao ny zavatra rehetra tiany atao eo amin'izao tontolo izao, dia maninona isika no mila mivavaka?

"Fa maninona Andriamanitra no tsy manala ny ratsy eo amin'ny tany fotsiny tahaka ny nataony tany an-danitra?

"Angamba, raha mivavaka lavalava kokoa isika, na mafy kokoa, na tsotra kokoa, na mihiaka kokoa, dia afaka mandresy lahatra an'Andriamanitra hihetsika ho antsika.

"Noho ny antony samihafa, dia tahaka ny Andriamanitra mihanahana tsy hihetsika eto an-tany Izy, fa angamba ny vavaka ataontsika dia handresy lahatra Azy hanao izany. fa maninona Andriamanitra no tsy mihetsika eo amin'ny tranga amintsika amin'ny maha masi-mandidy Azy?

"Angamba tsy azony ilay izy, ary tokony ho lazaintsika Azy hatrany hatrany ilay izy– mampatsiahy Azy mandra-panaovany ny faaniriantsika."

### Iza Andriamanitra?

Shirley Guthrie nanoratra hoe*, "Andriamanitra dia tsy Dadabe Lehibe Any An-danitra* izay manao ny zavatra rehetra ho antsika ary manao ny fiainatsika ho milamina, tsisy fanaintainana ary mora. Na koa Mpanao didy jadona be any an-danitra izay mampahory amin'ny fitsarana, amin-kery sy voninahitra tsy hay toherina.

"Ny Baiboly dia miteny amintsika zavatra roa momba Ilay Andriamanitra velona sy masi-mandidy. Amin'ny lafiny iray, dia tsy manam-pahataperana Izy, tsitoha, masi-mandidy, feno, afaka manao izay rehetra tiany. Ary amin'ny lafiny iray, dia toa Andriamanitra izay manatona ny olona sy mampahafantatra ny

Tenany amin'ny fomba akaiky Izy amin'ny maha Andriamanitra Izay te hanampy sy ho naman'izy ireo Azy.

"Sady tsy Mpanao didy jadona Izy no tsy dada lehibe, na fampiarahana ireo roa ireo. Fa Izy nefa dia Andriamanitra izay afaka amin'ny olombelona nefa voafatotra aminy koa; Ambony lavitra, nefa mbola miaraka aminy; lavitra , nefa akakiky; mahery be nefa feno fitiavana, feno fitiavana nefa mahery vaika ihany koa."

*Fanamarihana: Ireo fanambarana eo ambony dia nalaina avy amin'ny* ***Foto-pampianarana Krisitiana*** *natontan'ny CLC Press, Richmond, Virginia.*

Rehefa miezaka ny mahazo an'Andriamanitra isika, dia hitantsika ny saintsika mahaolombelona fa lavitra ary kely loatra raha hanao zavatra. Mitady hifantoka amina lafin-javatra vitsy fotsiny isika. Andriamanitra dia mihoatra lavitra noho izay mety ho takantsika!

➢ *Andriamanitra Masi-mandidy*

Masi-mandidy Andriamanitra. Izany dia teny izay maneho ny fanapahan'Andiamanitra ambony indrindra. Feno Andriamanitra. Tsy ambanin'ny fifehezana ivelany na inona na inona Izy. Ny endrika zava-misy rehetra dia anatin'ny fifehezany daholo.

Andriamanitra ihany no manana ny fetra apetrany amin'ny Tenany ary izany fetra izany ihany no avelany hamaritra ny Teotrany. Ohatra, Andriamanitra dia tanteraka amin'ny fitiavana ka tsy afaka hanao na inona na inona isika hanodikodina izany fitiavana tanteraka izany.

**Iza Ny Olombelona?**

Davida dia tena manao asa mahafinaritra amin'ny fanazavana amintsika momba an'Andriamanitra sy ny olombelona.

**Salamo 8:4-9 Inona moa ny olona, no ahatsiarovanao azy? Ary ny zanak'olombelona, no amangianao azy?**

**Fa efa nataonao ambany kely noho Andriamanitra izy, ary efa nosatrohanao voninahitra sy fiandrianana.**

**Efa nampanjakainao amin'ny asan'ny tananao izy; ny zavatra rehetra dia efa nataonao eo ambanin'ny tongony,**

**Dia ny ondry aman'osy sy ny omby rehetra, ary ny bibidia koa,**

**Mbamin'ny voro-manidina sy ny hazandrano any an-dranomasina,izay mandeha amin'ny lalan-dranomasina.**

**Jehovah Tomponay ô, endrey ny voninahitry ny anaranao amin'ny tany rehetra!**

**Mampita Fahefana**

Rehefa namorona an'i Adama sy Eva araka ny Endriny Andriamanitra, dia nofороniny ho eo amin'ny planeta izay nametrahana an'i Satana sy ny demonia rehetra rehefa noroahaina ny lanitra izy ireo. Ny zavatra voalohany nolazainy an'i Adama sy Eva rehefa avy noforoniny izy ireo, "Aoka hanjaka izy."

**Genesisy 1:26,27 Ary Andriamanitra nanao hœ: "Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany."**

**Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.**

Teto an-tany, ny Tsitoha dia nampita ny fahefany tamin'ny olombelona Izy. Nametraka ny fanjakany teto an-tany ho eo an-tanan'izy ireo Izy!

Ny fanjakana dia midika hoe mampanompo, mifehy, mambabo, manandevo.

Fa maninona ny tany izay raitra noforonin'Andriamanitra indray, no mila fifehezana, fambaboana, ary fanandevozana? Satana sy ny demonia.

Na dia nanota aza Adama sy Eva, dia tsy nalain'Andriamanitra indray ilay fahefana izay nomeny azy. Ny olombelona no nanolotra izany an'i Satana ary Satana no lasa andiamanitr'izao tontolo izao. Nandritra ny efatra arivo taona, dia nohazon'i Satana izany fahefana izany ary na dia niharatsy azan y fandehan'ny zavatra rehetra, Andriamanitra dia tsy naka izany indray.

Fa maninona? Satria nampitainy tamin'olombelona izany.

## Ilay Adama Farany

Rehefa manomboka azontsika hoe iza ilay Adama voalohany– noforonina ho iza izy – dia afaka manomboka mahatakatra ny mahazava-dehibe amintsika ny nahatongavan'I Jesosy ho Adama Farany isika.

Ilay Adama voalohany dia noforonina mba handeha amim-pahefana eto an-tany. Noforonina mba hanjaka amin'i Satana sy ny demonia izy. Noforonina mba hanana fifandraisana amin'Andriamanitra izy.

Tonga amin'ny maha Adama Farany Jesosy– Ilay Olombelona Tanteraka. Tonga Jesosy handeha amin'ny fahefana eto an-tany, hanohitra an'i Satana, hiana fiainana tanteraka, ary ho faty hisolo toerana antsika– ilay Fanatitra Tanteraka.

**1 Korintiana 15:45 Ary araka izany koa no voasoratra hœ: "Adama voalohan-dahy natao manan'aina." Adama farany natao fanahy mahavelona.**

Tokony ho fantantsika fa Jesosy dia tsy niasa teto an-tany, tamin'ny heriny amin'ny maha Zanak'Andriamanitra Azy. Navelany izany zo izany ary nihetsika teto an-tany amin'ny maha olombelona azy– Olona Tanteraka– Ilay Olona izay namoronan'Andriamanitra an'i Adama.

**Filipiana 2:6-8 ... Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny**

**olona. Ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana.**

Rehefa nitsangana teo amin'ny sambo Jesosy ary niteny ny zava-misy hoe, "Mangina, mitsahara!" dia nisy fahanginana be. Fanjakana izay!

Tamin'ny fahafatesana, dia nandresey an'i Satana Jesosy, Naka ny fnalahidy indray, ary nanome izany ny mpino, ny Tenany, ny Fiangonany.

**Matio 16:19 "Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra."**

Jesosy dia nilaza fa hanangana fiangonanan izay tsy azon'ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita resena. Jesosy nilaza fa na inona na inona fehezintsika eto an-tany, dia hofehezina any an-danitra ary na inona na inona vahantsika eto an-tany dia hovahana any an-danitra.

Hazavain'I Jesosy izany fahefana nampitaina izany ao amin'ny Marka.

**Marka 13:34 Izany dia tahaka ny olona nandeha hivahiny, izay nandao ny tranony ka nanome fahefana ny mpanompony, ka samy notolorany ny raharahany avy, ary ny mpiandry varavarana dia nasainy niambina tsara.**

Rehefa mivavaka isika, dia mamela ny hery sy ny fahefan'Andriamanitra hiasa eto an-tany. Any an-danitra, dia manana ny fahefana rehetra Andriamanitra, fa eto an-tany, dia nomeny ny fiangonana ny fahefana– ho anao sy ho ahy.

Ny fahefana izay tokony hampiasaina eto amin'ity planeta ity dia tokony hivoaka avy amin'ireo izay ao amin'I Kristy!

## Safidy Malalaka

Tahaka ny nanomezan'Andriamanitra ny fanjakana sy ny fahefana ho an'ny olombelona eto an-tany, dia nomeny safidy malalaka koa izy. Ary tahaka an'Andriamanitra izay tsy manodikodina ny fanapahana eny amin'ny tontolon'ny fanahy izay nomeny ny olombelona, dia tsy manodikodina ny safidintsika malalaka Izy.

Ny Safidy dia tsy inona fa ny zo hisafidy. Adama sy Eva dia nomena ny zo hifidy na hankatoa na tsy hankatoa an'Andriamanitra.

Andriamanitra dia tsy ary naka izany zo izay nomeny ny olombelona rehetra tamin'ny alalan'ny adama sy Eva izany. Manana zo hisafidy isika. Afaka mino an'Andriamanitra isika na tsy mino Azy. Afaka mitia Azy isika, na tsy hitia Azy. Afaka manompo Azy isika, na tsy manompo Azy. Ny safidy ataontsika amin'ny minitra tsirairay dia antsika. Isika no tompon'andraikitra amin'ny zavatra mitranga noho ny amin'ny safidy nataontsika.

Impiry isika no mandre fanontanian'ny mpino hoe, "Ahoana no mahatonga an'Andriamanitra mamela zavatra ratsy toy izao hitranga?"

Tsy navelan'Andriamanitra hiseho izany. Isika no namela izany.

Izany fahamarinana izany dia tsy hitondrana fanamelohana. Fa hitondrana fahafahana. Ny fahadisoana dia niparitaka tamina taranak amro nifanesises. Ny ratsy dia nitombo hatramin'ny fotoana izay nahitana fa hila ho voalevona mihitsy ny fahamarianana. Fa ny Tenin'Andriamanitra dia mbola marina foana. Ny fahefana eto an-tany dia antsika. Nalain'I Jesosy indray izany ho antsika. Nomeny antsika ny fanalahidin'ny fahefana. Ny hany zavatra tokana afaka ataon'i Satana na ny demonia eto an-tany dia ny namelan'ny olombelona azy ho ataony. Izao no fotoana hahatonga antsikaa sahy ao amin'I Jesosy Kristy. Mila mianatra mivavaka isika ary maka ny fanjakana amin'ny fahefana naverina tamintsika.

**Amin'ny Anarany**

Ny toerantsika sy ny fahefantsika dia ao amin'I Jesosy tanteraka. Noho izany dia mila mivavaka amin'ny Ray amin'ny alalan'ny Anaran'I Jesosy foana isika. Noekena tao amin'I Jesosy isika; malala ao Aminy isika; mpiara-mandova aminy isika. Ny zavatra rehetra ananantsika dia ao amin'I Jesosy.

**Jaona 14:6,13 Hoy Jesosy taminy: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.**

**Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka."**

## ✦ Famintinana– Mahatakatra Ny Fototra

Andriamanitra dia nahary an'i Adama sy Eva mba hanana fifandraisana Aminy. Tamin'ny harivariva Izy no nankeo aminy mba hiresaka aminy, fa izany fifandraisana mahafinaritra izany dia very rehefa nanota Adama sy Eva. Ny fahefana izay nampitainy taminy dia voatolotra an'i Satana izay lasa mpanmapaka izao tontolo izao. Andriamanitra dia afaka ny tsy nijery sy namela ity planeta ity sy ny zavatra rehetra eo aminy ho embanin'ny fifehezan'i Satana – fa tsy nataony izany.

Ny Zanak'Andriamanitra, Jesosy, dia tonga mba haka indray tamin'i Satana ny zavatra rehetra verin'ny olombelona. Navelany Jesosy ny zo-ny maha andriamanitra Azy ary tonga teto an-tany ho adama Farany. Nandeha teto an-tany tamin'ny fahefana izay namoronana ny lehilahy sy ny vehivavy Izy. Maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy ho fandoavana ny sazin'ny fahotana. Tamin'ny alalan'ny Fanatiny dia lasa anisan'ny taranaka voafidy isika – voafidy ao Aminy. Ao Aminy, dia lasa mpanjaka sy mpisorona isika. Nomeny antsika ny Anarany ary nomeny antsika ny fahefany.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Amin'ny fiteninao manokana, dia hazavao ny fahefana, ny fahefana nampitaina, ary ny safidy malalaka.

2. Amin'ny toerana na anarana inona no hahafahan'ny mpino tsirairay manana zo hiditra eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ary manao fangatahana?

3. Fa maninona Andriamanitra no tsy mahita fotsiny ny ilain'ny olona ary mandefa ny fitahiana tokony ho azy amin'ny fotoana mety na dia tsy mangataka aminy akory aza ireo?

*Lesona Fahatelo*

# Jesosy Nivavaka

Jesosy no ohatra ho antsika amin'ny lafin'ny diantsika rehetra Kristiana. Mba hahafantarana izay tokony ho ataontsika, dia tokony hianarantsika izay nataony. Nandritra ny asa fanompoan'I Jesosy teto an-tany, dia nanatona Azy ny olona. Nangataka Taminy izy ireo ary nomeny azy ny nilainy. Nanafaka azy tamin'ny famatoran'ny demonia Izy. Nositraniny ny tenany.

Jesosy dia olom-bavaka. Nivavaka Izy ary nampianatra ny mpianany hivavaka.

## JESOSY DIA NAMALY NY VAVAKA NY VAHOAKA

Jesosy dia namely ny fangatahan'ny olona na taiza na taiza nalehany nandritra ny fanompoany teto an-tany. There is great encouragement for us in these answers. Vitsy amin'ireo vavaka sy ny valiny ireo ihany no hojerentsika.

### Mety Aho

Nisy boka nanatona an'I Jesosy ary niteny hoe, "Raha mety Ianao, dia mahay manadio ahy."

Manentana be ny famalian'I Jesosy, "Mety Aho!" naneho ny fon'ny Ray Izy rehefa niteny hoe, "Mety aho!"

**Marka 1:40-42 Ary nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hœ: "Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy."**

**Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao taminy hœ: "Mety Aho; madiova ianao."**

**Ary niaraka tamin'izay dia niala taminy ny habokany, ka dia nadio izy.**

Raha ho fanasitranana ny vavaka ataontsika, dia mbola mety Andriamanitra.

### Minoa Fotsiny Ihany

Manana ohatra iray amina valim-bavaka fanasitranana isika rehefa nisy mapnapaka ny Synagoga izay niankohoka teo amin'ny tongotr'I Jesosy ary niangavy Azy fatratra ny amin'ny ain'ny zananivavy. Na dia nagataka aza izy, ilay vaovao ratsy mety hiseho no tonga. "Tara loatra. Maty ny zanakao vavy."

Fa Jesosy niteny hoe, "Azo matahotra, minoa fotsiny ihany." Tena fanamby lehibe ho antsika. Rehefa nivavaka isika ary nanjavona daholo ny fanatenana rehetra, dia tokony mbola hino foana.

**Marka 5:22,23,35-42 Dia avy ny anankiray tamin'ny mpanapaka ny synagoga, Jairo no anarany. Ary rehefa nahita an'i Jesosy izy, dia niankohoka teo amin'ny tongony ka niangavy fatratra taminy hœ: "Marary efa ho faty ny zanako-vavy kely; andeha re, mametraha ny tananao aminy, mba ho sitrana izy ka ho velona."**

**Raha mbola niteny Jesosy, dia nisy tonga avy tany amin'ilay mpanapaka ny synagoga ka nanao hœ: "Efa maty ny zanakao-vavy; nahoana ianao no mbola manahirana ny Mpampianatra ihany?"**

**Fa tsy nahoan'i Jesosy izany teny nataony izany, fa hoy Izy tamin'ilay mpanapaka ny synagoga: "Aza matahotra, minoa fotsiny ihany."**

**Ary tsy nisy olona navelany hanaraka Azy afa-tsy Petera sy Jakoba ary Jaona, rahalahin'i Jakoba. Ary dia tonga tao an-tranon'ilay mpanapaka ny synagoga izy ireo, ka hitan'i Jesosy ny tabataba, dia ny olona izay nitomany sy ninaonaona be ihany. Ary rehefa niditra Izy, dia niteny taminy hœ: "Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany? Tsy maty razazavavy, fa matory." Dia nihomehy Azy fatratra ny olona.**

**Fa nandroaka azy rehetra Izy, dia nitondra ny ray aman-drenin-drazazavavy mbamin'izay olona teo aminy ka niditra tao amin'izay nisy an-drazazavavy. Dia nandray ny tànan-drazazavavy Izy ka niteny taminy hœ: "Talita komy," izany hœ, raha adika: "Ry zazavavy, hoy Izaho aminao: Mitsangàna."**

**Dia nitsangana niaraka tamin'izay razazavavy ka afa-nandeha; fa efa roa ambin'ny folo taona izy. Ary niaraka tamin'izay dia talanjona indrindra ny olona.**

### Araka Ny Finoanao

Jamba roa no nahalala ny fomba fiantsoantsoana an'I Jesosy.

**Matio 9:27-30a Ary nony niala teo Jesosy, dia nisy jamba roa lahy nanaraka Azy sady niantsoantso hœ: "Mamindrà fo aminay, ry Zanak'i Davida ô!"**

**Ary rehefa niditra tao an-trano Izy, dia nanatona Azy ireo jamba; ary hoy Jesosy taminy: "Mino va ianareo fa mahay manao izany Aho?" Hoy izy taminy: "Eny, Tompoko."**

**Dia nanendry ny masony Izy ka nanao hœ: "Tongava aminareo araka ny finoanareo." Dia nahiratra ny masony.**

### Aoka Hazava Tsara

Jamba roalahy no nipetraka teo amoron-dàlana nangataka. Rehefa nandalo Jesosy, dia niantsoantso izy hoe, "Tompo ô, mamindra fo aminay!"

Jesosy namaly hoe, "Inona no tianareo ataoko aminareo?" nangata-bola ve izy ireo sa nangataka fanasitranana?

**Matio 20:29-34 Ary raha niala tao Jeriko izy, dia nisy vahoaka betsaka nanaraka an'i Jesosy. Ary, indreo, nisy jamba roa lahy nipetraka teo amoron-dalana, ary nony reny fa Jesosy no mandalo, dia niantso izy ka nanao hœ: "Mamindrà fo aminay, ry Tompo, Zanak'i Davida ô!"**

**Ary ny vahoaka niteny mafy azy mba hangina; fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hœ: "Mamindrà fo aminay, ry Tompo, Zanak'i Davida ô!"**

**Ary Jesosy nijanona, dia niantso azy ka nanao hœ: "Inona no tianareo hataoko aminareo?"**

**Hoy izy taminy: "Tompoko ô, ny mba hampahiratina ny masonay."**

**Ary Jesosy dia onena azy ka nanendry ny masony; ary nahiratra niaraka tamin'izay izy, dia nanaraka an'i Jesosy.**

Mariho tsara fa rehefa niteny ny manodidina hoe, “Mangina! Avelao Izy,” dia notohizany ny fangatahany. Na izany aza, tsy tena mbola nazava tsara izy ireo. Amin’io ohatra io, dia misy fahamarinana roa ho antsika. Tokony hitohy hiantsoantso an’Andriamanitra isika amin’ny zavatra ialaintsika na dia miteny aza ny hafa hoe aoka izay, ary tokony hazava tsara isika.

### Manohitra Ny Devoly

**Matio 17:14-21 Ary rehefa tonga teo amin'ny vahoaka izy ireo, nisy lehilahy anankiray nanatona an'i Jesosy, dia nandohalika teo anatrehany ka nanao hœ: “Tompoko, mamindrà fo amin'ny zanako-lahy, fa mararin'ny androbe izy ka mahantra tokoa; fa matetika izy no mianjera ao amin'ny afo, ary matetika ao amin'ny rano. Ary nitondra azy tamin'ny mpianatrao aho, fa tsy nahay nahasitrana azy izy.”**

**Ary Jesosy namaly ka nanao hœ: “Ry taranaka tsy mino sady efa nivadika, mandra-pahoviana no hitœrako aminareo? Mandra-pahoviana no handeferako aminareo? Ento aty amiko izy.” Ary niteny mafy azy Jesosy, dia nivoaka taminy ny demonia, ka sitrana ilay zazalahy tamin'izay ora izay.**

**Dia nankao amin'i Jesosy mangingina ny mpianatra ka nanao hœ: “Nahoana izahay no tsy nahavoaka azy?” Ary hoy Jesosy taminy: “Noho ny fahakelezan'ny finoanareo ihany; fa lazaiko aminareo marina tokoa: Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza ianareo ka hiteny amin'io tendrombohitra io hœ: Mifindrà ery , dia hifindra izy; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao. Kanefa iny karazana iny tsy mivoaka raha tsy avoaka amin'ny fivavahana sy ny fifadian-kanina.”**

Ny mpianatra dia nanontany an’I Jesosy ny amin’ny tsy fahampiam-kery amin’izy ireo manoloana io tranga io ary nomeny Jesosy azy ny antony– ny tsy finoana– ny vahaolana– vavaka sy fifadian-kanina.

## NY FIAINAM-BAVAK’I JESOSY

Ny zavatra rehetra ananantsika, ny mombantsika rehetra, ny zavatra rehetra tokony ho ataontsika dia amin’ny alalan’I Jesosy, Ilay Adama Farany, Ilay Olona tanteraka dia nila nandany fotoana irery niaraka tamin’Andriamanitra, mainka fa isika no tokony hanao izany.

Inona no zava-dehibe indrindra amin’ny fianarana momba ny vavaka mihoatra noho ny vavak’I Jesosy. Ao amin’ny filazantsaran’ny Lioka no tena hitantsika kokoa ny fiainam-bavak’I Jesosy mihoatra noho ny any amin’ny Filazantsara hafa.

### Nivavaka Tamin’ny Nanaovana Batisa Azy

Jesosy dia nivavaka tamin’ny nanaovana batisa Azy. Tsy nolazaina antsika izay tonom-bavaka nataony, fa nivavaka fotsiny Izy ary namaly Andriamanitra.

**Lioka 3:21,22 Ary rehefa natao batisa ny vahoaka rehetra, ary Jesosy koa efa natao batisa sy nivavaka, dia nisokatra ny lanitra. Ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny**

**voromailala; ary nisy feo avy tany an-danitra nanao hœ: "Hianao no Zanako malalako; Hianao no sitrako."**

### Nivavaka Irery Ny Maraina

Jesosy dia nivavaka maraina alina tamina toerana mitokana.

**Marka 1:35 Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany.**

### Nivavaka Talohan'ny Nandraisana Fanapahan-kevitra

Jesosy dia nivavaka nialohan'ny nandraisany fanapahan-kevitra lehibe.

**Lioka 6:12,13 Ary tamin'izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin'Andriamanitra nandritra ny alina Izy. Ary nony maraina ny andro,dia nantsoiny hanatona Azy ny mpianany, ka nifidianany roa ambin'ny folo lahy, izay nataony hœ Apostoly,**

### Nandeha Nitokana Ary Nivavaka

Rehefa nanodidina Azy ny vahoaka,ary betsaka no nila fanasitranana, dia matetika Jesosy no nandeha nitokana ary nivavaka. Ny ilain'ny vahoaka, dia tsy nihazona Azy tsy handany fotoana amin'ny vavaka.

**Lioka 5:15,16 Fa mainka niely bebe kokoa ny lazany, dia niangona ny vahoaka betsaka hihaino Azy sy hositranina tamin'ny aretiny. Ary niala teo Izy, dia nitœtra tany an-efitra ka nivavaka.**

**Ary rehefa nanao veloma ny olona Izy, dia lasa nankany an-tendrombohitra hivavaka.**

### Nivavaka Nialohan'ny Fahagagana

Jesosy dia nangataka ny fitahian'ny Tompo ho amin'ny sakafo ary avy eo nizara izany tamin'ny mpianatra ary izy ireo indray nizara tamin'ny vahaoaka. Vavaka no dingana voalohany tamin'ny fahagagana famahanana olona 5,000.

**Lioka 9:16,17 Ary rehefa noraisin'i Jesosy ny mofo dimy sy ny hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy, ka nanaovany fisaorana ireo, dia novakiny ka natolony ny mpianany harosony eny anoloan'ny vahoaka. Dia nihinana izy rehetra ka voky; ary nangonina izay sombintsombiny sisa tsy lany, ka nisy roa ambin'ny folo harona.**

### Nivavaka Niaraka Tamin'ny Mpianatra

Nivavaka irery Izy, ary nivavaka niaraka tamin'ny hafa.

**Lioka 9:18a Ary raha nivavaka tao amin'ny mangingina Jesosy, sady teo aminy ny mpianany ...**

### Nivavaka Ho An'ny Ankizy Kely

Nametra-tanana tamin'ny ankizy kely Izy ary nivavaka ho azy.

**Matio 19:13a Ary tamin'izany dia nisy zazakely nentina teo amin'i Jesosy mba hametrahany ny tànany sy hivavahany ho azy...**

### Nivavaka Ho An'I Simona Ka Nanonona Ny Anarany

Nivavaka ho an'iray amin'ireo mpianatra tamin'ny fanononana ny anarany Izy.

**Lioka 22:31,32 Ary hoy ny Tompo: "Ry Simona, ry Simona! Indro, Satana efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary. Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao; ary rehefa mibebaka ianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao.'**

### Niova Ny Tarehiny

Nisy fotoana rehefa nivavaka Jesosy, dia niova ny tarehiny sy ny akanjony.

**Lioka 9:28,39 Ary rehefa tokony ho havaloana taorian'izany teny izany, dia nitondra an'i Petera sy Jaona ary Jakoba Izy ka niakatra tany an-tendrombohitra hivavaka. Ary raha mbola nivavaka Izy, dia niova ny tœtry ny tarehiny, ary ny fitafiany dia tonga fotsy sady nanelatrelatra.**

### Nivavaka Firavoravoana

Ao amin'ny Lioka dia tsy nolazaina fotsiny isika fa nivavaka Jesosy, fa nolazaina tamintsika ny tonom-bavaka nataony.

**Lioka 10:21 Ary tamin'izany ora izany dia ravoravo tamin'ny Fanahy Masina Jesosy ka nanao hœ: "Midera Anao Aho, Raiko ô, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa efa nafeninao tamin'ny hendry sy ny manantsaina izany ka nasehonao tamin'ny zaza madinika; eny, Raiko, fa izany no sitrakao."**

## JESOSY NIVAVAKA HO ANTSIKA!

Ny took iray manontolo ao amin'ny Jaona 17, dia manome antsika vavaka mahafinaritra nataon'I Jesosy. Rehefa kely sisa ny fotoanany tety ambonin'ny tany, dia nivavaka ho an'ny mpianatra Izy, ny mpino tamin'izany fotoana izany, ary ho an'izay hanaraka.

### Nanome Voninahitra Ahy Mba

### Ahafahako Manome Voninahitra Anao

**Jaona 17:1-19 Rehefa nolazain'i Jesosy izany teny izany, dia nanandratra ny masony ho amin'ny lanitra Izy ka nanao hœ: "Ray ô, tonga ny fotoana; mankalazà ny Zanakao, mba hankalazan'ny Zanaka Anao, araka ny nanomezanao Azy fahefana amin'ny nofo rehetra mba hanome fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra nomenao Azy. Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.**

### Nahavita Ny Asako Aho

**"Izaho efa nankalaza Anao tety ambonin'ny tany. Vitako ny asa nomenao Ahy hataoko. Ary ankehitriny, Ray ô, mankalazà Ahy amin'ny tenanao, dia amin'ny voninahitra niarahako nanana taminao, fony tsy mbola ary izao tontolo izao.**

### Nasehoko Taminy Ny Anaranao

**"Nasehoko tamin'ny olona izay nomenao Ahy avy tamin'izao tontolo izao ny anaranao. Anao ireny ka nomenao Ahy; ary notandremany ny**

**teninao. Fantany ankehitriny fa avy taminao izay rehetra efa nomenao Ahy.**

**Nomeko Azy Ny Teninao**

**"Fa ny teny izay nomenao Ahy dia nomeko azy kosa, ary noraisiny, ka fantany marina tokoa fa avy taminao Aho; ary nino izy fa Hianao no naniraka Ahy.**

**Mivavaka Ho Azy Aho**

**"Izaho mangataka ho azy; tsy mangataka ho an'izao tontolo izao Aho, fa ho an'izay nomenao Ahy, satria Anao izy. Ary izay Ahy rehetra dia Anao; ary izay Anao dia Ahy; ary efa ankalazaina eo aminy Aho.**

➢ *Tehirizo Amin'ny Anaranao Izy*

**"Ary tsy ho eto amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa izy ireto no ho eto amin'izao tontolo izao, ary Izaho mankany aminao. Ray masina ô, tehirizo ireo amin'ny anaranao izay nomenao Ahy, mba ho iray ihany izy, tahaka ny mahiray Antsika. Raha mbola teo aminy Aho, dia nitahiry azy tamin'ny anaranao izay nomenao Ahy; ary notandremako izy, ka tsy misy very, afa-tsy ilay zanaky ny fahaverezana ihany; mba hahatanteraka ny Soratra Masina.**

➢ *Mba hananany Fifaliana*

**"Fa ankehitriny mankany aminao Aho; ary izany teny izany no lazaiko eto amin'izao tontolo izao, mba hananany ny fifaliako tanteraka ao aminy. Efa nomeko azy ny teninao; ary halan'izao tontolo izao izy, satria tsy naman'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao.**

➢ *Arovy Amin'ny Ratsy Izy*

**"Izaho tsy mangataka aminao mba hampiala azy amin'izao tontolo izao, fa ny mba hiaro azy amin'ny ratsy. Tsy naman* izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao.**

➢ *Manamasina Azy*

**"Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana. Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao no mba nanirahako azy kosa ho amin'izao tontolo izao. Ary ho an'ireto no anamasinako ny tenako, mba hanamasinan'ny fahamarinanao azy."**

**Nivavaka Ho Antsika Izy!**

Ny vavak'I Jesosy dia nitohy ho an'ireo mpianatra sy mpino tamin'izany fotoana izany, ary avy eo Izy nivavaka ho an'izay hanaraka. Tafiditra anatin'izany isika! Tamin'ny teto an-tany Jesosy, dia nivavaka ho antsika.

➢ *Ireo Izay Hino*

**Jaona 17:20-26 "Nefa tsy ho an'ireto ihany no angatahako, fa ho an'izay mino Ahy koa noho ny teniny.**

➢ *Ho An'ny Firaisan'ny Mpino*

**"mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy; mba hinoan'izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy.**

➢ *Mba Hanam-boninahitra*

**"Ary nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy, mba ho iray izy, tahaka ny mahiray Antsika:**

➢ *Mba Hatao Tanteraka*

**"Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy.**

➢ *Mba hiaraka Aminy Indray*
*Andro Any*

**"Ray ô, tiako mba ho any amiko amin'izay itœrako ireo izay nomenao Ahy, mba hahita ny voninahitro nomenao Ahy izy; fa efa tia Ahy Hianao, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao. Ray marina ô! Tsy nahalala Anao izao tontolo izao; fa Izaho nahalala Anao, ary ireto efa mahalala fa Hianao no naniraka Ahy.**

➢ *Mba Ho Fenoina Ny Fitiavany*

**"Ary efa nampahafantariko azy ny anaranao, ary mbola hampahafantariko ihany, mba ho ao aminy ny fitiavana izay nitiavanao Ahy, ary Izaho koa ho ao aminy."**

Hatramin'io fotoana nivavahana io, Jesosy sy ny mpianatra dia nankany amin'ny Sahan'ny Getsemane avy hatrany.

**Jaona 18:1 Rehefa voalazan'i Jesosy izany teny izany, dia nandeha Izy mbamin'ny mpianany ka nita ny lohasahan-driaka Kidrona; ary nisy saha teo, izay nidiran'izy sy ny mpianany.**

## MITOHY NY VAVAKA NATAONY

### Tao Getsemane

Jesosy dia niatrika fahafatesana. Ory sy fadiranovana loatra Izy ary fantany fa nila nivavaka Izy. Faniriany ny hivavahan'ny mpianatra niaraka Taminy, fa tsy nahavita izy ireo. Ny ankamaroantsika dia mahalala inona no nitranga.

➢ *Ny Fitantaran'I Jaona*

Nivavaka tamin'ny fangorohoroana Jesosy.
**Jaona 12:27,28 "Ankehitriny mangorohoro ny fanahiko; ary ahoana no holazaiko: Ray ô, vonjeo Aho ho afaka amin'ity ora ity? nefa izao no nihaviako ho amin'ity ora ity. Ray ô, mankalazà ny anaranao." Dia nisy feo avy tany an-danitra nanao hœ: "Efa nankalaza azy Aho, ary hankalaza azy indray."**

➢ *Ny Fitantaran'I Matio*

Ny fitantaran'I Matio izany fotoana izany dia mampiseho antsika ny maha olombelona an'I Jesosy. Nila ny fifamatorana amin'ny tsirairay izy fananganana Azy tamim-bavaka. Tamin'ny maha olona Azy, dia namela ny sitrapony Izy mba hanaovany ny sitrapon'Andriamanitra na dia ny ho faty teo amin'ny hazo fijaliana aza.

**Matio 26:36-46 Ary Jesosy mbamin'ny mpianany dia tonga tao amin'ny saha anankiray atao hœ Getsemane, ary hoy Izy tamin'ny**

**mpianany: "Mipetraha eto aloha ianareo, raha mbola mankeroa hivavaka Aho."**

**Ary nitondra an'i Petera mbamin'izy roa lahy zanak'i Zebedio Izy, dia nalahelo am-po sy ory indrindra. Dia hoy Izy taminy: "Fadiranovana loatra ny fanahiko, toy ny efa ho faty; mitœra eto, ka miaraha miari-tory amiko."**

### ➯ Vavaka Voalohany

**Ary nony nandroso kelikely Izy, dia niankohoka ka nivavaka hœ: "Raiko ô, raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."**

**Jesosy nivavaka hoe, "Tsy ny sitrapoko, fa ny sitraponao."**

**Ary nankeo amin'ny mpianatra Izy ka nahita azy matory, dia hoy Izy tamin'i Petera: "Hay! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza ianareo! Miareta tory sy mivavaha ianareo, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy; mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery."**

Rehefa nahita azy natory Jesosy, dia nanotany azy, "tsy mahavita miara-miambina Amiko na dia ora iray akory va ianareo? Ary noteneniny azy ireo ny antony tokony hivavahany– mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy– fa hanaraka ny sitrapony ihany izy.

### ➯ Vavaka Faharoa

**Dia nandeha fanindroany Izy ka nivavaka hœ: "Raiko ô, raha tsy azo esorina ity, fa tsy maintsy hosotroiko, dia aoka ny sitraponao no hatao."**

### ➯ Vavaka Fahatelo

Jereo, ny fotoana faharoa nahatongavan'I Jesosy ka nahitany azy natory– dia navelany hatory izy ireo. Tsy nampitandremana fanindroany izy ireo.

**Ary nony tonga Izy, dia nahita azy matory indray; fa efa nilondolondo ny masony. Ary rehefa nandao azy Izy ka lasa indray, dia nivavaka fanintelony ka nanao izany teny izany ihany.**

Nivavaka fanintelony Jesosy, "Ho atao anie ny sitraponao."

**Dia nankeo amin'ny mpianatra Izy ka nanao taminy hœ: "Matoria ary ankehitriny, ka mialà sasatra ianareo; indro, efa akaiky ny ora, ary ny Zanak'olona hatolotra eo an-tànan'ny mpanota. Mitsangàna, andeha isika; indro fa efa akaiky ilay mamadika Ahy."**

➢ *Ny Fitantaran'I Lioka*

Lioka ilay mpitsabo dia manome antsika sary mazava be ny amin'ireo fotoam-bavaka ireo.

**Lioka 22:43,44 Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery Azy. Ary fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa; ary ny dininy dia tahaka ny rà nipotrapotraka tamin'ny tany.**

## Teo Amin'ny Hazo Fijaliana

➢ *Ray ô! Mamelà Azy*

Ny vavak'I Jesosy tamin'Izy nihantona teo amin'ny hazo fijaliana no tena lehibe indrindra ao amin'ny Soratra Masina. Namadika Azy ny noforoniny. Noendrikendrehana, nankahalaina, ary nohombohan'ireo izay noforoniny Izy. Novonoin'ireo izay nahatongavany hitondrana famonjena Izy. Raha misy olona teto an-tany tsy nanana antony tokony hamelàna, dia Jesosy izay. Ary na dia nahantona teo amin'ny hazo fijaliana aza izy tamin'ny fangirifiriana tafahoatra, sady niala aina, dia mbola nivavaka hoe, "Ray ô! Mamelà azy..."

**Lioka 23:34a Ary hoy Jesosy: "Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony."**

➢ *Ny Antsoantsony Farany*

**Lioka 23:46 Ary niantso tamin'ny feo mahery Jesosy ka nanao hœ: "Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko." Ary rehefa nieny izany Izy, dia afaka ny ainy.**

## Velona Mba Hanao Fifonana Hatrany

Jesosy dia olom-bavaka. Ohatra ho antsika amin'ny vavaka tsy mitsahatra. Ankehitriny, dia mbola mivavaka Izy– manao fifonana ho antsika any an-danitra Izy.

**Hebreo 7:25 Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy.**

## ✦ Famintinana– Jesosy Ilay Ohatra Lehibe Ho antsika

Jesosy Ilay Mpandidy Antsika Ambony Indrindra sady Lohany dia ohatra ho antsika ihany koa amin'ny fiainam-bavaka sy fankatoavana. Ny filazanstara dia feno andinin-tSoratra Masina mikasika ny fianam-bavaka-ny ary manome antsika fahatakarana momba ny fifandraisana amin'ny Raintsika Izay any an-danitra. Io Jesosy io, Ilay Zanak'Andriamanitra, dia nivavaka tamin'ny trangan-javatra rehetra ka ny zava-misy dia fanamby ho antsika koa. Miaina ny fiainantsika araka izay heverintsika ve isika, sa isika ve manatona ny Raintsika hatrany mba handraisantsika toro-làlana?

Jesosy nivavaka ho antsika– ho an'izay hino– mba handehanantsika amin'ny fitiavana sy firaisan-tsaina, mba ho tanteraka, mba ho hita eo amintsika ny voninahiny, ary mba hiaraka Aminy isika indray andro any.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Ho famaliana ilay lehilahy jamba izay nangataka famindrampo ao amin'ny Matio 20:27, dia maninona Jesosy no nanontany azy ny tiany ho ataony aminy? Inona ny zavatra nianaranao mombna ny vavaka avy amin'io Soratra Masina io?

2. Ao amin'ny Matio 17:14, rehefa nanatona an'I Jesosy ilay lehilahy nanan-janakalahy voan'ny androbe ary niteny Taminy fa ny mpianany tsy afaka nanasitrana azy, dia inona no antony nolazain'I Jesosy ny mpianany tao amin'ny mangingina tsy nahafan'ireo nanao izany? Inona ny zavatra nianaranao mombna ny vavaka avy amin'io Soratra Masina io?

3. Manomeza ohatra telo momba ny vavak'I Jesosy ary lazao ny zavatra nianaranao avy amin'izany. Hazavao ny fiovana ho ataonao amin'ny fiainam-bavakao noho ny fahamarinana nianarana avy amin'ity lesona ity.

*Lesona Fahaefatra*

# "Tompo ô, Mampianara Anay Hivavaka"

Hitan'ny mpianatra fa ny fiainan'I Jesosy dia fiainam-bavaka, ka indray andro izy dia niteny hoe, "Tompo ô! Mampianara anay hivavaka." Ny zavatra niavaka teo amin'ny fiainan'I Jesosy– nisy zavatra izay nilain'izy ireo.

**Lioka 11:1 Ary Jesosy nivavaka tao amin'ny fitœrana iray, ka rehefa nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy: "Tompoko, mampianara anay hivavaka, tahaka ny nampianaran'i Jaona ny mpianany."**

Izao no tokony ho vavaky ny fontsika tsy misy fiafaràna,

**"Tompoko, mampianara anay hivavaka!"**

## NY VAVAKA NY TOMPO

Ny vavaky ny Tompo dia natao ohatra izay tokony ho nampiasain'ny mpianatra amin'ny fanaovany ny vavaka-ny manokana. Tsy hoe averimberina, araka izay efa nisy an-jato taonany maro tamina fotoam-pivavahana samy hafa.

Mariho tsara va ilay vavaka fohy nataon'I Jesosy ho ohatra dia – andininy telo fotsiny ao amin'i Lioka – moa andininy dimy kosa ao amin'i Matio (6:9-13).

**Ary hoy Izy taminy: "Raha mivavaka ianareo, dia ataovy hœ:**

**Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao.**

**Ho tonga anie ny fanjakanao.**

**Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.**

**Omeo anay isan'andro izay hanina sahaza ho anay.**

**Ary mamelà ny helokay; fa izahay koa mamela izay rehetra meloka aminay.**

**Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy."**

**Lioka 11:1-4**

Betsaka no boky tena tsara izay nosoratana miarakamin'ireo andininy vitsy monja ireo, nefa ilay andininy voalohany ihany no hifantohantsika.

### "Raha Mivavaka Ianareo– Dia Ataovy Hoe!"

Amin'io vavaka io, dia tsy niteny hoe raha mivavaka ianareo, dia miantsoa mafy tahaka ny miangavy Andriamanitra izay mihanahana mba hihaino anao, na mangataha fatratra na mitoloma. Hoy Izy raha mivavaka ianareo– dia ataovy hoe.

Io teny hoe ataovy hoe io ihany no nampiasain'I Jesosy amin'ny toerana hafa.

**Marka 11:23 "Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no hilaza amin'ity tendrombohitra ity hœ: Mifindrà, ka mianjerà any an-dranomasina, ka tsy hiahanahana ao am-pony, fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy, dia ho azony izany."**

Rehefa mivavaka isika dia tokony miteny. Tokony hiteny amin'ny tendrombohitra isika– "Mifindrà ka mianjerà any an-dranomasina." Ary hoy Jesosy hoe raha tsy mihanahana ianareo, fa hino izay rehetra lazaintsika na inona na inona, it dia ho atao izany.

Tadidio ilay famaritantsika tsotra momba ny vavaka dia :
**Ny vavaka dia fitondrana tranga iray eo anoloan'ny Tompo, fihainoana ny havaliny, ary fitenenana ny sitrapon'Andriamanitra manoloana ny tranga. Ny vavaka dia fitondrana ny lanitra ho ety an-tany.**

**"Rainay Izay Any An-danitra"**

➢ *Ny Toerantsika*

Nampahatsiahivin'I Jesosy ny mpianany ny toerany. Rehefa manatona an'Andriamanitra amin'ny vavaka isika, dia tokony amin'ny maha zanak'Ilay Avo Indrindra antsika. Ary zo antsika ara-dalàna ny manatona Azy tahaka ny zanaka ara-nofo miazakazaka mankany amin'ny rainy ety an-tany.

**Romana 8:15;16 Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin'ny tahotra indray ianareo, fa nandray ny fanahin'ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hœ: "Aba, Ray ô."**

Tokony hivavaka amin'ny Raintsika Izay any an-danitra isika, mahalala tsara fa Izy dia samihafa tanteraka amin'ny raintsika eto an-tany. Tokony hivavaka amin'ny Raintsika Izay any an-danitra isika – fa tsy Ilay Andriamanitra ao amintsika araka ny ampianarin'ny sasany.

**"Hohamasinina Anie Ny Anaranao"**

➢ *Ny Toe-pontsika*

Avy eo Jesosy dia nananatra ny mpianany momba ny toe-pony amin'ny vavaka.

Na dia hoe zanaka malalan'Andriamanitra aza isika, dia tsy hihazakazaka ho eo anatrehany amin'ny tsi-fanajana. Manome vonnahitra Azy isika. "Hohamasinina" midika hoe manamasina, manadio, manokana, mijery amin'ny fanajana sy fiankohofana, mankasitraka, mitia. Maka fotoana hanamasinana ny Anarany isika amin'ny alàlan'ny fitenenana zavatra avy ao am-pontsika izay feno fanajana Azy.

**"Ho Tonga Anie Ny Fanjakanao"**

Rehefa mivavaka isika dia tokony hiteny hoe, "Ho tonga anie ny fanjakanao" – fa tsy ny fanjakantsika. Betsaka amin'ny tsy fahafantarana izany, no nivavaka amin'ny fananganana ny fanjakany manokana– trano tsara kokoa, fiara lehibe kokoa, asa tsara kokoa, eny fa asa fanompoana lehibe kokoa aza. Hoy Jesosy, ataovy hoe– "Ho tonga ny Fanjakan'Andriamanitra."

Tokony hifanaraka amin'Andriamanitra isika, ary mandidy ny fanaovana ny sitrapony eto-an-tany amin'ny tranga misy amintsika. Izany dia vavaka-na mpanjaka, feno fanapahana.

- *Tonga – Ercomehe*

Ny teny Grika, *ercomehe,* dia midika, "tonga avy ery makety."

Tsy midika izany hoe, "Andriamanitra no tompon'andraikitra dia izay fipoitrany eo, fipoitrany"

Tsy midika hoe, "Tsara raha..., fa izay sitraponao Tompo."

Amin'ny Teny Grika rehefa niteny Jesosy hoe "tonga", dia midika izany hoe, "miantso ireo zavatra tsisy tahaka ny misy."

It meant, "You, come from over there to over here."

- *Mandeha Ambonin'ny Rano*

Nandeha tambonin'ny rano Petera noho ny navaliny an'I Jesosy raha niteny Izy hoe , *Ercomehe* – Manatona.

**Matio 14:28,29 Ary Petera namaly Azy ka nanao hœ: "Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho."**

**Ary hoy Izy: "Manatona." Dia nidina niala tamin'ny sambokely Petera ka nandeha tambonin'ny rano hanatona an'i Jesosy.**

Petera dia mpanjono. Fantany fa ny olombelona tsy mandeha ambonin'ny rano. Na izany aza, ho valin'ny faniriany– "Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho" – Jesosy namaly hoe, "Manatona." Petera dia niala avy ao amin'ny ara-boajanahary nankamin'ny tontolo tsy takatry ny saina. Nandeha tambonin'ny rano Petera.

Tao aorinan'ny nandehanan'i Petera tambonin'ny rano, dia nanomboka nihemotra tao amin'ny tontolo ara-boajanahary izy, natahotra, dia nanomboka nilentika izy.

**Matio 14:30,31 Fa raha nahita ny rivotra izy, dia natahotra, ary raha vao nilentika izy, dia niantso hœ: "Tompo ô, vonjeo aho!"**

**Ary naninjitra ny tànany niaraka tamin'izay Jesosy, dia nandray azy ka nanao taminy hœ: "Ry kely finoana, nahoana no niahanahana ianao?"**

Matetika, dia izany koa ankehitriny rehefa mifindra mankamin'ny tontolo tsy takatry ny saina isika amin'ny vavaka. Manomboka am-pahasahiana isika, fa avy eo isika manomboka mijery ny trangan-javatra. Avelantsika hiditra ny fisalasalana. Manomboka matahotra isika ary manomboka resy. Amin'izao ny vavaka-tsika dia tokony hitovy amin'ny an'i Petera, "Tompo ô! Vonjeo aho– ampio aho hino."

- *Ilay Kapiteny*

Ilay kapiteny dia nanatona an'I Jesosy, ka nitalaho Azy mba hanasitrana ny mpanompony, ary hoy Jesosy, "Ho avy Aho hanasitrana azy." Fa fantatr'ilay kapiteny fa tsy voatery ho any aminy Jesosy– fa afaka miteny fotsiny Jesosy dia ho sitrana ny mpanompony.

**Matio 8:5-10 Ary nony tonga tao Kapernaomy Jesosy, dia nisy kapiteny anankiray nankao aminy ka nitaraina taminy nanao hœ:**

**"Tompoko ô, ny ankizilahiko mandry ao an-trano, mararin'ny paralysisa ka mijaly loatra."**

**Dia hoy Jesosy taminy: "Ho avy Aho hahasitrana azy."**

**Fa namaly ilay kapiteny ka nanao hœ: "Tompoko, tsy miendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho; fa mitenena ihany, dia ho sitrana ny ankizilahiko."**

Notohizan'ilay kapiteny tamin'ny fanazavana fa satria izy manam-pahefana, ary manana miaramila izay ambanin'ny fahefany, dia azony tsara ny atao hoe fahefana. Nampiasainy ny teny hoe, *ercomehe*.

**"Fa izaho koa mba lehilahy manan-dehibe ihany ka manana miaramila izay feheziko; ary raha hoy izaho amin'ny anankiray: 'Mandehana', dia mandeha izy; ary amin'ny anankiray koa: 'Avia', dia avy izy; ary amin'ny andevolahiko: Ataovy izao, dia manao izy."**

**Ary nony nahare izany Jesosy, dia gaga ka niteny tamin'izay nanaraka Azy hœ: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho na dia tamin'ny Isiraely aza!"**

Tsy afaka ny ho takantsika mihitsy ny hoe miteny amim-pahefana, mandidy, raha tsy ambanim-pahefana isika– mandra-pahatonga antsika ambanin'ny fahefan'Andriamanitra tsara mihitsy.

➢ *Ho Tonga– Didy*

*Ercomehe* dia tsy soso-kevitra, fa didy. Miantso amim-pahefana izany. "Ho tonga anie ny fanjakanao!" ny fanjakan'Andriamanitra tsy ho tonga mandrapandidiana izany ho avy. Ety an-tany, nomen'Andriamanitra antsika izany karazana fahefana izany.

Izany vavaka tsotra nomen'I Jesosy ny mpianatra izany dia miorina amin'ny fahatakarana ny fahefana izay nomen'Andriamanitra an'i Adama sy Eva. Tsy nanome ampahana fahefana izy ireo ary ny sasany nohazoniny ary tsy fahefana vitsivitsy fotsiny no babon'I Jesosy indray. Asa feno no nataony.

**"Atao Anie Ny Sitraponao Ety An-tany Tahaka Ny Any An-danitra"**

Ity dia ampahany mahagaga amin'ilay vavaka tsotra nomen'I Jesosy antsika. "Atao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra."

Inona no sitrapon'Andriamanitra any an-danitra? Inona no sitrapony ety an-tany?

➢ *Any An-danitra*

Any an-danitra, dia iray ihany no sitrapo ary an'Andriamanitra izay. Tsisy adi-hevitra momba izany. tsy misy safidy tokony atao. Ny sitrapon'Andriamanitra dia vita am-pifaliana sy mandeha ho azy. Any an-danitra, dia tsy misy fitovian-kevitra, fa eny sy amena ihany ny amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

➢ *Ety An-tany*

Jesosy niteny fa tokony hodidiantsika ny sitrapon'Andriamanitra mba ho atao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

Rehefa nanota Adama sy Eva, ny sitrapony dia nampihariny ka nifanohitra tamin'ny an'Andriamanitra ary nanomboka tamin'izany andro izany dia izany daholo no nataon'ny olombelona tsirairay.

An-taonany maro, nivavaka isika, ho atao anie ny sitraponao. "Tompo, mila fiara vaovao izahay, trano vaovao, ary asa vaovao." Nikatsaka zavatra isika– zava-dehibe nilaintsika– ary nivavaka mba ho atao ny sitrapontsika.

Izaho isika tsy mahita an'I Jesosy amin'ny maha Tompo sy Mpamatsy antsika fotsiny, fa Tompo sy Mpanjakantsika koa. Manetry ny sitrapontsika Aminy isika mba tsy ahatonga antsika hiteny intsony hoe, "Tompo ô! Izaho mila..."

Ny sitrapon'Andriamanitra tsy afaka ny ho atao eo amin'ny toerana misy antsika eto an-tany mandrapahatongan'ny Tenan'I Kristy, miteny hoe, "Tompo ô! Ho atao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra." Endrey izany maha hafa kely ilay vavaka! Manana andraikitra fiarovana ny fianakaviana, mpifanila vody rindrina, tanana, ary ny firenena misy antsika isika.

Ny devoly tonga mba hamono, hangalatra, ary handringana. Ny antony ahafahany manao izany eo amin'ny tontolon'ny fahefantsika dia satria tsy nianatra ny fomba fivavaka isika– inona no holazaina. Tsy nianarantsika ny fomba famoahana ny herin'Andriamanitra eo amin'ny tranga misy antsika.

Arakaraka ny hahaizantsika mamoaka ny sitrapon'Andriamanitra mba ho atao eo amin'ny tontolom-pahefantsika, dia arakaraka izay ny lasa hampientanentana ny vavaka-tsika! Arakaraka ny hianarantsika ny Tenin'Andriamanitra ary mivavaka amin'ny fanahy, dia arakaraka izay no hahaizantsika ny miteny ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny faritanintsika.

## INONA NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA?

### Naminanian'I Daniela

Tokony hanonona ny fanjakan'Andriamanitra eo amin'ny tranga misy antsika isika. Izao no tokony hotenenintsika, "Ho tonga anie ny fanjakanao." Mba hahombiazana kokoa amin'ny fanaovana izany, dia tokony ho fantantsika tsara ny mikasika ny fanjakan'Andriamanitra.

**Daniela 7:13,14,18,27 "Ary mbola nahita tamin'ny fahitana tamin'ny alina ihany aho, ary, indro, nisy toy ny zanak'olona avy tamin'ny rahon'ny lanitra. Ary nankeo amin'ny Fahagola Izy, dia nampanakekeny teo anatrehany. Ary nomena fanapahana sy voninahitra ary fanjakana Izy, mba hanompoan'ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samy hafa fiteny rehetra Azy. Ny fanapahany dia fanapahana mandrakizay ka tsy ho tapaka, ary ny fanjakany tsy ho rava.**

**'Nefa ny olo-masin'ny Avo Indrindra no hahazo ny fanjakana ary hanana ny fanjakana mandrakizay alaovalo.'**

**Ary ny fanjakana sy ny fanapahana ary ny fahalehibiazan'ny fanjakana eny ambanin'ny lanitra rehetra dia homena ny olo-masin'ny Avo Indrindra; ny fanjakany dia fanjakana mandrakizay, ary ny fanapahana rehetra dia hanompo sy hanoa Azy."**

➫ **Avy amin'i Daniela dia mianatra isika fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy manam-pahataperana ary ny olo-masina no mandray izany.**

**Naminanian'I Jaona Mpanao Batisa**

Fantatr'i Jaona fa efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra.

**Matio 3:2 "Mibebaha ianareo; fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra."**

➫ **Tonga tety an-tany ny fanjakan'Andriamanitra tamin'ny asa fanompoan'I Jesosy.**

Taty aoriana tany am-ponja rehefa nanontany Jaona raha Jesosy no Ilay Iray izay naminaniana teo aloha, dia izao no navalin'I Jesosy.

**Matio 11:4,5 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hœ: "Mandehana ianareo, ka ambarao amin'i Jaona izao renareo sy hitanareo izao: Mahiratra ny jamba, ary afaka ny mandringa; diovina ny boka, ary malady ny marenina; atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny filazantsara."**

Jesosy dia nandefa fijoroana vavolombelona tamin'i Jaona momba ny fampahiratana ny jamba, ny fahafahan'ny mandringa, ny fanadiovana ny boka, ny fampaladiana ny marenina, ny fampitsanganana ny maty ary ny filazantsara toriana amin'ny filazantsara manaporofo fa tonga ny fanjakan'Andriamanitra.

**Niteny Jesosy Ary Nanatanteraka**

Tononon'I Jesosy in-betsaka ny fanjakan'Andriamanitra ankoatra io andininy izay misy ny vavaky ny Tompo io. Afaka ny ho azontsika ny hoe fanjakan'Andriamanitra raha arahina ireto andinin-tSoratra Masina ireto.

➢ *Jesosy Nitory Ny Fanjakana*

**Matio 9:35 Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra.**

➫ **Ny fitoriana ny fanjakana dia narahina fanasitranana ny aretina rehetra sy ny rofy teo amin'ny olona.**

➢ *Tonga Ny Fanjakana*

**Lioka 11:20 "Fa raha ny rantsan-tànan'Andriamanitra no amoahako ny demonia, dia tonga aminareo tokoa ny fanjakan'Andriamanitra."**

➫ **Atodik'I Jesosy amin'ny famoahana demonia ny famantarana ny fanjakan'Andriamanitra tonga eo amintsika.**

➢ *Ny Fanjakana Sy Ny Mpianatra*

Jesosy naniraka ny mpianatra roa ambin'ny folo hitory ny filazantsaran'ny fanjakana.

**Matio 10:7,8a "Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria hœ: Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia."**

**➫ Tafiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny fanasitranana ny marary, ny fanadiovana ny boka, ny fananganana ny maty ary ny famoahana ny demonia.**

➢ *Ny Fanjakana Sy Ireo Fito-polo*

Nirahin'I Jesosy ireo fito-polo hitory ny filazantsaran'ny fanjakana.

**Lioka 10:1,9-11 Ary nony afaka izany, ny Tompo nanendry olona hafa koa, dia fito-polo lahy, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin'ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany.**

**"Ary sitrano izay marary ao, ka lazao amin'ny olona hœ: Efa mby akaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra. Fa izay tanàna iakaranareo, ka tsy mandray anareo kosa ny olona, dia mankanesa eo amin'ny lalambe, ka lazao hœ: Ny vovoky ny tanànanareo aza, izay miraikitra amin'ny tongotray, dia fafànay hiampanga anareo; nefa aoka ho fantatrareo fa efa mby akaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra."**

**➫ Ny fanjakan'Andriamanitra dia tonga miarakamin'ny fanasitranana. Hoy Jesosy, "sitrano ny marary any, ary lazao hoe, 'Tonga ny fanjakan'Andriamanitra.'"**

➢ *Ny Fanjakana Sy Ny Fandrombana*

**Matio 11:12 "Ary hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan'ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-keriny."**

**➫ Ny fanjakan'Andriamanitra dia hiharitra fandrombana, ary tokony alain'ny mpino an-kery.**

➢ *Famantarana Ny Andro Farany*

**Matio 24:14 "Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany."**

**➫ Ny fanjakan'Andriamanitra dia hotorina amin'izao tontolo izao ho vavolombelona ary ho tonga ny farany.**

### Nitory Ny Fanjakana Filipo

Nitory ny fanjakana tamin-kery Filipo. Nandre ny vahoaka ary nahita ny fahagagana nataony– niantso mafy ny demonia, sitrana ny malemy sy ny mandringa.

**Asan'ny Apostoly 8:5-8,12 Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'ny olona tao.**

**Ary ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony. Fa ny fanahy maloto niantso tamin'ny feo mahery, dia nivoaka tamin'ny maro izay nanana azy; ary maro ny mararin'ny paralysisa sy ny mandringa no nositraniny. Dia nisy fifaliana lehibe tao amin'izany tanàna izany.**

**Ary rehefa nino an'i Filipo nitory ny teny soa mahafaly ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy ireo, dia natao batisa avokoa na lahy na vavy.**

**➯ Ny fitoriana filazantsara voalohany tao aorinan’ny fahafatesana sy fitsanganan’I Jesosy dia nikasika ny fanjakan’Andriamanitra.**

**Faminaniana Ho Avy Ny Amin’ny Fanjakana**

**Apokalypsy 11:15 Ary ny anjely fahafito nitsoka, dia nisy feo mafy tany an-danitra nanao hœ: “Ny fanjakana amin'izao tontolo izao dia efa lasan'ny ny Tompontsika sy ny Kristiny; ary Izy no hanjaka mandrakizay mandrakizay!”**

**➯ Ny fanjakan’izao tontolo izao dia ho lasa fanjakan’ny Tompontsika sy ny Fanosorany!**

**Tsy Azo Hozongozonina Ny Fanjakana**

**Hebreo 12:25-28 Tandremo mba tsy holavinareo Izay miteny. Fa raha izy ireo tsy afa-nandositra tamin'ny nandavany ilay nilaza ny tenin'Andriamanitra taminy tety ambonin'ny tany, mainka fa isika, raha mihodina miala amin'ilay avy any an-danitra, Izay nampihorohoro ny tany fahiny tamin'ny feony; fa ankehitriny Izy efa nanao teny fikasana hœ: "Indray maka koa tsy ny tany ihany no hampihorohoroiko, fa ny lanitra koa."**

**Ary ny hœ "indray maka koa" dia manambara ny hanovana izay zavatra ampihorohoroina, toy ny zavatra natao, mba haharetan'izay zavatra tsy ampihorohoroina.**

**Koa satria mandray fanjakana tsy azo ampihorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana ho entintsika manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana.**

Ny finoana an’Andriamanitra izay mifototra amin’ny fahalalan’ny olombelona dia afaka ny hohozongozonina. Ny finoana an’Andriamanitra mifototra amin’ny fiainana, fihainoana ary fahitana ny fanjakan’Andriamanitra toriana amin-kery, famantarana, zava-mahatalanjona, ary fahagagana, dia tsy afaka ny hohozongozonina. Tokony hivavaka tahaka ny nolazain’I Jesosy isika

**“Ho tonga anie ny fanjakanao.<br>Atao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.”**

## AO ANATY NY FANJAKANA

Nianatra ny famantarana ivelany ny amin’ny fanjakan’Andriamanitra isika, ary mampientana izany! Izany famantarana izany no ampiasain’Andriamanitra hahatratrarana ny very amin’ny hafatry ny famonjena. Ao anaty ihany koa ny fanjakan’Andriamanitra– anatin’ny mpino.

➢ *Tsy Afaka Ny Ho Hita*

Jesosy niteny hoe ny fanjakan’Andriamanitra tsy afaka ny ho hita, fa avy amin’ny Fanahy izany ary ao anatintsika.

**Lioka 17:20,21 Ary Jesosy, nony nanontanian'ny Fariseo izay andro hihavian'ny fanjakan'Andriamanitra, dia namaly azy hœ: "Tsy misehoseho no fihavin'ny fanjakan'Andriamanitra. Ary ny olona tsy hanao hœ: Indro, ety! na ery ! fa, indro, ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo."**

## Fidirana Amin'ny Fanjakana

Tonga tao amin'I Jesosy alina i Nikodemosy.

**Jaona 3:1-4 Ary nisy Fariseo anankiray atao hœ Nikodemosy, mpanapaka tamin'ny Jiosy. Izy nankao amin'i Jesosy nony alina ka nanao taminy hœ: "Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy amin'Andriamanitra Hianao; fa tsy misy olona mahay manao izao famantarana ataonao izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy."**

**Jesosy namaly ka nanao taminy hœ: "Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra."**

**Hoy Nikodemosy taminy: "Hataon'ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe; moa mahazo miditra any an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka?"**

➢ *Tokony Hateraka Indray Ianao*

**Jaona 3:5-7 Jesosy namaly hœ: "Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. Aza gaga noho ny nilazako taminao hœ: Tsy maintsy hateraka indray ianareo."**

Mba ho anisan'ny ny ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, dia tsy maintsy ateraka indray isika– ateraky ny Fanahy. Betsaka no nivavaka tamin'ny fahaizana, fanehoana fa izy dia mino an'I Jesosy ho Zanak'Andriamanitra ary maty noho ny fahotany, fa izy tsy niditra tao amin'ilay tontolon'ny fanahy. Tan-tsaina no nanapahany hevitra ho an'I Kristy, fa tsy niova fo izy tamina fiovam-piainana tamin'ny fihaonana amin'I Jesosy Kristy. Tsy nateraka indray tamin'ny Fanahin'andriamanitra izy. Jesosy nilaza fa izay ateraky ny nofo dia nofo ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy.

Paoly apostoly dia nanoratra,
**1 Korintiana 2:12,14 Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika.**
**Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.**

Toe-javatra mampalahelo, ny fisian'ny olona betsaka ao am-piangonana ny Alahady maraina, izay tsy ary mbola nateraka indray. Ny sasany dia lehibe tao amina fianakaviana kristiana, ary mahalala, mahay, miresaka sy mihetsika tahaka Kristiana, fa tsy ary nahatsapa ny fahaterahana indray izy. Ny sasany, niditra tamina fikambanana fa tsy mbola nihaona manokana tamin'I Jesosy. Olona tsara, matetika manana ny mahizy azy ireny. Mety ho mpitarika ao am-piangonana izy, fa mbola tsy ary nanao

vavaka fanekena an'I Jesosy ho Mpamonjy azy manokana izy– vavaka toy izao:

*Avy amin'ny fanambaran'ny Tenin'Andriamanitra, dia tsapako fa mpanota aho. Mino aho fa Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra Tokana, dia notorontoronina tamin'ny Fanahy masina ary naterak'i Maria Virijina. Nino aho fa niaina fiainana tsisy fahotana Izy ary maty tan-tsitrapo teo amin'ny toerako mba handoavana ny sazin'ny fahotako. Mino aho fa nitsangana tamin'ny maty Izy ary velona ankehitriny manome ahy ny fanomezana maimaimpoanan'ny famelan-keloka sy famonjena.*

*Fantatro fa mila ateraka indray aho. Jesosy, mibebaka ny amin'ny fahotako aho. Mangataka Anao aho hiditra ao am-poko ary hamonjy ahy. Raisiko ho Mpamonjiko manokana Ianao. Misaotra Jesosy ny amin'ny famonjenao ahy ankehitriny!*

Tsy hay atao ny miaina ny fiainana kristiana, raha tsy manana ny fiainan'Andriamanitra ao anaty ny olona iray!

Raha ohatra ka nametraka fisalasalana ao an-tsainao ireo andalana eo ambony, dia mivavaha izao dieny izao. Afaka fantatrao hoe nateraka indrray ianao. Afaka fantatrao fa anisan'ny ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ianao.

Paoly nanoratra ao amin'ny Romana,
**Romana 8:16 Ny Fanahy dia miara-milaza amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika.**

Tsy afaka miditra amina fiainam-bavaka isika raha mbola tsy nanao ilay vavaka-n'ny mpanota – raha mbola tsy tonga amin'ny fifandraisana marina tsara Aminy– raha mbola tsy niditra ny fanjakan'Andriamanitra.

**Fanjakan'Andriamanitra**

Ao amin'ny Romana dia mianatra isika fa ny fanjakan'Andriamanitra dia fahamarinana, fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina. Tsy amin'ny nofo fa amin'ny Fanahy.

**Romana 14:17 Fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy amin'ny fihinanana sy ny fisotroana, fa fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina.**

➢ *Fahamarinana*

Ny fanjakan'Andriamanitra ao anatintsika dia fahamarinana. Izany fahamarinana izany dia tsy afaka oharina amin'ny fahamarinantsika manokana satria Isaia milaza amintsika fa ny fahamarinantsika dia tahaka ny lamba maloto.

**Isaia 64:5 Fa samy efa tahaka ny olo-maloto izahay rehetra, ary tahaka ny lamba mihosin-drà ny fahamarinanay rehetra...**

Tamin'ny fotoana famonjena, dia nomena antsika ny fahamarinan'Andriamanitra –natao tao amin'ny tahirintsika. Noentin'I Jesosy ny fahotantsika mba hahazoantsika ny fahamarinany. Ny fanjakan'Andriamanitra izay tokony tadiavintsika dia ny fahamarinany.

**Matio 6:33 Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany ...**

Ny fahamarinana dia tsy hoe tsy fisian'ny fahotana fotsiny, fa ilay asa tsaran'Andriamanitra amin'ny fahamasinany sy fahamarinany rehetra izay feno tanteraka. Rehefa mivavaka toy izao isika, "Ho tonga anie ny fanjakanao" araka izay nandidiana antsika, dia miteny isika hoe "Tongava ry fahamarinana."

Maniry ny ho marina ve isika? Maniry ny ho masina ve isika?

Rehefa mijery manodidina ny fiangonana isika, dia hitantsika fa ny tahan'ny fisaraha,-panambadiana dia hila ho ambony dia ambony tahaka ny any a,in'izao tontolo izao. Ny mpitarika kristiana tratra nijangajanga. Ny olona milaza fa maniry ahafantatra an'Andriamanitra dia miaina amin'ny fikomiana miharihary manoloana ny Tenin'Andriamanitra.

Mila fanambarana ny amin'ny fahamasinana sy fahamarinana isika. Mila fanambarana ny amin'ny fahitsiana isika. Notsorin'i Petera apostoly izany. Nanoratra izy hoe, "Aoka ho masina!"

**1 Petera 1:15,16 Fa araka ny fahamasinan'ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa ianareo amin'ny fitondran-tena rehetra, satria voasoratra hœ: "Ho masina ianareo, satria masina Aho."**

Tian'Andriamanitra ho marina isika. Isika dia tsy miresaka momban'ny lisitra ara-dalàna manao hoe "Ataovy ary Aza Atao." Ny tena fahamarinana dia ny fitoviana amin'ny Endriny– novaina ho amin'ny voninahitra mankamin'ny voninahitra– novaina avy amin'ny ao anaty hatraty ivelany!

**2 Korintiana 3:18 Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy.**

➢ *Fiadanana*

Ny fanjakan'Andriamanitra dia fahamarinana, fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina. Misy zavatra tena manokana momba ny fahamarinana. Rehefa mikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany isika, tampoka eo dia misy fiadanana– vokatry ny Fanahy mahazatra eo amin'ny fiainantsika izany. Ny fiadanana dia tsy zavatra izay mila iadiantsika mafy. Tsy zavatra izay aao indray fotsiny izany dia vita. Fa mitombo tsikelikely izany.

Betsaka no mihevitra fa raha manana vola betsaka any amin'ny banky izy dia hanana fiadanana. Hanana fiadanana izy rehefa hahitsin'Andriamanitra ny zanany, ny vadiny. Angamba ho avy ny fiadanana rehefa mahazo toerana vaovao, rehefa misotro ronono, na mifindra firenena hafa izy. Fa tsy misy amin'ireo zavatra ireo izay afaka mitondra fiadanana.

Jesosy no andrianan'ny fiafanana. Rehefa ataontsika Tompon'ny fiainantsika Izy– andrianantsika– dia hanana fiadanana isika. Paoly mampahery antsika mba hamela ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra hiaro ny fo sy ny saintsika.

**Filipiana 4:6,7 Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny**

**fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.**

➢ *Fifaliana*

Ny fanjakan'ANdriamanitra dia fahamarinana, fiadanana ary fifaliana. Ny fifaliana tsy faritra fahasambarana izay indraindray tsapantsika. Miainga avy ao anaty lalina ny fifaliana. Davida nanoratra ao amin'ny Salamo,

**Salamo 16:11 Hampahafantatra ahy ny lalan'aina Hianao; fa havokisam-pifaliana no eo anatrehanao, ary fahafinaretana no eo an-tananao an-kavanana mandrakizay.**

Ny tena fifaliana dia avy amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

## ✦ Famintinana– Nampianatra momba ny vavaka Jesosy

Rehefa nanomboka nampianatra ny mpianatra momba ny vavaka Jesosy noho ny fangatahan'izy ireo hoe, "Mampianara anay hivavaka," tsy niteny Izy hoe mila miangavy isika, na mitalaho. Hoy Izy, "Ataovy hoe." Mila miteny amin'ny olantsika isika, "Aoka ho tong any fanjakan'Andriamanitra eo amin'ny ... , ho atao ny sitrapon'Andriamanitra!" tsy tokony hivavaka ho an'ny olana sy ny sitrpontsika isika, fa hivavaka ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny fahafantarana ny fanjakan'Andriamanitra ao anatintsika dia mahatonga ny vavaka ho an'ny sitrapony ho mora kokoa. Tsy hoe mamoro-porona valiny intsony isika ny amin'ny olana ka mangataka amin'Andriamanitra mba hameno ny lisitry ny "zavatra hovidiantsika." Hifanaraka tsara amin'ny Fanahy Masina isika ary hanonona ny sitrapony ho eto an-tany, ka ny zavatra ilaintsika dia ho voakarakara. Hanana fifandraisana maha-Iray isika amin'Andriamanitra ary ho voakasika amin'ny zavatra ,ahakasika Azy. Ho valin'izany, dia ho liana amin'ny zavatra rehetra izay mombantsika Izy. Matio 6:33 dia ho hiasa amin'ny fiainantsika– hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra aloha isika ary izany zavatra rehetra izany dia ana,piana antsika.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Soraty ny famaritana tsotra ny vavaka ary omeo ny fahatakaranao ny dikan'izany.

2. Milazà famantarana ivelany anankitelo ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

3. Milazà toetra telo anaty momba ny fanjakan'Andriamanitra.

4. Hazavao ny fifandraisan'ny vavaka amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

*Lesona Fahadimy*

# Ny Vavaka Mitondra Vokatra

Ny faniriantsika dia ny ahazoantsika vokatra kokoa amin'ny vavaka. Amin'ny vavaka vetivety ataontsika rehefa sendra loza iny isika, na vavaka ataontsika ho an'ny olon-tiantsika, na vavaka ho an'ny tranga ara-piaraha-monina sy ara-politika manodidina antsika, dia samy maniry ny hahomby amin'ny vavaka isika.

Ny fampianaran'I Jesosy momba ny vavaka ao amin'ireo filazantsara dia hampivoatra ny fiainam-bavaka-tsika.

## FISISIHANA– FISISIHANA– FISISIHANA

Misy vavaka izay tsy misy valiny satria tsy ary mbola noentina a,-bavaka ilay izy. Indraindray isika miresaka momba ny tranga, miteny fa hivavaka momba izany kanefaa tsy tena mahatanteraka izany akory. Ny vavaka sasany tsy misy valiny satria isika tsy nisisika tamin'ny vavaka.

Paoly apostoly nanoratra,

**Efesiana 6:18 ... ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra.**

Isaia nametraka olona mpiambina teny amin'ny manda izay tsy hihazona ny fiadanany. Tsy hangina izy ireny fa hivavaka tsy mitsahatra.

**Isaia 62:6,7 Efa nanendry mpiambina ho eny ambonin'ny mandanao Aho, ry Jerosalema ô, koa mandrakariva na andro na alina dia tsy mahazo mangina ireny; eny, ianareo izay mpampahatsiaro an'i Jehovah, aza mitsahatra; ary aza mamela Azy hitsahatra mandra-panaony an'i Jerosalema ho mafy orina sy hoderaina amin'ny tany.**

### Nampianatra Fisisihana Jesosy

Jesosy nampianatra antsika hisisika amin'ny vavaka.

**Lioka 11:5-8 Ary hoy Jesosy taminy: "Iza moa aminareo no manana sakaiza, izay hankeo aminy mamatonalina ka hanao aminy hœ: Ry sakaiza, ampisambory mofo telo aho; fa ny sakaizako nandeha tamin'ny nalehany, dia tonga atsy amiko, ka tsy misy izay hafahako azy; ary ilay ao an-trano kosa hamaly ka hanao hœ: Aza manahirana ahy; fa efa mihidy ny varavarana izao, ary ny zanako mandry eto am-pandriana eto amiko; tsy afaka hifoha hanome anao aho?**

**"Hoy Izaho aminareo: Na dia tsy hiainga hanome azy noho ny fisakaizana aza izy, dia hifoha ihany izy noho ny fitarainany fatratra ka hanome azy izay ilainy."**

### Mivavaha Andro Aman'alina

Niteny Izy fa mila mivavaka andro aman'alina isika ary tsy ho reraka.

**Lioka 18:1,7,8a Ary Jesosy nilaza fanoharana taminy, fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka.**

**"Fa Andriamanitra tsy hanome rariny ny olom-boafidiny va, izay mitaraina aminy andro aman'alina, ary moa hitaredretra va Izy? Lazaiko aminareo fa homeny rariny faingana izy."**

## Dingana Telo Amin'ny Vavaka

Jesosy ihany koa nanome antsika dingana telo ho amin'ny fiaina,- bavaka mahomby: mangataha– mitadiava– ary dondony.

**Matio 7:7-11 "Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana.**

**"Ary iza moa aminareo, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanome azy vato? Ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana?**

**"Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy?"**

### ➢ *Mangataha Dia Omena*

Mila fiankinana amin'Andriamanitra ny fangatahana, fanatonana Azy miarakamin'ny fangatahantsika. Isika dia tokony hangataka tahaka ny nataon'ilay lehilahy jamba nipetraka teo amoron-dàlana niantsoantso, "Tompo ô! Ny mba hampahiratanao ny masoko!" Rehefa mangataka am-pinoana isika, dia hanantena ny handray.

Jesosy nampanantena fa raha mangataka isika, dia hahazo.

### ➢ *Mitadiava Dia Hahita*

Ny fitadiavana dia maneho tanjona arahina asa, fisisihana izay manery antsika hitady mandra-pahitantsika. Izany dia niseho tsara mihitsy tamin'ilay vehivavy nandeha rà izay nitady làlana tanaty vahoaka nanao anakam-po hoe, "Amin'ny fotoana hikasihako Azy, dia ho sitrana aho."

Tsy misy olona mitady zavatra raha tsy manantena hahita izany izy– afa-tsy hoe kivy tanteraka izy hitady izany.

Rehefa mangata-javatra izay tsapantsika fa sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainantsika isika, ka ohatran'ny toa tonga izany ny valiny, dia tokony ho tadiavintsika izany. Tafiditra anatin'izany ny fitadiavana Tenin'Andriamanitra bebe kokoa mahakasika ilay zavatra. Tafiditra anatin'izany koa ny fandinihana sao dia misy olana amin'ny lafiny maro izay manakana ny valiny tsy hitranga.

Jesosy nampanantena fa raha mitady isika, dia hahita.

### ➢ *Dondony Dia Hovohàna*

Ny fandondonana dia fanehoan-kevitra misisika, fananana toe-po tsy mamela handeha taha tsy mahazo. Ilay vehivavy jentilisa no ohatra tsara indrindra ny amin'izany.

**Marka 7:25-30 Fa niaraka tamin'izay dia nisy vehivavy anankiray nandre ny aminy, dia nankao ka niankohoka tamin'ny tongony. Ary jentilisa ravehivavy, avy amin'ny firenena Syro-foinika; dia nangataka taminy izy mba hamoaka ny demonia amin'ny zananivavy.**

**Fa hoy Jesosy taminy: "Aoka ho voky aloha ny zaza; fa tsy mety raha maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an'ny amboakely."**

**Fa ravehivavy namaly ka nanao taminy hœ: "Eny, Tompoko; kanefa na dia ny amboakely ao ambanin'ny latabatra aza dia mba mihinana ny sombintsombin'ny mofon-jaza ihany."**

**Dia hoy Jesosy taminy: "Noho izany teny izany mandehana ianao; efa nivoaka tamin'ny zanakao-vavy ny demonia." Ary raha tonga tao antranony ravehivavy, dia hitany nandry teo ambonin'ny farafara ny zananivavy, ary ny demonia efa nivoaka taminy.**

Ny mandondona dia midika hoe misisika, "tsy mamela an'Andriamanitra," manonona ny tenin'Andriamanitra mandapifindran'izany avy ao amin'ny saintsika mankao amin'ny fanahintsika.

Miteny indray Jesosy hoe rehefa mandondona isika dia hovohàna.

Tsy tokony hijanona isika eo amin'ny fihavian'ny fahagagantsika. Tsy maintsy misisika am-bavaka sy am-pinoana isika mandra-pahatongan'ny valiny. Tsy maintsy manao araka izay lazain'I Jesosy isika, mangataka amin'ny finoana ka manantena ny handray– mitady ka manantena hahita– mandondona amin'ny varavarana manantena izany hisokatra.

## MIVAVAKA AO AMIN'NY MANGIGINA

### Aza Mivavaka Mba Ho Hita

Efa nihaino olona niresaka momba ny fiainam-bavaka-ny ve ianao ary tao anatinao ianao tsy nahazo aina tsara? Mety niteny izy hoe, "Farafahekeliny aho mivavaka ora iray isanandro." "Izao no ataoko" na "Manao izao aho." Tsara izany! Fa maninona izy no miteny ny hafa. Inona no manosika azy?

Indraindray misy olona hanao vavaka mahafinaritra, fa mivavaka izy ho tombontsoan'ireo izay mihaino azy raha tokony hanatona an'Andriamanitra am-panetre-tena.

Tsy mila mahalala ny manosika ny hafa isika fa isika mila mitsara ny antsika. Andriamanitra ihany no mahalala ny tena manosika ny fon'ny olona.

**1 Samoela 16:7b ... fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona no fijerin'i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo.**

Jesus talked about the prayers of the hypocrites.

**Matio 6:5 "Ary raha mivavaka ianareo, aza mba ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy; Fa izy tia ny mivavaka mitsangana eo amin'ny synagoga sy eo an-joron-dalana hahitan'ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany."**

Jesosy niteny antsika mba hivavaka ao amin'ny mangigina. Angamba, farafahakeliny mba hahatonga ny vavaka-tsika tsy ho lasa tena ankafizin'ny hafa na tsarain'ireo izay manodidina antsika.

➢ *Akatony Vy Varavarana*

**Matio 6:6 "Fa ianao kosa, raha mivavaka, dia midìra ao amin'ny efitranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly anao."**

## AZA MANAO TENY MARO FOANA

**Matio 6:7-8a "Ary raha mivavaka ianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; Fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy. Koa aza manahaka azy ianareo."**

Ny teny maro foana dia midika hoe tsy tokony hanao teny tsianjery amin'Andriamanitra isika. Tsy tokony hivavaka zavatra sahala hatrany hatrany isika, amin'ny fotoana na aandro mifanesy nefa tsy am-pinoana. Ny teny maro foana dia fanehoana fanahiana sy tsy finoana.

Indraindray rehefa manoloana trangan-javatra mavaivay be isika, mety misy zavatra tena ilaintsika loatra, dia hitantsika hoe teny mitovy ihany no averimberintsika. Amin'ny fotoana tahaka izany, dia tokony hampitsahatra ny famerimberenana isika ary manomboka mana,bar any Tenin'Andriamanitra. Afaka ny haverimberintsika foana izany, satria amin'ny fihainoana ary fihainoana ny Tenin'Andriamanitra no ahatongavan'ny finoana ao anatin'ny fanahintsika. Amin'ny fanambarana ny fampanantenan'Andriamanitra, dia hanangana ny tenantsika isika mba ahafahan'ny finoana tonga.

### Efa Fantatry Ny Rainao

Fantatr'Andriamanitra ny ilaintsika mialohan'ny angatahantsika. Tsy manaitra Azy ny fahatongavan'ny zavatra eo amin'ny fiainantsika nefa tsy nantenaina akory. Noresahin'I Jesosy avy hatrany izany talohan'ny niresahany momba ny teny maro foana.

**Matio 6:8b "Fa fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka aminy aza ianareo."**

### Nanohitra Ny Mpisoron'I Bala I Elia

Ny ohatra mahery indrindra momba ny teny maro foana miverimberina dia hita amin'ny fifanandrinan'i Elia sy ireo mpisoron'i Bala.

**1 Mpanjaka 18:26-29 Dia naka ny vantotr'ombilahy izay nomeny azy ireo ka namboatra azy, dia niantso ny anaran'i Bala hatramin'ny maraina ka mandra-pitataovovonan'ny andro izy nanao hœ: "Ry Bala ô. henoy izahay!" Kanjo tsy nisy nanoina na namaly akory. Ary nihinjakinjaka tamin'ny alitara izay nataony izy.**

**Ary nony nitataovovonana ny andro, dia nanesœso azy Elia ka nanao hœ: "Miantsoa mafy ihany, fa andriamanitra izy; angamba sondriandresaka izy, na miavela, na nisy nalehany, na matory angaha izy ka tsy maintsy hofohazina."**

**Dia niantso mafy indray ireo sady nitetika ny tenany araka ny fanaony amin'ny sabatra sy ny lefona mandra-pahaloa-drà tamin'ny tenany. Ary na dia efa nitsidika aza ny andro, dia mbola naminany ihany izy**

**hatramin'ny fotoan'ny fanatitra hariva; nefa tsy nisy nanoina, na namaly, na nihaino azy akory.**

Ny mpisoron'i Bala dia niantsambotra teo amin'ny alitara, ary niantsoantso mafy nandritra ny andro. Niteti-tena izy ary ny ràny dia nilatsaka, kanefa tsy nisy Bala namaly.

Tamin'ny fomba mifanohitra amin'izany no nanatonan'i Elia an'Andriamanitra. Nanangana ny alitaran'ny Tompo indray izy, ary nasainy notondrahana rano hatramin'ny fanatitra mandrapa-difitra izany. Ary nanatona Elia ka niteny hoe– tsy niantso mafy izy, na niantsambotsambotra, na niteti-tena. Izany dia famantarana tsy finoana. Hoy izy... ary levona ilay fanatitra.

**1 Mpanjaka 18:30-39 Ary hoy Elia tamin'ny olona rehetra: "Manatona ahy." Dia nanatona azy ny olona rehetra. Ary Elia namboatra ny alitaran'i Jehovah izay efa rava ka naka vato roa ambin'ny folo, araka ny isan'ny firenen'ny zanak'i Jakoba, izay nihavian'ilay tenin'i Jehovah hœ: Isiraely no ho anaranao; ary izany vato izany dia nataony alitara ho an'ny anaran'i Jehovah; ary nanao hady kely manodidina ny alitara koa izy, izay mifafy voan-javatra indroan'ny famarana. Ary nandahatra ny kitay hazo izy, dia nandrasa ny vantotr'ombilahy ka nametraka azy teo ambonin'ny kitay hazo, dia nanao hœ:" Fenoy rano ny siny efatra, ka aidino amin'ny fanatitra dorana sy amin'ny kitay hazo."**

**Dia hoy koa izy: "Ataovy indray izany." Dia nataony indray. Ary hoy koa izy: "Ataovy indray koa izany." Ary dia nataony indray koa. Ary ny rano nikorotsaka nanodidina ny alitara; ka nofenoiny rano koa ny hady kely.**

➢ *Ny Vavaka-ny*

**Ary nony tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hœ: "Jehovah ô. Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary Isiraely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin'ny Isiraely, ary izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao. Mihainoa ahy mihainoa ahy, Jehovah ô, mba hahafantaran'ireto olona ireto fa Hianao Jehovah no Andriamanitra, ary Hianao no mampiverina ny fony indray."**

**Dia latsaka ny afon'i Jehovah ka nandevona ny fanatitra dorana sy ny kitay hazo sy ny vato ary ny vovoka sady nandritra ny rano tao amin'ny hady kely.**

**Ary raha nahita izany ny olona rehetra, dia niankohoka ka nanao hœ: "Jehovah, Izy no Andriamanitra; Jehovah, Izy no Andriamanitra."**

## MANALA NY SAKANA

Rehefa nampianatra momba ny vavaka Jesosy, dia nampianatra ireo zavatra izay mety hanakana ny vavaka-tsika tsy ho heno.

Ny anton'ny nafahan'I Jesosy nivavaka – niteny– ka niseho teo no eo izany, dia tsy hoe satria Zanak'Andriamanitra Izy. Niasa teto an-tany amin'ny maha Adama Farany Izy. Niasa tamin'izay araka ny namoronana an'i Adama sy Eva Izy. Ny nahatonga ny vavaka-ny nisy valiny tamin-kery lehibe dia noho ny fahadiovan'ny fiainany tanteraka. Tsy nisy sakana.

Matetika loatra isika no mamela ny tenantsika hiditra amina tranga miharoharo, na fahotana aza, ary avy eo manontany tena fa maninona Andriamanitra no tsy mamaly vavaka.

Paoly apostoly mampitandrina antsika,
**Galatiana 6:7,8 Aza mety hofitahina ianareo; Andriamanitra tsy azo vazivazina, fa izay afafin'ny olona no hojinjany. Fa izay mamafy ho an'ny nofony dia hijinja fahasimbana avy amin'ny nofo; ary izay mamafy ho an'ny Fanahy dia hijinja fiainana mandrakizay avy amin'ny Fanahy.**

Mba ho tonga lehilahy sy vehivavy mahery amin'ny vavaka, dia tokony hanana fototoana handinihana tsara isika ary hanala ny sakana.

### Tsi-finoana

Rehefa niverina tamin'ny firenena nihaviany I Jesosy, na dia nanana finoana tonga lafatra aza Izy, dia tsy nanao asa lehibe taao. Lazain'i Matio antsika fa ny antony dia tsi-finoana. Ny tsi-finoana dia ny mifanohitra tanteraka amin'ny finoana.

**Matio 13:54-58 Ary nony tonga tany amin'ny taniny Izy, dia nampianatra ny olona tao amin'ny synagoga, ary talanjona ny olona ka nanao hœ: "Avy taiza re no nahazoan'ilehity izany fahendrena sy asa lehibe izany? Tsy Ilehity va ilay Zanaky ny mpandrafitra? Tsy Maria va no anaran'ny reniny? Ary tsy Jakoba sy Josefa sy Simona ary Jodasy va no rahalahiny? Ary ny anabaviny, moa tsy eto amintsika avokoa va izy? Koa avy taiza no nahazoan'ilehity izany zavatra rehetra izany?" Ary tafintohina taminy izy.**

**Fa hoy Jesosy taminy: "Tsy misy mpaminany tsy hajaina, afa-tsy amin'ny taniny sy ny mpianakaviny ihany." Ary tsy nanao asa lehibe maro teo Izy noho ny tsi-finoan'ireo.**

Inona no nolazain'I Jesosy tamin'ilay mpanapaka ny synagoga rehefa tonga taminy ny teny hoe, "Maty ny zanakao vavy?" "Minoa fotsiny ihany."

Inona no nolazain'I Jesosy tamin'ilay jamba nangataka teo amoron-dàlana? "Araka ny finoanao."

Inona no nolazain'I Jesosy tamin'i Marta teo amin'ny fasan'i Lazarosy? "Raha hino ianao dia hahita ny voninahitr'Andriamanitra!"

Tsy afaka mandray valim-bavaka isika raha miaina anatin'ny fisalasalana sy tsi-finoana.

**Jakoba 1:5-7 Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany. Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahanahana akory; fa izay miahanahana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany. Fa aoka tsy hanampo handray zavatra amin'ny Tompo izany olona izany.**

### Tsy Fahampiam-pahalalana

Ao amin'ny bokin'Isaia sy Hosea, dia mamaky teny tena misy fanamby isika.

**Isaia 5:13a Ary noho izany dia ho lasan-ko babo ny oloko noho ny tsi-fahalalany...**

**Hosea 4:6a Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian'ny fahalalana.**

Raha tsy fantantsika ny lazain'ny Tenin'Andriamanitra ,anoloana tranga, dia ahoana no hananantsika finoana? Ny finoana marina dia mifototra amin'ny Tenin'Andriamanitra ihany.

Ny fahalalana dia mifototra amin'ny fahalalana an'Andriamanitra sy ny fahamarinany.

**Romana 10:2,3 Fa vavolombelon'ireny aho fa mazoto ho an'Andriamanitra izy, saingy tsy araka ny fahalalana. Fa satria tsy nahalala ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra izy ka nitady hanamarina ny tenany, dia tsy nanaiky ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra.**

## Pride and Pretense

Nampitahain'I Jesosy ny vavak'ilay mpirehareha sy ilay mpanetry tena.

**Lioka 18:10-14 Nisy roa lahy niakatra teo an-kianjan'ny tempoly hivavaka, ny anankiray Fariseo, ary ny anankiray mpamory hetra. Ilay Fariseo nitsangana ka nivavaka nitokana hœ: "Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany, izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka io mpamory hetra io aza. Mifady indroa isan-kerinandro aho; mandoa ny fahafolon-karena amin'izay azoko rehetra aho."**

**Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavitra eny, sady tsy nety niandrandra ny lanitra akory, fa niteha-tratra ka nanao hœ: "Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota."**

**Lazaiko aminareo: "Izany lehilahy izany nidina tany an-tranony efa nohamarinina noho ny anankiray; fa izay rehetra manandra-tena no haetry, ary izay rehetra manetry tena no hasandratra."**

Nantsoin'I Jesosy hoe mpihatsaravelatsihy ireo Fariseo sy Mpanora-dalàna satria nanao vavaka fireharehana.

**Matio 23:14 "Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa laninareo ny tranon'ny mpitondratena, ary dia manao vavaka lavareny ho fiolahana ianareo; koa izany no hahazoanareo fahamelohana mafimafy kokoa."**

## Tsi-famelan-keloka

Miaina amin'ny tontolo tsy tonga lafatra isika. Isika rehetra dia efa samy, naratra, nararaotina, nahilika, ary nandaingana tamina sehatra avoavo daholo. Impiry isika no efa naheno olona niteny hoe, "Fa tsy mendrika ny ho havela heloka izy." Ny tena marina, ny zavatra mendrika ho an'ny olona dia tsy misy hidiran'ny famelan-keloka. Ny zavatra nataon'Andriamanitra ho ilaintsika dia tsy ny hamela amina zavatra voafetra nataon'ny olona iray na tsy nataony. Ka hahatonga azy ireny ho eo ambanin'ny fifehezantsika ihany.

Tsy hoe satria Andriamanitra miezaka manamora izany amin'ilay olona iray na olona maro. Ny fanirian'Andriamanitra dia ny hahatonga izany ho mora amintsika. Arakaraka ny hihazonantsika

tsi-famelan-keloka, dia tsy afaka manohy fiainana tsaratsara kokoa isika. Ny tsi-famelan-keloka dia mamatotra antsika amin'ilay olona na ilay tranga. Ny làlana tokana haharava ny famatorany dia ny famelantsika ny helony.

➢ *Mamela Mba Ho Voavela*

Jesosy nampianatra fa ny vavaka-tsika dia tsy afaka ny ho voavaly raha mbola misy tsi-famelan-keloka ao amin'ny fontsika .

**Marka 11:25-26 "Ary raha mitsangana mivavaka ianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo. Fa raha ianareo tsy mamela heloka, ny Rainareo Izay any an-danitra kosa tsy hamela ny helokareo"**

Ny eritreritra mifanohitra amin'ny famelantsika ny hafa dia ny fangatahantsika ny hafa mba hamela antsika. Mariho, Jesosy tsy niteny hoe raha nanao diso tamin'ny rahalahintsika isika (Na anabavy ao amin'ny Tompo). Hoy Izy raha manana alahelo amintsika izy.

**Matio 5:23,24 "Ary amin'izany, raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin'ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin'ny rahalahinao, ary rehefa miverina, dia vao atero ny fanatitrao."**

Nataon'I Jesosy ho isan'ny vavaky ny Tompo ny famelan-keloka ary nampianatra bebe kokoa ny amin'ny famelan-keloka avy hatrany Izy tao aorinan'izany vavaka izany. Afaka ny nataony mazava kokoa– raha tianao hamela anao Andrimanitra, dia avelao ny hafa.

**Matio 6:12,14,15 "Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay ... Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona ianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona ianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo."**

➢ *Impito Amby Fito-polo*

Petera dia lehibe tamina fiainana ambanin'ny lalàna. Izao no fanontaniany tamin'I Jesosy, "Ampy ve ny hamelako hatramin'ny impito?" Nanontany lalàna araka ny fomba fivavahana izy.

**Matio 18:21,22 Dia nanatona Petera ka nanao taminy hœ: "Tompoko, impiry moa no hanotan'ny rahalahiko amiko, ka havelako izy? Hatramin'ny impito va?**

**Fa hoy Jesosy taminy: "Tsy lazaiko aminao hœ: Hatramin'ny impito, fa hatramin'ny impito amby fito-polo."**

Jesosy namaly hoe "impito amby fito-polo" midika fa tokony hivelatra kokoa amina fiainana famelan-keloka izy. Tsy ho hay atao ny hitadidy hoe efa namela heloka olona hatramin'ny im-tsivi-folo sy efa-jato aho.

➢ *Ilay Mpanompo Ratsy*

Jesosy nilaza fanoharana momba ny maha-zava-dehibe ny famelan-keloka.

**Matio 18:23-35 "Koa amin'izany ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka anankiray, izay te-hidinika amin'ny mpanompony ny amin'ny volany. Ary raha vao nidinika izy, dia nisy anankiray nentina teo aminy, izay nitrosa talenta iray alina. Ary satria tsy nanan-kaloa izy, dia nasain'ny tompony hamidy izy sy ny vadiny aman-janany mbamin'ny fananany rehetra handoavana ny trosa. Dia niankohoka teo anatrehany ilay mpanompo ka nanao hœ: "Tompoko, omeo andro aho, fa haloako ny anao rehetra."**

**Ary ny tompon'izany mpanompo izany dia onena azy ka nandefa azy sady namoy ny trosa taminy. Nefa nony nivoaka izany mpanompo izany, dia nahita mpanompo namany anankiray, izay nitrosa denaria zato taminy; dia nosamboriny izy ka notraohiny sady nataony hœ: "Aloavy izay trosako aminao."**

**Fa niankohoka ilay mpanompo namany ka nifona taminy nanao hœ: "Omeo andro aho, fa haloako ny anao." Nefa tsy nety izy, fa lasa nampanao azy tao an-tranomaizina mandra-pandoany ny trosa. Ary nony hitan'ireo mpanompo namany izay efa natao, dia nalahelo indrindra izy ka nandeha nanambara tsara tamin'ny tompony izany rehetra natao izany.**

**Dia nampanalain'ny tompony ralehilahy ka noteneniny hœ: "Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafoiko ilay trosa rehetra taminao, satria nifona tamiko ianao; moa tsy tokony mba ho namindra fo tamin'ny mpanompo namanao koa va ianao tahaka ny namindrako fo taminao?" Dia tezitra ny tompony ka nanolotra azy ho amin'ny mpampijaly mandra-pandoany ny trosa rehetra.**

**Ary tahaka izany koa no hataon'ny Raiko Izay any an-danitra aminareo, raha tsy samy mamela ny rahalahinareo amin'ny fonareo avy ianareo."**

Navelan'Andriamanitra tamin'ny be isika– ny otantsika tamin'ny lasa sy fianjerantsika amin'ny ankehitriny– ahoana no tsy ahafahantsika mamela ny hafa?

## MANALA NY OTA MANAKANA

Hatramin'ny fotoana niafenan'I Adama sy Eva an'Andriamanitra tao amin'ny Saha-Edena, dia nitsangana ho sakana ny ota eo anelanelan'Andriamanitra masina sy ny lehilahy sy vehivavy feno fahotana.

**Isaia 59:1,2 Indro, ny tànan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare; fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy.**

Jesosy dia efa nandoa ny sazin'ny fahotantsika, kanefa mila maka tombontsoa amin'ny famatsiany ho an'ny famelan-keloka sy fanalàna ny fahotana isika. Betsaka no boky nosoratana mikasika ny vavaka miaraka amina fijery fa ireo tranga ireo dia mandeha ho azy. Fa ny lehilahy sy ny vehivavy dia manana fahafahana lehibe handresy lahatra ny tenany fa ny fahotana, indrindra fa ny

azy, dia azon'Andriamanitra tsara ary adinon'Andriamanitra. Tsy izany. Solomona nanoratra,

**Ohabolana 14:12 Misy lalana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo lalana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany.**

Tsy afaka manadino fahotana Andriamanitra. Mifanohitra amin'ny natiorany sy ny Teniny izany. Tsy afaka ny ho eo amin'ny fanatrehan'ny ota Ilay Andriamanitra masina, ary ny fahasoavany dia tsy manadino ho azy na mamela fahotana fotsiny.

**Romana 6:1,2 Inona ary no holazaintsika? Mbola hitœtra amin'ny ota ihany va isika hitomboan'ny fahasoavana? Sanatria izany! Hataontsika izay efa maty ny amin'ny ota ahoana no ho velona aminy ihany?**

Ny ota eo amin'ny fiainantsika amin'ny endrika maro dia hanakana ny vavaka-tsika tsy ho heno.

### Miaiky Ary Havela Heloka

Ahoana no ahafahantsika amin'ny fahotana amin'ny fiainantsika? Amin'ny fahatsoran'ny tenantsika eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny filazana ny ota fa fahotana, ary miaiky izany eo anatrehan'Andriamanitra. Tsy afaka manao fialan-tsiny isika. "Annn! Tsy izay no noeritreretiko fa..." Tsy afakla mteny isika hoe, "Zavatra kely fotsiny izany..."

Mba ho voavela sy voadio amin'ny tsi-fahamarinana rehetra, dia tokony hihatrika ny fahontsika amin'ny fahatsorana ary amin'ny fiekena eo anatrehan'Andriamanitra isika.

**1 Jaona 1:9 Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.**

Raha tsy voavaly ny vavaka-tsika, dia tokony haka fotoana hahafantarana ny antony isika. Mety tsy ho fahotana, fa mety ho tsy fahampiam-pahalalana, tsy fahampiam-pinoana, na avy amin'ny tsy fangatahana amin'Andriamanitra araka ny sitrapony.

### Sakana Amin'ny Valim-bavaka

➢ *Fahadisoana*

Ny fahadisoana no fahotana izay nahazo ny taranaka nifandimby.

**Jeremia 11:10,11 "Fa izy niverina nankamin'ny heloky ny razany, izay tsy nety nihaino ny teniko, ary lasa nanaraka andriamani-kafa izy ka nanompo azy; ny taranak'Isiraely sy ny taranak'i Joda efa nivadika ny fanekeko, izay nataoko tamin'ny razany." Koa izao no lazain'i Jehovah: "Indro, Izaho hahatonga loza aminy, izay tsy azony handosirana; Ary na dia hitaraina amiko aza izy, dia tsy hihaino azy Aho."**

Davida nanoratra,
**Salamo 66:18 Raha nankasitraka ota tao am-poko aho, dia tsy mba hihaino ny Tompo.**

➢ *Fananana Sampy Ao Am-po*

Na inona na inona eo amin'ny fiainantsika, no lasa eo amin'ny toerana sarobidy izay tokony hisy an'Andriamanitra, dia lasa

sampy. Tokony Andriamanitra no manana ny toerana voalohany eo amin'ny fiainantsika.

**Ezekiela 14:3 Ry zanak'olona, ireto olona ireto efa nampiorina ny sampiny ao am-pony, ary ny fahatafintohinana mahameloka azy dia apetrany eo anoloany. Moa hety hanontanian'ireto va Aho?**

*Halatra,Vono Olona, Fijangajangana*
*Fianianan-tsy tò, Fanompoana Andriamani-kafa*

**Jeremia 7:9,10,13,16 "Hay! hangalatra sy hamono olona sy hijangajanga va ianareo ary hianian-tsy tò sy handoro ditin-kazo manitra ho an'i Bala sady hanaraka andriamani-kafa izay tsy fantatrareo? Nefa mbola avy miseho ao anatrehako amin'ity trano izay efa niantsoana ny anarako ity ihany ianareo ka manao hœ: Efa voavonjy izahay mba hanaovana ireto fahavetavetana rehetra ireto!"**

**"Koa ankehitriny, hoy Jehovah, satria nanao izany zavatra rehetra izany ianareo, ary niteny taminareo Aho, eny, nifoha maraina koa ka niteny taminareo, nefa tsy nohenoinareo, ary niantso anareo Aho, nefa tsy novalianareo."**

**Koa aza mivavaka ho an'ity firenena ity ianao [Jeremia], ary aza manandratra fitarainana sy fivavahana ho azy na mifona amiko; Fa tsy hihaino anao Aho.**

Inona no nolazain'Andriamanitra tamin'i Jeremia? Aza manao fifonana, na mitomany, na mivavaka ho azy, fa tsy hihaino anao aho.

"Azy" dia manambara ireo mangalatra, mamono olona, mijangajanga, mianian-tsy to, manompo andriamani-kafa, ary miditra ao an-tranon'Andriamanitra miteny hoe, "Navela hanao izany zavatra izany izahay." Tsy mitovy amin'ny miteny toy izao ve izany, "Ambanin'ny fahasoavana isika, fa tsy lalàna. Afaka manota isika ary Andriamanitra hamela antsika?" tsy mitovy amin'ny miteny toy izao ve izany, "Fantatro ny Baiboly miteny hoe... fa diso, fa azon'Andriamanitra tsara ny mahazo ahy?"

- *Mirehareha*

Andriamanitra tsy mihaino ny mpiavonavona.

**Joba 35:12,13 Eny, mitaraina mafy ireo fa tsy mamaly Izy noho ny fireharehan'ny ratsy fanahy. Ny fitarainam-poana dia tsy mba henoin'Andriamanitra, ary ny Tsitoha tsy mandinika izany.**

**Jakoba 4:6b "Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena."**

- *Tsy Manentsin-tady*

Andriamanitra dia tsy hihaino izay tsy manentsin-tady amin'ny malahelo.

**Ohabolana 21:13 Izay manentsin-tadiny amin'ny fitarainan'ny malahelo, dia mba hitaraina kosa izy, fa tsy hohenoina.**

- *Tsy Mankato*

Tsy zavatra kely ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra. Hoy Isaia hoe tahaka ny fahotan'ny mpanompo sampy. Andriamanitra tsy hihaino ny tsy mpankato.

**1 Samoela 15:23a Fa ny miodina dia toy ny heloka amin'ny fankatovana, ary ny ditra dia toy ny manompo sampy sy terafima.**

**Zakaria 7:11-13 "Nefa tsy nety nihaino ireny, fa nampihemotra ny sorony, ary nataony lalodalovana ny sofiny; mba tsy handre. Eny, nanao ny fony ho mafy,toy ny diamondra Izy, mba tsy hihaino ny lalàna sy ny teny izay nampitondrain'ny Fanahin'i Jehovah, Tompon'ny maro, holazain'ny mpaminany fahiny, ka dia tonga izay fahatezerana mafy avy tamin'i Jehovah, Tompon'ny maro.**

**Koa toy ny niantsoan'ireny, fa tsy nohenoiny, dia ho toy izany no hiantsoany kosa, fa tsy hohenoiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro."**

**Ohabolana 28:9 Izay manentsin-tadiny tsy hihaino ny lalàna, Na ny fivavahany aza dia fahavetavetana.**

➢ *Vady Tsy Manaja*

Ny fifandraisana amin'ny mpivady dia tokony ho sary eto antany ny amin'ny fifandraisan'I Jesosy sy ny fiangonana– ny Tenan'I Kristy. Petera miresaka momba izany fifandraisana izany fa tsy mety ary voasakana ny vavaka-tsika.

**1 Petera 3:7 Ary toy izany koa, ianareo lehilahy, miaraha mitœtra aminy araka ny marina, manaja ny vavy, tahaka ny mety hatao amin'ny fanaka malemilemy kokoa sady mpiara-mandova ny fahasoavan'ny fiainana,- mba tsy ho voasakana ny fivavahanareo.**

### Ho Famintinana

Raha misy zavatra izay tsy eken'ny saintsika, dia tsy afaka ny hivavaka am-pahasahiana isika mandrapaha-voavela izany. Ny fieritreretana madio sy ny finoana dia miaraka ary tsy azo sarahina.

**1 Timoty 1:5 Fa ny anton'ny didy dia fitiavana avy amin'ny fo madio sy ny fieritreretana tsara ary ny finoana tsy mihatsaravelatsihy.**

## HAMPAHEREZINA HIVAVAKA

### Jesosy Niteny Hoe Mivavaha

Jesosy nandidy antsika hivavaka sy nampahery antsika hivavaka tsy mitsahatra.

**Matio 9:38 "Koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra."**

**Lioka 18:1 Ary Jesosy nilaza fanoharana taminy, fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka.**

**Lioka 21:36 "Fa miambena ka mivavaha mandrakariva, mba hahery ianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'olona."**

### Ny Apostoly Nampahery Mba Hivavaka

Ny diakona voalohany dia napetraka tao am-piangonana mba hahafahan'ny apostoly manolotra ny tenany ho amin'ny vavaka sy ny Tenin'Andriamanitra.

**Asan'ny Apostoly 6:4 "Fa izahay kosa haharitra amin'ny fivavahana sy ny fampianarana."**

Paoly apostoly nilaza fa faniriany ny hivavahantsika amin'ny fahamasinana, fa tsy amin'ny fahatezerana na fisalasalana.

**1 Timoty 2:8 Koa tiako ny lehilahy hivavaka eny tontolo eny manandra-tanana masina, tsy amin'ny fahatezerana na amin'ny fifandirana.**

**Efesiana 6:18 Ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra.**

Jakoba niteny fa tokony hifampivavaka isika.

**Jakoba 5:16 Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.**

Petera niteny antsika ho hendry ary hiambina am-bavaka.

**1 Petera 4:7 Fa antomotra ny faran'ny zavatra rehetra; koa hendre ka mahonòna tena ho amin'ny fivavahana.**

### Nivavaka Davida

Ny bokin'ny Salamo dia feno ny vavak'i Davida. Hoy izy hoe nanolotra ny tenany ho amin'ny vavaka izy.

**Salamo 109:4b Fa izaho kosa dia mivavaka.**

### Ny Vavaka Manome Voninahitra An'Andriamanitra

Jesosy niteny,
**Jaona 14:13 "Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka."**

### Ankasitrahan'Andriamanitra Ny Vavaka

**Ohabolana 15:8 Ny fanatitry ny ratsy fanahy dia fahavetavetana eo imason'i Jehovah; Fa ny fivavaky ny marina no sitrany.**

### Mihaino Ary Mamaly Vavaka Andriamanitra

**Salamo 65:2 Ry Mpihaino vavaka ô, Hianao no hohatonin'ny nofo rehetra.**

**Salamo 86:7 Amin'ny andro fahoriako dia miantso Anao aho, fa mamaly ahy Hianao.**

**1 Petera 3:12a Fa ny mason'ny Tompo dia mitsinjo ny marina, Ary ny sofiny mihaino ny fitarainany.**

## ✦ Famintinana– Ny Vavaka mitondra vokatra

Jesosy niteny hoe tokony haharitra amin'ny vavaka isika. Tokony hivavaka andro aman'alina. Tokony hangataka, hitady ary handondona amin'ny vavaka. Niteny koa izy fa tsy tokony hivavaka mba ho hita isika, fa tokony hivavaka ao amin'ny mangigina. Tsy tokony hanao vavaka teny maro foana isika satria

tsy mivavaka amin'ny finoana izany, satria Andriamanitra efa mahalala ny ilaintsika.

Nataon'I Jesosy mazava tsara fa raha tsy mandeha amin'ny famelan-keloka ny hafa isika, dia tsy tokony hivavaka isika mandrapandehanantsika ka mihavana aminy. Tokony hamela ireo izay nandratra antsika isika ary tokony hangataka famelan-keloka amin'ireo izay manana alahelo amintsika.

Ny tsi-finoana, tsi-fahampiam-pahalalana, fireharehana, fahadisoana, halatra, vono olona, fijangajangana, fianianan-tsy to, ary ny fanompoana andriamani-kafa– dia fahotana avokoa– ary samy hanakana ny valim-bavaka ho antsika.

Rehefa manatona an'Andriamanitra amin'ny vavaka isika, dia tokony hanala mialoha ny zavatra izay mihazona antsika tsy ho malalaka eo amin'ny fanatrehany. Ary ho afaka atao am-pinoana ny vavaka-tsika.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Ataovy lisitra ary hazavao ireo dingana telo amin'ny vavaka mahomby.

3. Ahoana no ahafantarantsika fa misy sakana na vesatra eo amin'ny fiainantsika izay mahatonga an'Andriamanitra tsy hamaly vavaka antsika?

2. Lazao ny sakana na vesatra amin'ny vavaka izay olana teo amin'ny fiainanao. Inona no eritreretinao atao mikasika izany?

*Lesona Fahaenina*

# Fidirana Amina Fiainam-bavaka Mahomby

## FAMPIDIRANA

Izahay dia lehibe tamina fiangonana izay ny fianarana ny tenin'Andriamanitra no tena namafisina. Matetika izahay dia nandre ny famporisihan'i Paoly an'i Timoty.

**2 Timoty 2:15 Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha tœtra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana.**

Nianatra ny fahazoana ny fankasitrahan'Andriamanitra izahay, ary misaotra an'Andriamanitra izahay ny amin'ny zavatra rehetra nianaranay nandritra ireo taona maro ireo. Fa tsy fantatray hoe ny tena fandalinana dia tsy atao amin'ny saintsika ara-boajanahary fotsiny, fa famelàna ny Fanahy Masina ho Mpampianatra antsika ihany koa – amin'ny fiankinana amin'ny fanambaràny.

➢ *Ny Taolana*

Ny fahalalana ny Teny dia afaka ampitahaina amin'ny firafitry ny taolam-batana. Mahatonga antsika hiaina sy hihetsika amina tanjona izany. Raha tsisy izany taolana izany dia mitovy amina trondro tsy tena izy izay miandry ny onja hitondra azy etsy sy eroa fotsiny isika.

Nisy andininy hafa izay tsy ary renay nohamafisina mihitsy. Rehefa mianatra zavatra isika dia tokony hampiharintsika. Tokony ataontsika! Jakoba apostoly dia niteny fa tsy tokony ho mpihaino ny Teny isika. Fa tokony ho mpankato ny Teny.

**Jakoba 1:22-24 Fa aoka ho mpankatò ny teny ianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo. Fa raha misy mpihaino ny teny, nefa tsy mpankatò, dia toy ny olona mizaha ny tarehiny eo amin'ny fitaratra izy; fa mijery ny tenany izy, dia lasa, ary miaraka amin'izay dia hadinony ny tarehiny.**

➢ *Ny Nofo*

Mba hitondrana lavitra kokoa ny momban'ny vatana, ny sitrapo sy ny fihetsem-po dia tahaka ny nofo sy rà. Ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahalemem-panahy, fahatsaràna, fahatokiana, famindrampo, ary ny fahononan-tena dia anisan'izany.

➢ *Ny Fanahy*

Mbola misy momban'ny vatana velona iray ary izany dia ny fanahin'ny olona. Ny vavaka dia fanehoana fiankohofana, ary tokony hiankohoka amin'ny fanahy isika.

**Jaona 4:23,24 "Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana."**

## AHOANA NO FOMBA FIVAVAKA-TSIKA

Tsy ampy ny mianatra momba ny vavaka, tokony ho ataontsika izany. Tokony hivavaka amin'Andriamanitra Ray isika, amin'ny alàlan'ny Zanany, amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

### Amin'Andriamanitra– Ilay Ray

➢ *Jesosy Ilay Maodelintsika*

Jesosy nivavaka tamin'Andriamanitra amin'ny maha Ray Azy.

**Jaona 17:1 Rehefa nolazain'i Jesosy izany teny izany, dia nanandratra ny masony ho amin'ny lanitra Izy ka nanao hœ: "Ray ô, tonga ny fotoana; mankalazà ny Zanakao, mba hankalazan'ny Zanaka Anao."**

Nanao an'Andriamanitra ho RayMasina Izy.

**Jaona 17:11 "Ary tsy ho eto amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa izy ireto no ho eto amin'izao tontolo izao, ary Izaho mankany aminao. Ray masina ô, tehirizo ireo amin'ny anaranao izay nomenao Ahy, mba ho iray ihany izy, tahaka ny mahiray Antsika."**

Nanao an'Andriamanitra ho Ray Marina Izy.

**Jaona 17:25 "Ray marina ô, tsy nahalala Anao izao tontolo izao; fa Izaho nahalala Anao, ary ireto efa mahalala fa Hianao no naniraka Ahy."**

Jesosy niteny hoe tokony hiantso an'Andriamanitra ho Raintsika any an-danitra isika .

**Matio 6:9 "Koa amin'izany mivavaha toy izao ianareo: Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao."**

➢ *Nisy Hafa Nivavaka Tamin'I Jesosy*

Na dia nampianarina sy nampaherezina hivavaka amin'Andriamanitra Ray aza isika, dia tsy fitsipika ara-dalàna izay tsy maintsy arahina foana akory izany amin'ny fotoana rehetra. Fantantsika izany satria tamin'ny andro nahafatesan'I Stefana, dia nivavaka tamin'I Jesosy Izy.

**Asan'ny Apostoly 7:59 Ary ny olona nitora-bato an'i Stefana, izay niantso hœ: "Ry Jesosy Tompo ô, raiso ny fanahiko."**

Nisy olona izay tena noratrain'ny rainy tety an-tany ka dia ,atahotra loatra izy ny hivavaka amin'ny Rainy any an-danitra. Azon'Andriamanitra tsara izany. rehefa mitombo ny fifandraisany amin'I Jesosy, dia ho asehony ny marina, Ilay Ray any an-danitra be fitiavana ho azy ary mitondra azy ho amin'ny fifandraisana Aminy.

### Amin'ny Anaran'I Jesosy

Tokony hivavaka amin'Andriamanitra amin'ny Anaran'I Jesosy isika. Ny toerantsika eo anatrehan'Andriamanitra dia ao amin'I Jesosy. Hamarinina ao Aminy isika.

**Jaona 15:16 "Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo ... mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona."**

### Amin'ny Alalan'ny Fanahy Masina

Tsy misy filazana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra mikasika vavaka amin'ny Fanahy Masina. Na izany aza, ny vavaka dia tokony amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, amin'ny fiankinana Aminy.

**Romana 8:26 Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina.**

Paoly apostoly niteny fa manana fanatonana an'Andriamanitra isika amin'ny alàlan'I Jesosy sy ny Fanahy Masina.

**Efesiana 2:18 Fa Izy no ananantsika roa tonta fanatonana amin'ny Fanahy iray ho any amin'ny Ray.**

## MANATONA AN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY TOE-PO MARINA TSARA

### Fibebahana

Ao amin'ny vavaky ny Tompo, dia nampianatra antsika hivavaka Jesosy, "Mamelà ny helokay." Izany dia tokony ho ao anatin'ny fiainam-bavaka-tsika hatrany.

➢ *Davida*

Davida mpanjaka dia nanota ary rehefa niatrika izay fahotana izay izy, dia lasa ohatra-na fibebahana ho antsika.

**Salamo 51:1 Mamindrà fo amiko, Andriamanitra ô, araka ny fahasoavanao; araka ny haben'ny fiantranao vonoy ny fahadisoako.**

➢ *Zanaka Adala*

Anisan'ny tantara mahafinaritra indrindra momba ny fibebahana dia ny amin'ilay zanaka adala. Nikomy tamin'ny rainy izy ary nandeha tamin'izay tiany. Farany rehefa tratran'ny anohanana izy, dia nanapa-kevitra ny hiverina any amin'ny rainy ary hangataka ny famelàny heloka. Izay fotsiny no nataony. Rehefa nihaona taminy ny rainy tamin'ny tanam-pitiavana misokatra, dia tsy nitenyb tamin'ny tenany izy hoe, "Oay, angamba tsy hitany hoe ratsy loatra aho araka izay mahizy ahy aho. Afaka ny tsy hanetry tena be kay aho. Azon'ny raiko tsara..." raha miala amin'ANdriamanitra isika, dia tokony hanatona azy am-panetre-tena ary mangataka famelan-keloka.

**Lioka 15:18-23 "Hiainga aho, dia hody any amin'ny raiko ka hanao aminy hœ: Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy miendrika hatao hœ zanakao intsony; fa ataovy tahaka ny anankiray amin'ny olona karamainao aho." Dia niainga izy ka nankany amin-drainy.**

**Fa raha mbola lavitra izy, dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka, dia namihina ny vozony sady nanoroka azy.**

**Ary ilay zanany nanao taminy hœ: "Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy miendrika hatao hœ zanakao intsony."**

**Fa rainy kosa nanao tamin'ny ankizilahiny hœ: "Alao haingana ny akanjo tsara indrindra ka ampiakanjoy azy; ary asio peratra ny tànany**

**sy kapa ny tongony; ary ento ny zanak'omby nafahy, ka vonoy; ary aoka isika hihinana sy hifaly ... "**

Ny Raintsika any an-danitra dia mitsena antsika amin'ny tanana mivelatra rehefa am-pahatsorana isika no manatona Azy ary miteny hoe, "Nanota aho."

**Fanetren-tena**

Ny fanetren-tena dia midika hoe maneho fahasamihafana, fanekena, fanajana an'Andriamanitra. Izany hoe manaiky ny hevitra, faniriana, ary fanapahan-kevitr'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fanajana, amin'ny fahalalana ny fahefany, fahalalany, ary fitsarany, ary mahalala hoe manatona amin'ny Anarany isika – tsy amin'ny fahalalantsika, toerantsika, na fahaiza-manaontsika.

**2 Tantara 7:14 "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."**

Tokony hanetry ny tenantsika eo anatrehan'Andriamanitra isika amin'ny vavaka.

**Fankatoavana**

Nataon'Andriamanitra mazava tsara fa ny fankatoavana dia misy dikany lehibe ahatonga ny vavaka-tsika ho voavaly.

**1 Jaona 3:22 Ary na inona na inona no angatahintsika dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasony isika.**

**Finoana**

Rehefa nanompo teo amin'ny olona Jesosy dia tsy nitsahatra nampahery azy hananan'izy ireo finoana Izy.

**Marka 11:22-24 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hœ: "Manàna finoana an'Andriamanitra. Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no hilaza amin'ity tendrombohitra ity hœ: Mifindrà, ka mianjerà any an-dranomasina, ka tsy hiahanahana ao am-pony, fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy, dia ho azony izany. Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany."**

**Matio 8:13 Ary Jesosy niteny tamin'ilay kapiteny hœ: "Mandehana; tongava aminao araka ny ninoanao. Dia sitrana tamin'izany ora izany ilay ankizilahy."**

**Matio 9:28 Ary rehefa niditra tao an-trano Izy, dia nanatona Azy ireo jamba; ary hoy Jesosy taminy: "Mino va ianareo fa mahay manao izany Aho?" Hoy izy taminy: "Eny, Tompoko."**

**Marka 5:36 Fa tsy nahoan'i Jesosy izany teny nataony izany, fa hoy Izy tamin'ilay mpanapaka ny synagoga: "Aza matahotra, minoa fotsiny ihany."**

**Marka 9:23 Fa hoy Jesosy taminy: "Hainao hœ? Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino."**

**Lioka 8:48 Ary hoy Jesosy taminy: "Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao; mandehana soa aman-tsara."**

Raha tsy amin'ny finoana, dia tsy hay atao ny mahazo sitraka amin'Andriamanitra.

**Hebreo 11:6 Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy.**

## DINGANA HAHOMBIAZANA AMIN'NY VAVAKA

### Mitoetra Ao Amin'I Kristy

Ny dingana voalohany ho amin'ny vavaka mahomby dia amin'ny fitoerana ao amin'I Kristy. Tokony hivelatra amina fiainana mitoetra ao Aminy isika. Hoy Jesosy hoe raha manao izany isika, dia na inona na inona angatahintsika  dia ho tonga izany.

**Jaona 15:7 "Raha miray amiko ianareo, ka mitœtra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany."**

Davida nilaza fa ny Tompo dia hanome antsika izay irin'ny fontsika – raha miravoravo aminy aloha isika. Rehefa manao izany isika dia hovaina araka ny endriny, ny faniriantsika dia lasa mifanaraka amin'ny Toetrany.

**Salamo 37:4,5 Ary miravoravoa amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao. Ankino amin'i Jehovah ny lalanao, ary matokia Azy, fa hataony tanteraka.**

### Managataka Araka Ny Sitrapony

Jaona apostoly dia manome antsika fampanantenana mahafinaritra far aha mangataka zavatra Aminy araka ny sitrapony isika, dia azontsika izay angatahintsika.

**1 Jaona 5:14,15 Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy.**

Jakoba nanoratra fa tsy handray valim-bavaka isika raha mangataka tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra, amin'ny fitiavan-tena, na amin'ny filàn'ny nofo ho fifaliantsika.

**Jakoba 4:3 Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin'ny filanareo.**

Amin'izay lafiny izay, ny fanontaniana dia lasa hoe, ahoana no ahafantarantsika fa mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra? Jakoba niteny hoe tokony hanontany an'Andriamanitra isika.

**Jakoba 1:5 Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.**

➢ *Davida nivavaka ny sitrapon'Andriamanitra*

Davida nivavaka ho an'ny tranony– tsy trano azo tsapain-tànana, fa ho an'ny firazanany, ho an'ny taranany. Nataony mifototra

amin'izay henony avy amin'Andriamanitra izany vavaka izany. Nivavaka araka izany teny izany izy.

**2 Samoela 7:26-29 "Ary aoka hohalehibiazina mandrakizay ny anaranao ka hatao hœ Jehovah, Tompon'ny maro, no Andriamanitry ny Isiraely; ka dia hampitœrina eo anatrehanao ny taranak'i Davida mpanomponao. Fa Hianao, Jehovah Tompon'ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, efa nilaza tamin'ny mpanomponao hœ: Izaho hanome taranaka anao; koa izany no nampahasahy ny fon'ny mpanomponao hanao izao vavaka izao aminao.**

**Ary noho izany, Jehovah Tompo ô, satria Hianao no Andriamanitra, ary marina ny teninao, ary Hianao efa nilaza izany zava-tsoa izany ny amin'ny mpanomponao, dia aoka ho sitrakao ny hitahy ny taranaky ny mpanomponao haharitra mandrakizay eo anatrehanao; fa Hianao, Jehovah Tompo ô, efa niteny izany; eny, aoka ny fitahianao no hitahianao ny taranaky ny mpanomponao mandrakizay."**

Davida nandre ny sitrapon'Andriamanitra ary nataony vavaka miverina tamin'Andriamanitra izany tao amin'ny fanahiny, nanambara izany mba ho tanteraka.

➢ *Elia Nanangana Ankizy Efa Maty*

Ity ohatra manaraka mikasika-na vavaka nandraisam-baliny ity dia mampientanentana, fa betsaka no tsy voalaza tao.

**2 Mpanjaka 4:32-35 Ary rehefa tonga tao an-trano Elisa, indro, maty ny zazalahy sady nampandrina teo am-pandriany. Ary niditra izy, ka nirindrim-baravarana tao izy roa lahy, ary Elisa nivavaka tamin'i Jehovah.**

**Ary niakatra izy ka nandry niampatra tambonin'ny zazalahy, ka ny vavany nataony tamin'ny vavany, ary ny masony tamin'ny masony, ary ny tànany tamin'ny tànany, ka dia nafana ny tenan'ny zazalahy.**

**Dia niasa-dia tao an-trano izy ary niverina niampatra taminy indray; dia nievina impito ny zazalahy, ary nihiratra ny masony.**

Ren'i Elia ny zavatra nilaina, nivavaka izy, ary nankeo amin'ilay ankizy. Nanao ny zavatra nasain'Andriamanitra atao izy satria tsy nanao ny zavatra ara-boajanahary. Nitsilany teo amin'ilay zaza efa maty izy. Nanomboka nafana ilay nofo, fa mbola tsy tanteraka ilay fahagagana.

Avy eo Elia nivoaka ny efi-trano ary nivezivezy tao an-trano. Azo antoka fa nivavaka izy – angamba nanamafy tamin'Andriamanitra izay reny– angamba niditra tanaty ady ara-panahy – ary avy eo niverina tao amin'ilay zaza, nitsilany fanindroany teo aminy, dia nanokatra ny masony ilay zaza.

Elia tsy niteny hoe "mety ho tsara raha ... ," dia nihetsika. Nivavaka izy aloha dia avy eo nihetsika araka ny fanambarana voarainy.

## Mivavaka Amin'ny Fahamarinana

Jaona niteny fa ny Fanahin'ny fahamarinana hitarika sy hiteny amintsika.

**Jaona 16:13 "Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy**

**Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo."**

Rehefa mivavaka isika, dia tokony ho tsotra amintsika sy amin'Andriamanitra. Ny teny Hebreo ho an'ny fahamarinana dia midika ihany koa hoe tsy fiovaovàna sy fahatokiana.

**Salamo 145:18 Jehovah dia eo akaikin'izay rehetra miantso Azy, Dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa.**

### Mivavaka Amin'ny Fanahy

Ao amin'ny Lesona Voalohany, dia miresaka momba-na fivavaka anankiroa isika – amin'ny fanahy sy amin'ny fahatakarana. Joda apostoly nanoratra hoe,

**Joda 20 Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra, ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina...**

Paoly apostoly niteny ao amin'ny Efesiana 6:17-19 fa isika dia tokony hivavaka amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra ... mba homena ahy ny hiloa-bava.

Tsy tokony hivavaka mihitsy aloha isika raha tsy mangataka ny fanampian'ny Fanahy Masina.

**Romana 8:26 Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika. Fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina.**

Rehefa nanamafy ny tiany atao Andriamanitra manoloana tranga mety hoe amin'ny alàlan'ny Teniny na amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, dia tonga ao amin'ny fanahintsika ny finoana. Afaka mivavaka amin'ny fahasahiana sy fahatokiana isika.

**Efesiana 3:12 Izay ananantsika fahasahiana sy fanatonana amin'ny fahatokiana noho ny finoana Azy (Kristy).**

### Mazoto Sy Mahery Mivavaka

Tena lavin'Andriamanitra tanteraka isika matimaty. Miteny Izy hoe na ianao mafana na ianao mangatsiaka. Tokony hiteny isika hoe "Izao, na inona na inona lazainao, Andriamanitra. Na inona na inona tianao ..."

**Apokalypsy 3:14 "Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Laodikia: Izao no lazain'ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan'izao zavatra noharin'Andriamanitra izao: Fantatro ny asanao, fa tsy mangatsiaka na mafana ianao; aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan'ny vavako ianao."**

Tokony fantantsika Andriamanitra, mahafantatra ny Teniny, mahalala izay nomeny antsika ary manaraka izany. Andriamanitra nanome ny tany nampanantenaina ho an'ny zanak'Isiraely, fa nila niady ho an'izany izy ireo. Nila nandeha izy ary naka ny tany.

### Mivavaka Tsy Mitsahatra

Rehefa nanoratra tamin'ny fiangonana tany Tesalonika i Paoly, dia niteny izy tokony hivavaka tsy mitsahatra. Ahoana ny

ahafahana manao izany? Ahoana no ahafahanao sy izaho manao ny asa amin'ny fiainana andavanandro ary mivavaka tsy mitsahatra?

Ataontsika izany amin'ny fivelarana amina fiainam-bavaka – amina fanokanana fotoana hivavahana isanandro, ary amin'ny famelàna ny fanahintsika hitohy hivavaka mandritra ny andro.

**1 Tesaloniana 5:17 Mivavaha, ka aza mitsahatra.**

➢ *Faherezana Mangataka*

Rehefa nalefa tao an-tranomaizina Petera, ny mpino hafa dia nahery nangataka ho azy. Tsy niteny izy hoe, "Izao, na inona na inona mitranga, fantatrao fa Andriamanitra no miandraikitra."

**Asan'ny Apostoly 12:5 Ary Petera nambenana tao an-tranomaizina; ary ny fiangonana nahery nangataka tamin'Andriamanitra ho azy.**

➢ *Amin'ny Fahombiazana, Amin'ny Faherezana, Amin'ny Fahazotoana*

Rehefa niteny Jakoba hoe mila mifampivavaka isika, dia nampatsiahy an'ny faherezan'i Elia nivavaka izy.

**Jakoba 5:16,17a Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra. Elia dia olona tahaka antsika ihany, ary izy nahery nivavaka**

➢ *Mikely Aina*

Paoly nikely aina tamin'ny vavaka. Azo antoka, tamin'ny asa fanompoany lehibe, sy ireo boky nosoratany, dia tsy hitany hoe mora ny maka fotoana hivavahana, ary mbola nanoratra izao izy – "nahery nikely aina mandrakariva ho anareo anatin'ny vavaka."

**Kolosiana 4:12 Manao veloma anareo Epafra, ilay anankiray avy aminareo sady mpanompon'i Kristy Jesosy ary mikely aina mandrakariva amin'ny fangatahana ho anareo, mba hitœranareo marina, ka hatoky tsara amin'izay rehetra mety ho sitrapon'Andriamanitra.**

➢ *Miezaka Mafy*

Paoly nampiasa ilay teny hoe "miezaka." Izany dia midika hoe manao ezaka be, mampiasa hery, na manao ny zavatra rehetra; mitolona na miady amin-kery; miezaka mafy. Paoly tsy nila vavaka matimaty tahaka ny "angamba raha sitraponao". Tanaty ady Paoly ary niangavy ny rahalahy izy hiezaka mafy miaraka amin'ny tanatin'ny vavaka.

**Romana 15:30 Ary mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny amin'i Jesosy Kristy Tompontsika sy ny fitiavana avy amin'ny Fanahy, mba hiarahanareo miezaka amiko amin'ny fivavahanareo amin'Andriamanitra ho ahy.**

➢ *Fahararıana*

Ny fahararıana dia teny tena nampiasaina imbetsaka amin'ny Baiboly the King James Version, mihoatra ny dikan-teny hafa. Ny teny nadika hoe ahararıana, amina tranga ankoatran'ny vehivavy miteraka dia midika hoe manaintaina, miasa ela ary amin'ny fahasarotana. Paoly apostoly nanoratra tamin'ny mpino

tany Galatia fa naharary am-bavaka izy mandra-paharin'I Kristy tao anatin'izy ireo. Izay ihany no andinin-tSoratra Masina izay midika hoe vavaka amin'ny fahararim-piterahana ho an'ny hafa ary nosoratana ho an'ny mpino izany.

**Galatiana 4:19 Anaka, izay ahararaiko indray amin'ny fiterahana mandra-paharin'i Kristy ao anatinareo,**

Vao manomboka mihetsika ny zaza, dia tsy mijanona izany fahararina izany mandra-piteraka ilay zaza. Ny fahararina am-bavaka dia midika hoe mitohy amin'ny faherezana be mandra-pahazoana ny fandresena ao amin'ny fanahy.

➢ *Mikatsaka*

Tokony hikatsaka an'Andriamanitra amin'ny fontsika rehetra isika. Mosesy naminany tamin'ny vahoaka fa hitady amin'ny fony rehetra izy.

**Deotoronomia 4:29 "Kanefa any ianao no hitady an'i Jehovah Andriamanitrao ka hahita Azy, raha mitady Azy amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra."**

Izany ihany koa no nolazain'i Jeremia.

**Jeremia 29:12,13 Ary hiantso Ahy ianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho. Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra.**

Davida niaiky.

**Salamo 119:12 Isaorana anie Hianao, Jehovah ô; Ampianaro ahy ny didinao!**

## VAVAKA SY FIFADIAN-KANINA

### Tokony Hifady Ve Isika?

Fanao tao amin'ny Testamenta Taloha izay tambanin'ny Fanekena Taloha ve ny fifadian-kanina, ary amin'izao andron'ny fahasoavna izao, tsy ialaina ve izany?

Jesosy niteny hoe hifady ny mpianatra. Tsy niteny Izy hoe raha.

**Lioka 5:35 "Fa ho avy ny andro; ary rehefa voaisotra ny mpampakatra hiala aminy, dia amin'izany andro izany vao hifady izy."**

Rehefa tsy nety nivoaka an'ilay zazalahy voan'ny androbe ilay demonia, dia nohazavain'i Jesosy ny mpianatra ny antony roa.

**Matio 17:20a, 21 Ary hoy Jesosy taminy: "Noho ny fahakelezan'ny finoanareo ihany ... Kanefa iny karazana iny tsy mivoaka raha tsy avoaka amin'ny fivavahana sy ny fifadian-kanina."**

### Antony Diso Hifadiana Hanina

Tsy mifady isika mba hihainoan'Andriamanitra antsika. Isaia mamaritra izany karazana fifadiana tsy araka ny tokony izy izany.

**Isaia 58:3,4 Nahoana izahay no mifady, hoy izy, nefa tsy hitanao? Ary nahoana izahay no mampahory ny tenanay, nefa tsy ahoanao?**

**"Indro fa amin'ny andro fifadianareo aza dia mbola ny tianareo ihany no ataonareo, ary ny mpiasa rehetra ao aminareo dia ampahorinareo. Indro, ny hiady sy ny hifanditra no anton'ny ifadianareo ary ny hamely**

**amin'ny totohondrin'ny faharatsiana; Izao fifadianareo izao dia tsy andrenesana ny feonareo any amin'ny avo."**

Tsy tokony hifady isika ra misy lafim-piainantsika izay tsy ankasitrahan'Andriamanitra.

**Ny Fifadiana Voafidin'Andriamanitra**

Faritan'Andriamanitra ny fifadiana izay ankasitrahany.

**Isaia 58:6,7 "Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako: Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahorina ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra? Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirim-belona amin'ny namanao ianao?**

**Karazana Fifadiana Efatra**

Misy karazana fifadiana efatra izay voalaza ao amin'ny Baiboly.

➢ *Fifadiana Ampahany*

Ny fifadian'i Daniel dia ny tsy fihinanana hanim-py, tsisy hena ary tsisy divay.

**Daniela 10:2,3 Tamin'izany andro izany izaho Daniela dia nisaona roatokom-bolana mipaka. Tsy nihinana hanim-py aho, sady tsy nanendry hena na divay ny vavako, ary tsy nihosotra diloilo akory aho ambara-pahatapitry ny roatokom-bolana mipaka.**

➢ *Fifadiana Mahazatra*

Fifadiana izay tsy hihinanao sakafo izany, fa misotro rano na ranom-boankazo. Mety izany raha hifady ela.

➫ **Jesosy**

Jesosy dia notarihin'ny Fanahy Masina tany an-efitra ary nifady hanina nandritra ny efa-polo andro tany Izy. Nandritra izany fifadiana izany, dia voalaza amintsika fa tsy nihinana na inona na inona Izy.

**Lioka 4:1,2 Ary Jesosy feno ny Fanahy Masina dia niverina avy tany Jordana, ary nentin'ny Fanahy tany an-efitra efa-polo andro Izy ka nalain'ny devoly fanahy. Ary tsy nihinan-kanina akory Izy tamin'izany andro izany, ka rehefa tapitra izany, dia noana Izy.**

➢ *Fifadiana Tsy Takatry Ny Saina*

Voalaza amintsika ny momban'ny fifadiana tsy takatry ny saina, fa tsy fomba mahazatra izany ho an'ny ankehitriny.

➫ **Elia**

Ny fifadian'i Elia dia hafa kely satria ny hanina azony tamin'ny fomba mahagaga ary avy eo nandeha hatrany tamin-kery azo tamin'ilay sakafo ary nisotro nandritra ny efa-polo andro.

**1 Mpanjaka 19:5-8 Ary raha nandry natory teo ambanin'ny anjavidy anankiray izy, indro, nisy anjely nanohina azy ka nanao taminy hœ. "Miarena, ka homàna." Dia nijery izy, ka, indro, teo anilan'ny lohany nisy mofo voaendy tamin'ny vato mahamay sy rano iray tavoara; ary nihinana sy nisotro izy, dia nandry indray.**

**Ary avy fanindroany indray Ilay Anjelin'i Jehovah, dia nanohina azy ka nanao hœ: "Mitohaza, ka homàna, fa lavitra loatra ny halehanao." Dia nifoha izy ka nihinana sy nisotro; ary nandeha tamin'ny tanjaka azony tamin'izany hanina izany efa-polo andro efa-polo alina izy ho any Horeba, tendrombohitr'Andriamanitra.**

### ➫ Mosesy

Mosesy nifady nandritra ny efa-polo andro sy alina tany tendrombohitra ary Andriamanitra nanome azy ireo didy folo tany am-piandohàna.

**Deotoronomia 9:9 "Raha niakatra tao an-tendrombohitra aho handray ny vato fisaka, dia ny vato fisaka izay nisy ny fanekena nataon'i Jehovah taminareo, ka nitœtra efa-polo andro sy efa-polo alina tao an-tendrombohitra sady tsy nihinan-kanina na nisotro rano."**

Ny vahoaka dia nivavaka ilay ombilaahy volamena – nitresaka ireo didy folo – ary Mosesy niverina nifady sy nivavaka nandritra ny efa-polo andro indray.

**Deotoronomia 9:18 "Ary niankohoka teo anatrehan'i Jehovah efa-polo andro sy efa-polo alina tahaka ilay teo ihany aho ka tsy nihinan-kanina, na nisotro rano, noho ny fahotanareo rehetra, izay nataonareo tamin'ny nanaovanareo izay ratsy eo imason'i Jehovah, ka nampahatezeranareo Azy."**

Ny fifadian'i Mosesy nandritra ny efa-polo andro dia teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra feno voninahitra ary tsy ohatra ho amina fifadiana feno amin'ny fotoana ela izany ho an'ny ankehitriny.

➢ *Fifadiana Tanteraka*

Ny fifadiana tanteraka dia matetika mandritra ny fotoana fohy ary tsy mihinana sakafo na misotro rano ianao.

### ➫ Ny vahoakan'i Ninive

Rehefa nankany Ninive Jona, ny hafany dia afaka efa-polo dia ho rava ny tanana. Nanomboka nanao fifadiana tanteraka ny vahoaka. Hitan'Andriamanitra ny fibebahany ary tsy noravàny ilay tanana.

**Jona 3:7b-10 Aza avela hisy hanendry hanina akory, na olona, na biby fiompy; dia ny ondry aman'osy sy ny omby; eny, aza avela hisy hihinana na hisotro rano akory ireo. Fa aoka samy hisarona lamba fisaonana ny olona sy ny biby fiompy, ary aoka hitaraina mafy amin'Andriamanitra izy, ary aoka samy hahafoy ny lalany ratsy sy ny fandozana eny an-tanany avy izy rehetra. Fa angamba hiverina ihany Andriamanitra ka hanenina ary hiala amin'ny fahatezerany mirehitra, mba tsy ho lany ritra isika?**

**Ary rehefa hitan'Andriamanitra ny nataon'ireo ny amin'ny nialany tamin'ny lalan-dratsiny, dia nanenina Izy ny amin'ny loza izay nolazainy hamelezany azy, ka tsy nataony izany.**

### ➫ Estera mpanjakavavy sy ireo Jiosy rehetra tao Sosana.

Rehefa ren'ny mpanjakavavy ny fandrahonana ireo olony, dia nasainy nifady hanina nandritra ny telo andro ireo ary izy sy ny mpanompony ihany koa dia hanao tahaka izany. taorinan'ny fotoana nifadiana, dia nantona ny mpanjaka izy.

**Estera 4:16 "Mandehana ary, vorio ny Jiosy rehetra izay mba ato Sosana ary mifadia hanina noho ny amiko, ka aza mihinana na misotro hateloana na andro na alina; ary izaho sy ny ankizivaviko hifady toy izany koa, ary amin'izany no hidirako ao amin'ny mpanjaka, na dia tsy araka ny lalàna aza; koa raha tàhiny maty aho, dia maty!"**

**⇒ Paoly**

Taorinan'ny nihaonan'i Paoly tamin'ny làlany ho an'I Damaskosy, dia nifady hanina tanteraka izy.

**Asan'ny Apostoly 9:9 Ary tsy nahita izy hateloana sady tsy nihinana na nisotro.**

### Tombontsoa Amin'ny Fifdian-kanina

➢ *Mivoaka Ny Demonia*

**Matio 17:21 "Kanefa iny karazana iny tsy mivoaka raha tsy avoaka amin'ny fivavahana sy ny fifadian-kanina."**

➢ *Korontana Izay Fantatra Mialoha*

**Jona 3:10 Ary rehefa hitan'Andriamanitra ny nataon'ireo ny amin'ny nialany tamin'ny lalan-dratsiny, dia nanenina Izy ny amin'ny loza izay nolazainy hamelezany azy, ka tsy nataony izany.**

➢ *Tonga Ny Vina*

**Daniela 10:5,6 Dia nanopy ny masoko aho ka nijery, ary, indro, nisy lehilahy iray nitafy rongony fotsy, ka tena volamena avy any Ofaza no nisikinany; tahaka ny krysolita ny tenany. ary tahaka ny helatra ny tarehiny, ary tahaka ny fanilo mirehitra ny masony, ary mivolom-barahina manganohano ny sandriny sy ny tongony; ary ny feony toy ny feon'olona maro be."**

➢ *Fiberenan'ny Fahasalamana Ara-batana*

**Isaia 58:6-8 "Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako: Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahorina ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra? Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirim-belona amin'ny namanao ianao?**

**Fa raha izany, dia hiposaka tahaka ny fahazavan'ny maraina ny fahazavanao, ary ho tonga faingana ny fahasitrananao; ny fahamarinanao ho loha-lalanao, ary ny voninahitr'i Jehovah ho vodi-lalanao."**

➢ *Ny Fireharehana Dia Lasa Fietrena*

**Salamo 35:13 Ary ny amiko, raha narary izy ireo, dia lamba fisaonana no nitafiako; nampahory ny tenako tamin'ny ny fifadian-kanina aho; ary ny fivavako nody tao an-tratrako.**

➢ *Fifohazana Ara-panahy*

**2 Tantara 7:14 "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."**

## Tokony Hifady Ve Isika?

Andao hiverina amin'ny fanontaniantsika tany am-piandohàna – tokony hifady ve isika? Amin'ny tombontsoa rehetra hitantsika ao amin'ny Soratra Masina, ahoana no tsy haniriantsika hifady hanina?

Jesosy niteny antsika hifady ao amin'ny mangina.

**Matio 6:16-18 "Ary raha mifady hanina ianareo, aza mety ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy, izay malahelo tarehy; fa mampisotisoty ny tavany izy mba ho hitan'ny olona fa mifady. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. Fa ianao kosa, raha mifady hanina, dia hosory ny lohanao, ary sasao ny tavanao, mba tsy ho hitan'ny olona fa mifady, fa ho hitan'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao."**

## Dingana Fampiharana Ny Fifadian-kanina

Karazana fampiharana izay tsara ho fantatra:

- Misotro rano araka izay tratra – tena zava-dehibe izany.
- Ho an'ny fifadiana ampahany, mihinàna sakafo maivana tahaka ny voankazo vaovao. Aza mihinana sakafo namboarina. Misotroa rano, ronono, na ranom-boankazo. Mety te hanao ranom-boankazo mifangaro ianao (indrindra voasary makirana) atsasany atsasany amin'ny rano.
- Ny halavan'ny fotoana hifadianao dia aminao sy Andriamanitra. Satria ny fifadiana dia fanoloran-tena, voady, dia aza hamaivamaivanina. Tsara kokoa ny manomboka mifady fotoana hisakafoanana iray, na manomboka amin'ny fiposahan'ny masoandro hatramin'ny filentehany amina andro iray, ary avy eo manomboka manampy andro kely.
- Ny fifadiana ela dia tokony ho tapahina amina fisotrona ranom-boankazo, ary sakafo tsy dia maivana tsy mavesatra.

## ✦ Famintinana– Fidirana amina Fiainam-bavaka mahomby

Ny hahombiazana amin'ny vavaka, dia tokony hivelatra amina fiainam-bavaka amin'ny fahalalana an'Andriamanitra manokana isika. Tokony hitoetra ao Aminy isika. Mitovy be amin'ny fananana namana tsara nandritra ny taona maro izany. Misy fotoana, fantantsika mialoha ny zavatra fisainany, ny fahatsapany ary ny fihetsiny manoloana tranga iray. Arakaraka ny hitoerantsika amin'Andriamanitra, dia arakaraka izay no hahaizantsika mangataka araka ny sitrapony.

Andriamanitra dia maniry olona izay mikarakara ny zavatra ilain'ny manodidina azy – mba hampahafantatra Azy amin'ireo. Maniry ny hivavahan'ny olony tsy mitsahatra Izy, am-pahazotoana, am-paherezana, ary amin'ny fiezahana mafy. Maniry ireo izay hitady, hiasa, ary hitolona amin'ny fahatanterahan'ny sitrapony Izy.

Andriamanitra dia nanome ny fitaovana tsara hifadiana, miaraka amin'ny tombontsoa maro, ho fomba fanao fitondrana ny vatana sy ny fanahy hietry eo anatrehan'ny fanahintsika sy ny maha Tompo Azy.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Inona ireo dingana efatra ho amin'ny vavaka mahomby? Hazavao fohifohy avy ny tsirairay amin'izany .

2. Ataovy lisitra ny tombontsoan'ny fifadian-kanina.

3. Raha mbola tsy nifady ianao teo aloha, ahoana no anombohanao izany? Inona no tanjonao (azo atao) mitombona tsara?

*Lesona Fahafito*

# Ny Feon'ny Finoana

## FAMPIDIRANA

Tokony hivavaka am-pinoana isika ba hahatonga ny vavaka-tsika ho vo voavaly. Ho fanaovana izany, dia tokony matakatra sy olon'ny finoana isika.

Hitantsika ilay teny hoe "mino" miverimberina mihoatra ny in-telopolo amby zato ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ny teny hoe "finoana" dia nampiasaina mihoatra ny in-droapolo sy roanjato.

Namaly ny finoana hatrany hatrany Jesosy tamin'ny asa fanompoany tety an-tany. Hoy Izy,

"Ny finoanao no nahasitrana anao."
"Araka ny finoanao ..."
"Ravehivavy, lehibe ny finoanao."
"Raha manana finoana ianao ka tsy misalasala ..."
"Manàna finoana an'Andriamanitra."

Izao koa no nolazainy,

"Ry kely finoana..."
"Nahoana ianao no nisalasala?"
"Noho ny tsi-finoanao ..."
"Nahoana ianao no tsy manam-pinoana?"
"Aiza ny finoanao?"

Hoy Izy tamin'ny mpianatra, "Nivavaka ho anareo aho, mba tsy ho resy ny finoanareo."

Ny zavatra rehetra raisintsika amin'Andriamanitra, dia raisintsika amin'ny finoana – ny famonjentsika, ny batisan'ny Fanahy Masina, fahamarinana, fanasitranana, fitahiana, fahendrena sy fahalalana tsy takatry ny saina.

### Miteny Ny Finoana

Miteny ny finoana – fa inona no lazainy?

Paoly apostoly nanoratra,
**Romana 10:6a,8 Fa ny fahamarinana izay avy amin'ny finoana kosa manao hoe ... Fa ahoana no lazainy? Eo akaikinao ny teny, dia eo ambavanao sy ao am-ponao dia ny teny ny amin'ny finoana, izay torinay.**

Milaza ny tenin'andriamanitra ny finoana. Ahatonga ny vavaka-tsika ho voavaly, dia tokony hino isika, ary mba hinoana dia tokony hahalala ny Tenin'Andriamanitra isika ary hihaino ny feony.

Izany dia mitondra antsika amin'ny fanontaniana hoe, "Inona ny finoana marina?"

Mialohan'ny ny ahitantsika ny valiny, dia zava-dehibe ny mahalala tsara ny fomba namoronana antsika.

## IZA ISIKA

### Vatana, Aina Sy Fanahy

Noforonina amin'ny fizarana telo isika:
Vatana – ny taolantsika, nofo sy rà
Aina– ny saintsika, ny sitrapo, ny fihetsem-po
Fanahy– ny fiainantsika, ny mahizy

Jakoba niteny fa ny tena tsy misy fanahy dia maty.

**Jakoba 2:26 Fa maty ny tena, raha tsy misy fanahy, ary maty toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa.**

Ny mpanoratra ny bokin'ny hebreo dia miresaka ny amin'ny aina sy ny fanahy, ary nilaza fa amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra no ahafahantsika miteny ny aina amin'ny alalan'ny fanahy.

**Hebreo 4:12 Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.**

Ao amin'ny Tesaloniana Paoly dia nivavaka mba ho hanamasina antsika tanteraka Andriamanitra – fanahy, aina sy vatana.

**1 Tesaloniana 5:23 Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika.**

### Nateraky Ny Fanahy

Ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra dia ao amin'ny fanahy. Nateraky indray isika ao amin'ny fanahy. Betsaka amintsika no miezaka manompo an'Andriamanitra, ny midera Azy, ny mivavaka aminy amin'ny alalan'ny saintsika. Tsy hay atao izany. tokony ho ateraky ny Fanahy isikaary manatona an'Andriamanitra amin'ny fanahy.

**Jaona 3:4-6 Hoy Nikodemosy taminy: "Hataon'ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe; moa mahazo miditra any an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka?"**

**Jesosy namaly hœ: "Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy."**

Jaona maneho amintsika fa Andriamanitra dia Fanahy, ary amin'ny fanahy ihany no ahafahantsika manatona Azy.

**Jaona 4:23,24 "Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana."**

- *Olom-baovao*

Tokony ho olom-baovao isika ao amin'ny fanahy.

**2 Korintiana 5:17 Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olombaovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.**

### Fanahy Iray Amin'Andriamanitra

Amin'ny alalan'ny fahateraham-baovao, dia tokony ho fanahy iray amin'Andriamanitra isika. Izay ataontsika miaraka amin'Andriamanitra, na ho an'Andriamanitra, dia tokony atao ao amin'ny fanahy. Ny vavaka-tsika, mba hahomby, dia tsy afaka ny ho atao amin'ny ara-boajanahary amin'ny saintsika fotsiny, fa tokony ho vavaka amin'ny fanahy ihany koa izy ireny.

**1 Korintiana 6:17 Fa izay miray amin'ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy.**

Tokony hanompo an'Andriamanitra amin'ny fanahy isika tahaka ny nataon'i Paoly.

**Romana 1:9a Fa Andriamanitra, Izay tompoin'ny fanahiko amin'ny filazantsaran'ny Zanany, no vavolombeloko ...**

Ny mpanoratra ny bokin'ny hebreo dia maneho fa amin'ny finoana ihany no ahazoantsika sitraka amin'Andriamanitra.

**Hebreo 11:6 Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy.**

## FINOANA ARA-BOAJANAHARY SY FINOANA TSY TAKATRY NY SAINA

### Finoana Ara-boajanahary

Ny dikisionera dia milaza fa ny finoana dia fahasahiana amin'ny fahamarinana, lanja, na famendrehan'ny olona iray, hevitra, na zavatra. Ny finoana dia fahafahana ara-boajanahary amin'ny fain'ny saintsika. Ohatra, rehefa mipetraka eo amin'ny seza isika, dia mino isika fa afaka ny mahazaka antsika ilay izy. Betsaka amintsika no mihetsika amin'ilay finoana ara-boajanahary hatrany hatrany, fa tsy izay ilay karazana finoana an'Andriamanitra naseho tao amin'ny Baiboly.

### Finoana Tsy Takatry Ny Saina

Ny finoana tsy takatry ny saina dia tsy mijanona eo amin'ny porofo araka ny lojikan-javatra na fomba fisehoan-javatra mahazatra, fa kosa mifototra amina finoana miharo an'Andriamanitra sy ny Teniny. Ny finoana tsy takatry ny saintsika dia avy amin'ny fanahintsika – fa tsy ny saintsika. Ny finoana tsy takatry ny saina dia finoana sy fihetsehana amin'ny Tenin'Andriamanitra, tsy ankanontany na miezaka mieritreritra momba izany.

### Saina Miovaova

Jakoba nanazava fa ny olona mangataka am-pinoana, nefa manomboka misalasala. Izany dia olona avy amineny finoana mankamin'ny tsy finoana, ary misy fihodonana tsy mety tapitra eo. Atopatopan'ny rivotra tahaka ny onjan-dranomasina izy.

**Jakoba 1:5,6 Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany. Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahanahana akory; fa izay**

**miahanahana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany.**

Ny fisalasalana no mifanohitra amin'ny finoana. Fihetsikin'ny saina ara-boajanahary izany. ny fisalasalana dia midika hoe tsy tapa-kevitra na miahanahana, alaim-panahy tsy hino; na tsy hatoky, tsy manantena, tsy ampy fahazaona antoka izay matetika mitondra amin'ny tsisy vahaolana; tsy fahampiana fahatokiana.

Tsy afaka ny hihetsika am-pinoana isika no sady misalasala. Tsy afaka ny hihetsika am-pinoana isika no sady manahy. Mifanohitra tanterak izany.

**Ny Anton'ny Fisalasalana**

Misy antony telo lehibe mahatonga ny olona mitolona amin'ny fisalasalana izay afaka ny ho fantatra ary afaka ny alamina.

➢ *Tsy Fahampian'ny Fanomezan-danja Ny Tena*

Ny antony iray tena mahatonga ny fisalasalana dia ny tsy fahampian'ny fanomezan-danja ny tena. Ny zava-doza indrindra amin'ny tsy fahampian'ny fanomezan-danja ny tena dia ny fieritreretantsika fa tsy afaka manao na inona na inona isika momba izany. "Izay no fomba nanabeazana ahy, ary izaho izany mihitsy," matetika dia izany no re.

Na izany aza, ao amin'ny famonjena, dia lasa olom-baovao isika. Lasa fanahy iray amin'Andriamanitra isika. Ny fanambarana ny amin'ny maha-olom-baovao dia tsy manome toerana ho an'ny fomba fijery diso ny tena.

Paoly apostoly milaza fa maty ny amin'ny fahotana isika, Tia antsika Andriamanitra. Angamba ny ray aman-drenintsika dia tsy nitia antsika araka no tokony ho nataony. Angamba, nataony daholo ny karazana teny diso sy mandratra, fa Andriamanitra tia antsika.

**Efesiana 2:4-6 Fa Andriamanitra, Izay manan-karena amin'ny famindram-po, noho ny halehiben'ny fitiavany izay nitiavany antsika, na dia fony mbola matin'ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy (fahasoavana no namonjena anareo); ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy,**

Zefania mpaminany dia manome antsika sary mahafinaritra mikasika an'Andriamanitra miravoravo amintsika amin'ny fihiràna.

**Zefania 3:17 Jehovah Andriamanitrao no ao aminao, Mahery Izy ka hamonjy; Hiravoravo anao amin'ny fifaliana Izy; Ho sondriana amin'ny fitiavany Izy; Hifaly anao amin'ny fihobiana Izy.**

**➪ Tsabointsika amin'ny alalan'ny fandalinana, fanambarana, finoana ny Tenin'Andriamanitra momba ny mahizy antsika ao amin'I Kristy ny tsy fahampian'ny fanomezan-danja ny tena.**

➢ *Ota*

Ny anton'ny fisalasalana manaraka dia ny ota. Matetika, dia fahotana izay isika ihany no nanafina azy tao amin'ny fieritreretan'ny saintsika tao. Noresentsika lahatra tamin'ny saintsika ny tenantsika fa tena mety amin'Andriamanitra izany, fa ny fanahintsika dia iray amin'Andriamanitra. Ny fanahintsika dia mahalala fa ota izany. Amin'ny fandresentsika lahatra ny saintsika momba-na fahadisoana, dia lasa miroaroa saina isika.

**Jakoba 1:6-8 Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahanahana akory; fa izay miahanahana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany.**

**Fa aoka tsy hanampo handray zavatra amin'ny Tompo izany olona izany: olona miroa saina izy, miovaova amin'ny alehany rehetra.**

Ao amin'ny Mpanjaka voalohany dia mamaky isika,
**1 Mpanjaka 2:4b Raha ny taranakao hitandrina ny alehany ka handeha eo anatrehako amin'ny fahamarinana amin'ny fony rehetra sy amin'ny fanahiny rehetra (hoy Izy), dia tsy ho diso zanakalahy ho eo amin'ny seza fiandrianan'ny Isiraely ianao.**

Tokony hitandrina izy mba handehanany amin'ny fahamarinana eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fony rehetra (fanahy) ary amin'ny ainy rehetra (saina).

➩ **Mba hanakanana ny fisalasalana tsy hiditra amin'izay lafiny izay, dia tokony hahalala ny ota isika ary miaiky izany. Avy eo dia voavela isika ary afaka izany.**

**1 Jaona 1:9 Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.**

➢ *Tsy Fahatokiana*

Ny antony fahatelo mahatonga ny fisalasalana dia olana izay tena miely be mihitsy ankehitriny – tsy fahatokiana. Betsaka no mahatsapa fa tena mety ny miteny "lainga kely," na "lainga iarahana," mba hahatonga ny zavatra hilamina kokoa, na ho fiarovana ny hevitr'olona iray.

Ny olona mandainga dia mieritreritra fa ny rehetra dia mandainga aminy. Satria izy tsy marina tsara, dia tsy afaka matoky olona ho marina tsara izy. Izany tsy fahatokiana izany dia tonga hatrany amin'Andriamanitra. Satria ny teniny tsy afaka ny hitokiana, dia tsy mahay matoky ny Tenin'Andriamanitra izy. Mety ho nihevitra izy ary nilaza fa hanao, fa raha ny tena marina dia tsy afaka izy noho ny toetrany manokana.

Solomona Mpanjaka dia manambara mazava tsara ny hevitr'Andriamanitra momba ny lainga.

**Ohabolana 6:16,17a Izao enina izao no halan'i Jehovah, Eny, fito no ataony ho fahavetavetana: Ny maso miavonavona, ny lela fandainga ...**

➩ **Mba hanakanana ny fisalasalana tsy hiditra amin'izay lafiny izay, dia tokony hanolo-tena ho tsotra kokoa isika, ho zanak'Andriamanitra mahatoky.**

Amin'ny fiekena amin'Andriamanitra ny fahotantsika teo aloha no fanatanterahana izany. Nefa ihany koa, ho fanimbana ny toetra zatra mandainga, dia mila miaiky ny laingantsika vaovao amin'ilay olona nandiangantsika isika. Tampoka eo dia ahagaga antsika fa ny fahamenarana amin'ny fanaovana izany dia hampianatra antsika handinika tsara alohan'ny hiteny.

**Jakoba 5:16 Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.**

### Finoana Marina Mifototra Amin'ny Fahamarinana

Ilay teny hoe "amin'ny fahamarinana" dia hitantsika hatrany hatrany ao amin'ny Soratra Masina. Josoa nanoratra,

**Josoa 24:14a "Koa ankehitriny, matahora an'i Jehovah, ka manompoa Azy amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana ..."**

Samoela mpaminany nanoratra,
**1 Samoela 12:24 "Kanefa matahora an'i Jehovah ianareo, ka manompoa Azy marina amin'ny fonareo rehetra; fa eritrereto izao zavatra lehibe nataony ho anareo izao."**

Solomona Mpanjaka nanoratra,
**1 Mpanjaka 3:6a Dia hoy Solomona: "Hianao efa naneho fahasoavana lehibe tamin'i Davida raiko mpanomponao, araka ny nandehanany teo anatrehanao tamin'ny tsi-fivadihana sy ny fahamarinana ary ny fahitsian'ny fony taminao ..."**

Hezekia Mpanjaka nivavaka,
**2 Mpanjaka 20:3a "Jehovah ô, enga anie ka hotsarovanao ny nandehanako teo anatrehanao tamin'ny fahamarinana sy tamin'ny foko rehetra ary ny nanaovako izay tsara eo imasonao."**

Jaona apostoly nanoratra,
**1 Jaona 3:18 Anaka, aoka tsy ho tia amin'ny teny na amin'ny lela isika, fa amin'ny asa sy amin'ny marina.**

**⇨ Amin'ny fahamarinana ihany no afaka hanaovana ny asan'Andriamanitra.**

Isika dia amina tranga iray izay toa tahaka ny mino daholo ny olona rehetra "ny farany no hanamarina ny dikany." Handainga izy mba handraisany vola ho an'ny zavatra ilainy– na ho an'ny asa fanompoany aza – mahatsapa fa ny vola dia lasa amina "antony tsara."

Davida Mpanjaka nanoratra,
**Salamo 33:4 Fa mahitsy ny tenin'i Jehovah, ary ny asany rehetra dia mahatoky avokoa.**

**Salamo 111:7,8 Ny asan'ny tànany dia fahamarinana sy fitsarana; Mahatoky avokoa ny didiny rehetra; Mitœtra mafy mandrakizay doria ireny, Fa natao tamin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana.**

## NY KARAZANA FINOANA AN'ANDRIAMANITRA

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia nanome antsika ilay toko mahafinaritra mahakasika ny finoana ao amin'ny Hebreo 11. Lisitr'ireo olo-masin'ny finoana ao amin'ny Testamenta Taloha.

Tsy misy fandalinana ny amin'ny finoana izay feno raha tsy mandany fotoana mamaky io toko io.

## Famaritana

Ao amin'ny bokin'ny Hebreo, no hianarantsika ny amin'ny finoana.

**Hebreo 11:1,3 Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita.**

**Finoana no ahafantarantsika fa ny tenin'Andriamanitra no nanaovana izao tontolo izao, ka dia tsy izay zavatra miseho no nanaovana izao zavatra hita izao.**

Jesosy dia nananatra ny mpianatra mba hanana finoana an'Andriamanitra. Dia notohizany ny famaritana izany finoana izany amin'ny fitenenana amin'ny tendrombohitra, tsy ampisalasalana, fa amin'ny finoana.

**Marka 11:22-24 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hœ: "Manàna finoana an'Andriamanitra. Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no hilaza amin'ity tendrombohitra ity hœ: Mifindrà, ka mianjerà any an-dranomasina, ka tsy hiahanahana ao am-pony, fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy, dia ho azony izany. Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany."**

## Finoana Nomen'Andriamanitra

Ny finoana marina dia nomen'Andriamanitra antsika, tsy mamela fireharehana na kely akory aza.

**Efesiana 2:8 Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra.**

**Romana 12:3 Fa noho ny fahasoavana nomena ahy dia izao no lazaiko amin'ny olona rehetra izay eo aminareo: Aza mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina; fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy.**

Satria Andriamanitra dia nanome fatra-pinoana ho an'ny tsirairay, dia afaka mitombo ve ny finoana, sa ve miaraka homen'Andriamanitra antsika daholo izay rehetra ilaintsika?

➢ *Finoana Voan-tsinapy*

Jesosy dia mampitaha ny finoana amin'ny voan-tsinapy – ny voa faran'ny kely indrindra eran-tany. Avy eo, dia mampianatra ny fahafahan'ny voan-tsinapy mitombo Izy.

**Matio 17:20b ... fa lazaiko aminareo marina tokoa: Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza ianareo ka hiteny amin'io tendrombohitra io hœ: Mifindrà ery , dia hifindra izy; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao.**

Miresaka momban'ny voan-tsinapy indray Izy.

**Marka 4:31,32 "Tahaka ny voantsinapy izy, izay kely noho ny voa rehetra, raha vao afafy amin'ny tany; Fa rehefa voafafy kosa izy, dia maniry ka tonga lehibe noho ny anana rehetra, ary mandrantsana vaventy, ka azon'ny voro-manidina itœrana ny alokalony."**

Paoly nanoratra fa mitombo ny finoantsika.

**2 Korintiana 10:15b ... fa manana fanantenana izahay fa rehefa mitombo ny finoanareo, dia hohalehibiazina ao aminareo izahay araka ny voafaritra ho anjarany ...**

Ilay apostoly dia nahatsapa fa nila finoana lehibe kokoa izy ary nivavaka izy,

**Lioka 17:5b Ampitomboy ny finoanay.**

Joda apostoly dia niteny fa afaka manangana ny finoantsika isika.

**Joda 20 Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra, ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina ...**

Ny finoana, eo amin'ny fiainantsika, dia afaka ny hatanjaka arakaraka ny hamelantsika azy. Hitombo io amina vanim-potoana tahaka ilay voan-tsinapy.

➢ *Finoana Fa Tsy Fanantenana*

Ny fanantenana dia tsy finoana. Ny fanantenana dia finoana fa Andriamanitra dia hihetsika amin'ny ho avy any, ny finoana dia izao. Raha ohatra ny fanantenana tsy lasa finoana, dia hahatonga antsika tsy handray izany. "Andriamanitra dia hanao ... indray andro amin'ny ho avy any," dia ahatonga antsika tsy handray androany.

Izao no fiteny, "manome sehatra ny fanantenana, ary mitondra voakatra ny finoana."

➢ *Finoana Fa Tsy Fahalalana*

Tsara ny fahalalana. Amin'ny alalan'ny fahalalana dia afaka milaza – afaka miara-miaiky amin'ny saintsika isika fa marina ny Teny. Kanefa ny fahalalana tsy misy finoana dia tsy hanova ny fiainantsika izany na oviana na oviana. Amin'ny alalan'ny finoana, ny fahalalana dia tonga fahazarana.

Ny Apostoly Paoly dia nanoratra,
**1 Korintiana 2:9,14 Fa araka ny voasoratra hœ: "Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy."**
**Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.**

## Finoana Amin'ny Alalan'ny Teny

Paoly niteny fa ny finoana dia tonga amin'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra. Ny tena finoana dia miankina amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ny finoana marina dia ny mahafantatra fa ny Tenin'Andriamanitra dia tena marina mihoatra noho izay rentsika na hitantsika fa mifanohitra amin'ny Teny.

**Romana 10:17 Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny toriteny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy.**

Ny finoana dia miditra ao amin'ny fontsika amin'ny alalan'ny fihainoana, fijery sy ny fahafantarana ao amin'ny tontolon'ny

fanahy. Jesosy niteny an'ireo izay tsy mahita, tsy mandre, sy ireo tsy mahalala.

**Matio 13:13 "Ary noho izany dia fanoharana no itenenako aminy: satria mijery izy, fa tsy mahita; ary mandre izy, fa tsy mihaino, na mahalala."**

### Finoana Maharesy

Ny finoana dia zava-dehibe satria maharesy izao tontolo izao.

**1 Jaona 5:4 Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika.**

### Ny Mpamorona Ny Finoantsika

Jesosy no fiandohana sy fiafaran'ny finoantsika.

**Hebreo 12:2 mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy, Izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra Izy.**

### Aiza Ny Finoantsika?

Tonga ny tafio-drivotra ary saika nilentika ny sambo.

**Lioka 8:24b,25a Dia nitsangana Izy, ka noteneniny mafy ny rivotra sy ny onjan-drano. Ary dia nitsahatra izany, ka tonga tony tsara ny andro. Ary hoy Izy taminy: "Aiza ny finoanareo?"**

Jesosy niteny tamin'ny mpianany hoe andao isika ho ery am-pita. Niaraka taminy teny ambonin'ny sambo Izy ary rehefa tonga ny tafio-drivotra, dia ny hita maso ihany no hitany. "Tompoko, Tompoko, maty isika!"

Jesosy dia namerina nanontany hoe, "Aiza ny finoanareo?"

Eo amin'izao hita maso izao sa ao amin'ny tsy hita? Ny finoantsika dia tokony hifantoka amin'ny Tenin'Andriamanitra, ao amin'ny fanahintsika sy amin'ny vavantsika.

**Romana 10:8 Fa ahoana no lazainy? "Eo akaikinao ny teny, dia eo ambavanao sy ao am-ponao" (dia ny teny ny amin'ny finoana, izay torinay).**

### Ny Fanomezam-pahasoavan'ny Finoana

Ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana dia fanomezana ambonin'ny hita maso avy amin'ny Fanahy Masina izay tonga amin'ny alalan'ny fandraisana teny ho an'olona, fotoana na tranga manokana. Io dia iray amin'ny fanomezam-pahasoavana maherin'ny Fanahy Masina ary mahatonga hihetsika amin'ny fanaovana fahagagana sy ny fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana.

### Ny Fahavalon'ny Finoana

➢ *Tsy Maintsy Miady Isika*

Ny apostoly Paoly dia nampahery an'i Timoty hiady ny ady tsaran'ny finoana. Ny teny hoe "miady" dia mampahafantatra antsika fa manana fahavalo ny finoantsika.

**1 Timoty 6:12 Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazòny ny fiainana mandrakizay; fa ho amin'izany no niantsoana anao koa sy nanaovanao ilay fanekena tsara teo imason'ny vavolombelona maro.**

➢ *Fahatsapana Ara-Boajanahary*

Ny fahatsapantsika ara-boajanahary dia fahavalo lehiben'ny finoana. Ny fahatokiana ny hitan'ny masontsika, rentsika, sy tsapaintsika mihoatra noho ny fahatokiantsika ny Tenin'Andriamanitra, dia mitondra faharesena eo amintsika.

Ny Tenin'Andriamanitra dia marina. Andriamanitra dia hanatanteraka izay lazain'ny Teniny. Ny tenin'ireo izay tsy mino, ny fambara hitantsika na tsapantsika eo amin'ny tenantsika, ny fakitiora tsy voaloa, dia tsy hanova ny Tenin'Andriamanitra izany. Paoly nanoratra momban'izany.

**Romana 3:3,4a Fa ahoana kosa ary? Raha tsy nino ny sasany, moa ny tsi-finoanay va hahafoana ny fahamarinan'Andriamanitra?**

**Sanatria izany! Aoka Andriamanitra no ho marina, fa ny olona rehetra kosa ho mpandainga.**

➢ *Ny Tsy Finoana*

Ny tsy finoana dia fahavalo lehibe kanefa tsy hanova ny Tenin'Andriamanitra akory izany. Hanakana ny Tenin'Andriamanitra tsy ho marina eo amin'ny fiainantsika fotsiny izy.

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia nanambara fa ny finoana dia fanehoana ny zavatra tsy hita ary Noa no ataony ohatra amin'izany.

**Hebreo 11:1,7 Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita.**

**Finoana no nanamboaran'i Noa sambo fiara hamonjena ny ankohonany, fa natahotra izy, rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra ny amin'ny zavatra tsy mbola hita; koa izany no nanamelohany izao tontolo izao sy nahatongavany ho mpandova ny fahamarinana araka ny finoana.**

Ny apostoly Paoly koa dia manambara ny zavatra rehetra tsy hitantsika.

**2 Korintiana 4:18 raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay.**

➢ *Fisalasalana*

Fotoan-tsarotra ho an'i Tomasy ny niditra eo amin'ny tontolo hita maso ho ao amin'ny tontolo tsy hita maso – eo amin'ny tsy finoana ho ao amin'ny finoana. Hoy ny filazany, "Raha tsy hitako, raha tsy kasihiko, dia tsy hino aho."

**Jaona 20:24-29 Fa Tomasy, anankiray tamin'ny roa ambin'ny folo lahy, ilay atao hœ Didymo, dia tsy mba teo aminy raha tonga Jesosy. Dia hoy ny mpianatra sasany taminy: "Efa nahita ny Tompo izahay."**

**Fa hoy kosa izy taminy: "Raha tsy hitako eo amin'ny tànany ny holatry ny nohomboana, ka ataoko eo amin'ny holatry ny nohomboana ny rantsan-tanako, ary ataoko eo amin'ny lanivoany koa ny tanako, dia tsy mba hino aho."**

**Ary nony afaka havaloana, dia tafangona teo indray ny mpianany, ary teo koa Tomasy. Dia tonga Jesosy, rehefa voarindrina ny varavarana, ka nitsangana teo afovoany, dia nanao hœ: "Fiadanana ho anareo."**

**Ary hoy Izy tamin'i Tomasy: "Atehefo eto ny rantsan'tananao, ka jereo ny tanako; ary atehefo eto koa ny tananao, ka ataovy amin'ny lanivoako; ary aza ho isan'izay tsy mino, fa minoa."**

**Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hœ: "Tompoko sy Andriamanitro!"**

**Hoy Jesosy taminy: "Satria nahita Ahy ianao, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino."**

Ny fangatahan'i Tomasy ny hahita sy hikasika alohan'ny hinoana, dia tonga ohatra tsy tokony alaintsika tahaka. Nanomboka tamin'izany dia lasa apostolin'ny filazantsara izy ary maty tahaka ny fahafatesan'ny maritiora, kanefa izy dia fantatra ho Tomasy nanana fisalasalana hatrany ao amin'ny tantara.

## VAVAKY NY FINOANA, FIFANEKENA SY FIVAVAHANA ARAKA NY TENY

Mba hahombiazana, ny vavaka dia tokony hifototra amin'ny finoana. Izay no mahatonga antsika maka fotoana ianarana ny finoana sy ny hoe ahoana no fomba fiasany.

### Fivavaky Ny Finoana

Jakoba miresaka ny amin'ny fivavaky ny finoana izay hamonjy ny marary. Tokana ihany no filazàna io karazam-bavaka hafa kely io ao amin'ny Soratra Masina. Mariho fa ilay olona mila vavaka, dia mangataka izany. Mariho ihany koa fa ny ota dia mety tafiditra ary tokony ho havela. Ny loholona voalaza eto dia ny mpitarika ny fiangonana izay ho avy ary hivavaka amin'ny finoana.

**Jakoba 5:14,15 Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela ny helony.**

Inona no fivavaky ny finoana? Vavaka izay miorina mafy amin'ny teny fikasan'Andriamanitra sy atao amin'ny finoana. Mifototra amin'ny olona roa na mihoatra izay mifanaiky ihany koa izany.

Rehefa natao ilay fivavaky ny finoana, dia misy vavolombelon'ny Fanahy Masina fa tanteraka izany. Ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra dia azo tsapain-tanana kokoa amintsika mihoatra noho ny fambara na zava-misy. Izany finoana izany dia avy amin'ny fanahintsika fa tsy ny saintsika. Hatramin'ny fotoana nihavian'io, dia mijoro amin'ny finoana isika fa efa tanteraka ny Tenin'Andriamanitra.

### Ny Herin'ny Fifanekena

Ny hery sy fahefana dia mitombo rehefa misy mpino roa na mihoatra manambatra ny finoany amina vavaka fifanekena.

**Deotoronomia 32:30 Hataon'ny irery ahoana no fanenjika ny arivo, ary hataon'ny roa lahy ahoana no fampandositra ny iray alina, Raha tsy ny Vatolampiny no efa nivarotra azy, Ary Jehovah no efa nanolotra azy?**

### Vavaka Fifanekena

Ny vavaka fifanekena dia mifototra amin'ny fampianaran'I Jesosy momba ny olona roa mifanaiky ary miara-mangataka amin'Andriamanitra.

**Matio 18:19,20 "Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho."**

Ny hifanekena dia mila fantatra aloha ny tranga, inona no valiny araka ny Tenin'Andriamanitra, ary mangataka amin'ny firaisan-tsaina. Ohatra, tsy afaka miara-mivavaka amin'olona amin'ny vavaka fifanekena isika raha tsy "voalaza ny fangatahana."

➢ *Mampifantoka Ny Vavaka*

Angamba anisan'ny tombontsoa lehibe indrindra amin'ny vavaka fifanekena dia izy mahatonga antsika hampifantoka ny vavaka-tsika amina tanjona sasantsasany. Tadidio ireo mpangataka niantsoantso an'I Jesosy, "Mamindra fo aminay, ry Tompo, Zanak'i Davida ô!"

Inona no navalin'I Jesosy? " Inona no tianareo ataoko aminareo?"

Nangataka vola ve izy ireo? Nila asa ve izy ireo? Te ho sitrana ve izy ireo? Taiza ny finoany?

Tokony ho mazava tsara ny fangatahantsika, satria izany dia hanampy antsika hitondra ny finoantsika ho amina valiny lehibe.

➢ *Esory Ny Fisalasalana Sy Tsy Finoana*

Rehefa niditra tao an-tranon'I Jairo Jesosy, dia nasainy nivoaka ireo izay nisalasala mialohan'ny hananganany ilay zaza.

**Marka 5:39-42 Ary rehefa niditra Izy, dia niteny taminy hœ: "Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany? Tsy maty razazavavy, fa matory."**

**Dia nihomehy Azy fatratra ny olona.**

**Fa nandroaka azy rehetra Izy, dia nitondra ny ray aman-dreninrazazavavy mbamin'izay olona teo aminy ka niditra tao amin'izay nisy an-drazazavavy. Dia nandray ny tànan-drazazavavy Izy ka niteny taminy hœ: "Talita komy," izany hœ, raha adika: "Ry zazavavy, hoy Izaho aminao: Mitsangàna." Dia nitsangana niaraka tamin'izay razazavavy ka afa-nandeha; fa efa roa ambin'ny folo taona izy. Ary niaraka tamin'izay dia talanjona indrindra ny olona.**

➢ *Miaraka Mivavaka*

Efa nambarantsika tany aloha tany fa misy karazana vavaka tsy voavaly satria tsy natao ilay izy. Mitranga izany rehefa tsy mitandrina isika amin'ny vavaka ifanekena. Miteny amin'ilay tranga isika, manonona ny Tenin'Andriamanitra izay mifanaraka

amin'izany, ary mifanaiky amin'ny fomba fivavaka. Amin'ny fotoana ifanekentsika – sy ny sitrapon'Andriamanitra – dia tsy maintsy miara-mangataka amin'ny finoana iray isika ka mino fa ho tanteraka izany.

Tsy midika akory izany fa hoe ny iray mivavaka dia ny hafa manotrona. Ny roa, na ny rehetra dia tokony miara-miombona amin'ny vavaka ataony. Tsy misy ohatra ao anaty Baiboly milaza ny amin'ny olona iray mitarika vavaka, ary ny hafa mihaino sy manotrona fotsiny.

## Ny Tenin'Andriamanitra Atao Vavaka

➢ *Velona Ny Teny*

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia manambara amintsika fa velona sy mahery ny Tenin'Andriamanitra.

**Hebreo 4:12 Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.**

Jeremia mpaminany dia nilaza fa Andriamanitra dia mandinika ny Teniny mba hahatanteraka izany.

**Jeremia 1:12 Dia hoy Jehovah tamiko: "Marina ny ahitanao azy; fa mahatsiaro Aho mba hahatanteraka ny teniko."**

➢ *Mivavaha Ho An'ny Vahaolana*

Ny mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra no hery lehibe iray izay ananantsika itsaharantsika tsy hivavaka ho an'ny olantsika. Fa kosa, hivavaka ho an'ny vahaolana.

Isaia mpaminany dia nanome antsika fanazavana lehibe ny amin'izay mitranga rehefa tanteraka ny Tenin'Andriamanitra.

**Isaia 55:11 Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy.**

Ny Tenin'Andriamanitra dia tsy miverina any Aminy foana izany. Fa tsy maintsy tanteraka amin'izay nanirahany Azy.

Rehefa mivavaka araka ny Teny isika amina tranga manokana, dia tokony haka fotoana hitadiavana ny Teny fampanantenan'Andriamanitra izay mihatra amin'izany. Ny bokin'ny fanantenana dia tena ilaina amin'izay fotoana izay. Tsara raha adikantsika ny Teny fampanantenan'Andriamanitra mba ahafahantsika mampiasa azy rehefa mivavaka isika. (Andriamanitra dia tsy nilaza fa tokony hanakimpy ny maso isika dia mivavaka. Ny anton'izay dia ny mba hitandremantsika ny fahavarianana ka hifantohantsika amin'Andriamanitra)

➢ *Ho An'ny Fanasitranana*

Raha mila fanasitranana isika, dia tsy misy antony tokony hanambarantsika amin'Andriamanitra ny fahatsapantsika, ny amin'izay lazain'ny mpitsabo, na ny amin'ny zavatra izay tokony natao noho izany zavatra izany. Toy izao ny vavaka tokony hataontsika,

*"Tompo o, misaotra Anao aho fa ny Teninao dia milaza fa Jesosy dia voalefona noho ny fahadisoako, notorotoroina Izy noho ny fahotako: ny fampijaliana izay manome fiadanana ahy dia nilatsaka taminy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana ahy. Misaotra Tompo, fa amin'ny alalan'i Jeremia no nanambaranao fa hotanterahinao ny fanasitranana ahy, ary hositraninao ny ratrako. Misaotra fa fanirianao ny hananako fahasalamana tsara. Misaotra Tompo o! Izaho mino androany ary mandray ny fahafenoan'ny fanasitranana ahy tanteraka!"*

** Isaia 53:5, Jeremia 30:17, 3 Jaona 2*

➢ *Ho An'ireo Tiantsika*

Angamba mety manana olona akaiky antsika isika izay lavitra an'Andriamanitra. Tsy mila miteny amin'Andriamanitra akory isika hoe aiza ireo na koa hoe inona no ataony amin'izao? Ahoana no fomba fivavaka ho azy ireo? Amin'ny alalan'ny Teny.

*"Ray o, misaotra Anao aho fa ny Teninao dia milaza fa Ianao tsy mahela ny Teny fikasanao fa mahari-po aminay Ianao, ka tsy tianao hisy ho very fa mba ho tonga amin'ny fibebahana ny rehetra. Andriamanitra o, tsy tianao ho very i … Misaotra Anao fa Ianao nampanantena ahy hoe raha mino an'I Jesosy Kristy Tompo aho dia hovonjena aho sy ny ankohonako. Ray o, ny Teninao dia milaza fa raha zariko amin'ny lalana tokony halehany ny zaza, na dia antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany. Misaotra Anao aho ny amin'i …. "*

** 2 Petera 3:9, Asan'ny Apostoly 16:31, Ohabolana 22:6*

➢ *Ho An'ny Ara-Bola*

Ataovy ho manan-danja aminao ny mametraka ny fakitioranao rehetra eo amin'ny biraonao miaraka amin'ny boky fanarahanao maso. Apetraho eo ambonin'ireo ny tananao ary manomboha mivavaka.

*"Ray o, fantatrao ireto fakitiora rehetra ireto sy ireo izay mbola ho avy. Fantatrao ny andro izay tokony andoavana azy sy ny teti-bola tokony aloa. Misaotra Anao aho, Tompo o fa ny Teninao dia milaza fa raha hoentinay ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketanao, dia hovahanao ny varavaran'ny lanitra ka hampidinanao fitahiana manana amby ampy. Mifaly ao amin'ny Teny fampanantenanao aho ny amin'ny hoe hanisianao teny mafy ny valala mpandany. Endrey ny hatsaran'izany hoe, tianao raha hambinina koa aho tahaka ny hanambinana ny fanahiko. Ray o ny Teninao milaza fa, Ianao no Mpiandry ahy ary tsy hanan-java-mahory aho. Misaotra betsaka anao aho Tompo o …"*

** Malakia 3:10,11,3 Jaona 2, Salamo 23:1*

## ✦ Famintinina – Ny Feon'Ny Finoana

Isika dia vatana, aina ary fanahy. Isika dia nateraka indray ao amin'ny fanahy. Talohan'ny fahaterahantsika indray, dia nanana finoana isika, kanefa izany finoana izany dia tao amin'ny fanjakana ara-boajanahary. Ankehitriny isika dia ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ary ny finoantsika dia ao amin'ny tontolo ambonin'ny ara-boajanahary. Ny finoantsika dia miankina amin'izay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra, fa tsy

amin'izay hitantsika manodidina antsika. Tsy hijery antsika amina fijery ratsy momba ny tenantsika intsony isika. Hanomboka hijery ny tenantsika tahaka ny fijerin'Andriamanitra isika. Tsy avelantsika hitondra fisalasalana eo amin'ny fiainantsika intsony ny fahotana sy ny lainga.

Andeha isika hampihatra ny finoana izay nomen'Andriamanitra antsika. Ho hitantsika izany hoe finoana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Handray finoana mahery isika. Dia hiaraka hiombom-bavaka amin'ny rehetra isika amin'ny alalan'ny finoana. Ary hivavaka amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra isika ary hanandrana zavatra mahafinaritra izay tanterahin'Andriamanitra ho antsika!

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Ary satria isika dia manana vatana, aina sy fanahy, ahoana no fomba hahafantarantsika hoe avy amin'ny saina (fieritreretana, faniriana, fihetseham-po) ny finoana, sa avy amin'ny fanahy?

2. Manomeza famaritana araky ny filazanao azy ny amin'ny karazana finoan'Andriamanitra.

3. Inona no tiana hambara amin'ny hoe: fivavaky ny finoana sy ny hoe vavaka fiombonana?

4. Manomeza ohatra fohy ny amin'ny vavaka araka ny Teny ho an'ny olona izay mahakasika anao manokana.

*Lesona Fahavalo*

# Mivavaka Amim-Pahefana

## FAMPIDIRANA

Maro ny vavaka tsy mety mivaly satria mitaraina amin'Andriamanitra isika hanao zavatra izay nangatahiny tamintsika. Isika dia tokony hiaina sy hanjaka eto amin'ity tany ity tahaka an'i Adama sy Eva izay noforonina ho amin'izany. Isika dia manana fomba fijery fa ny vavaka dia voafetra amin'ny fangatahana fotsiny, kanefa ny tena manan-danja amin'ny vavaka dia ny fihainoana. Rehefa mihaino isika, Andriamanitra dia hanambara amintsika ny tokony hatao – ny tokony holazaina – ny tokony amboarina – ny tokony hitondrana ny fiainana.

Ny vavaka dia fangatahana – fihainoana – fankatoavana. Mitovy amin'ny fiainana miaramila izany, manontany ny mpifehy ny tokony hatao, mihaino ny didy omeny, dia avy eo mankato.

Tao amin'ny Lesona Faharoa dia nianatra isika ny amin'ny famoronana ny olombelona sy ny fahefana nomen'Andriamanitra azy ireo. Amin'ity lesona ity dia hianatra indray isika hoe ahoana no hahatonga an'io fahefana io hihatra eo amin'ny fianam-bavaka-tsika.

Ny fanirian'Andriamanitra dia ny hahatonga ny mpino handroso ao anatin'ny fanovam-piainana misy fahefana eo amin'ity tany ity. Izy dia mijery ny lehilahy sy vehivavy izay mihetsika miaraka amin'ny fahefana tanteraka ao ambanin'ny fitarihany.

### Dingana Fampiharana

Ao amin'ity lesona ity, dia ho hitantsika ireo karazana dingana ampiharina handrosoana amim-pahefana. Ireo olona izay ampiasain'Andriamanitra hivavaka amim-pahefana dia:

- **Fanaka izay foana rah any fanirian'ny manokana**
- **Ireo izay manana fo mietry toy ny an'ny mpanompo**

Ny vavaka feno fahefana dia:

- **Mifototra amin'ny fihainoana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'ny fanambaran'ny Fanahy Masina**
- **Hambara amin-kery amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana omen'ny Fanahy Masina**

Ny vavaka mahery vaika, manam-pahefana, ary manjaka dia tsy miainga amin'ny fisainana manao hoe "Tena mety be izao raha mba." Ohatra hoe, "Tena mety be izao raha mba tsy avy ny orana amin'ny alahady satria misy ny fitsangatsanganan'ny fiangonana." Ny sasany dia miteny hoe, "Amin'ny anaran'I Jesosy, mandidy ny andro aho ho tsara amin'ny alahady." Aoka izay! Ny vavaka manam-pahefana dia tsy hetsehin'ny filantsika sy ny faniriantsika. Elia dia nampiato ny ranonorana ary tsy hilatsaka izany raha tsy araka ny teniny, kanefa izy dia tao ambanin'ny fitondran'Andriamanitra hatrany tao anatin'izany.

**1 Mpanjaka 17:1 Ary Elia Tisbita, isan'ny nivahiny tany Gileada, nilaza tamin'i Ahaba hœ: "Raha velona koa Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izay itsanganako eo anatrehany, dia tsy hisy ando na ranonorana akory amin'izao taona izao, raha tsy araka ny teniko ihany."**

Ny apostoly Jakoba dia nanao ohatra ny amin'io fotoana io,
**Jakoba 5:17,18 Elia dia olona tahaka antsika ihany, ary izy nahery nivavaka mba tsy hilatsahan'ny ranonorana; dia tsy nilatsaka tamin'ny tany ny ranonorana telo taona sy enim-bolana. Ary nivavaka indray izy, dia nandatsaka ranonorana ny lanitra, ka nahavokatra ny tany.**

Marihina fa nisy ny vavaka sy ny fanambarana. Nivavaka izy aloha dia nandre ny feon'Andriamanitra ary nanambara tamim-pahefana, "Tsy hilatsaka ny orana amin'ity taona ity, raha tsy araka ny teniko."

## JESOSY NO OHATRA HO ANTSIKA

Amin'ny zavatra rehetra ataontsika, Jesosy, Ilay Adama farany, dia tokony ohatra ho antsika foana. Teto an-tany, Jesosy dia nanatanteraka ny zavatra rehetra tokony nataon'i Adama voalohany. Afaka miteny isika hoe, "Raha Jesosy aza nanao izany, dia afaka ny hanao izany koa isika!" Afaka manao isika amin'ny alalan'ny Anarany, sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

### Amin'ny Alalan'ny Herin'ny Fanahy Masina

Tsy afaka ny nanao fahagagana mihitsy Jesosy raha tsy nandray ny batisan'ny Fanahy Masina. Lioka dia milaza amintsika,

**Lioka 4:14-19 Ary Jesosy niverina tamin'ny herin'ny Fanahy nankany Galilia, ... ary araka ny fanaony dia niditra tao amin'ny synagoga tamin'ny andro Sabata Izy ka nitsangana hamaky teny ...**

**Dia natolotra Azy ny bokin'Isaia mpaminany; ary nony namelatra ny boky Izy, dia nahita ny teny voasoratra hœ: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, Sy fampahiratana amin'ny jamba, Hanafaka izay nampahorina, Hitory ny taona ankasitrahan'i Jehovah."**

Isika koa, dia tokony handray an'izay herin'ny Fanahy Masina izay.

### Nomena Ny Mpino Ny Fahefana

Nandritra ny fanompoany teto an-tany, Jesosy dia nanana fahefana tamin'ny devoly, ny aretina, ny vatan'ny olombelona, ny famoronana, ny zava-misy, ary hatramin'ny fahafatesana. Dia nomeny antsika izay fahefana izay.

Araka ny fanambaran'i Jaona, dia hoy Izy,
**Jaona 14:12 "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray."**

Araka ny Matio, dia hoy Izy,

**Matio 10:8 "Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana."**

Araka ny Lioka, dia hoy Izy,

**Lioka 10:19 "Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory."**

Jesosy dia naka indray ny fahefana nalain'i satana tamin'i Adama sy Eva ary nanome izany ho an'ireo manaraka Azy – ireo mino Azy – isika!

➢ *Tamin'ny Devoly*

Jesosy dia nanana fahefana tamin'ny devoly.

**Matio 8:31,32 Ary ny demonia nifona tamin'i Jesosy ka nanao hœ: "Raha avoakanao ary izahay, dia iraho hankany anatin'ireo kisoa andiany ireo."**

**Ary hoy Izy taminy: "Mandehana." Dia nivoaka ireo, ka lasa nankany anatin'ny kisoa; ary, indreny, ny kisoa andiany rehetra nitratrevatreva teny amin'ny hantsana ho any amin'ny ranomasina, ka dia maty tany anatin'ny rano.**

Jesosy tsy niangavy an'Andriamanitra izany hoe mba hijery manokana ny devoly. Fa hoy Izy, "Mandehana."

➢ *Tamin'ny Rofy Sy Ny Aretina*

Nanatona an'I Jesosy ny boka dia nadio.

**Marka 1:40,41 Ary nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hœ: "Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy."**

**Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao taminy hœ: "Mety Aho; madiova ianao."**

Jesosy tsy niangavy an'Andriamanitra mba hanasitrana azy. Fa hoy Izy "Madiova ianao."

➢ *Tamin'ny Vatan'ny Olombelona*

Nisy lehilahy maty tanana nanatona an'I Jesosy.

**Marka 3:3,5b Dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tanana: "Mitsangàna etsy afovoany." ... "Ahinjiro ny tananao." Dia nahinjiny, ka sitrana ny tànany.**

Ary hatrany hatrany dia hitantsika fa tsy niangavy an'Andriamanitra mihitsy Jesosy hiasa hanatanteraka hetsika masi-mandidy ary hanasitrana ity lehilahy ity amin'ny fomba tsy takatry ny saina. Hoy Izy "Ahinjiro ny tananao."

➢ *Tamin'ny Zava-boahary*

Jesosy dia nanana fahefana tamin'ilay aviavy, ampahany amin'ny zava-boahary.

**Matio 21:19 Ary nahita hazo aviavy anankiray teo amoron-dalana Izy, dia nankeo aminy, kanjo tsy nahita na inona na inona teo aminy, afa-**

**tsy ravina ihany; dia hoy Izy taminy: "Aza misy voa avy aminao intsony mandrakizay. Dia maina vetivety foana ilay hazo aviavy."**

➢ *Tamin'ny Zava-misy*

Jesosy dia niteny tamin'ny tafio-drivotra sy ny ranomasina dia nanaiky Azy ireo.

**Marka 4:37-39 Ary nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno rano. Ary Jesosy natory teo am-bodin'ny sambokely tambonin'ny ondana; ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hœ: "Mpampianatra ô, tsy mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao?"**

**Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hœ: "Mangina, mitsahara!" Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro.**

➢ *Tamin'ny Fahafatesana*

Jesosy dia nitsangana teo amin'ny fasana nisy an'i Lazarosy dia nandray ny fahefana tamin'ny fahafatesana.

**Jaona 11:43b,44 Dia niantso tamin'ny feo mahery hœ: "Ry Lazarosy, mivoaha!" Dia nivoaka ny maty nisy fehim-paty ny tànany sy ny tongony, sady voafehy mosara koa ny tavany. Hoy Jesosy tamin'ny olona: "Vahao izy, ka avelao handeha."**

## NY FEON'NY FAHEFANA

Tamin'ny lesona tany aloha dia nianatra isika ny amin'ny feon'ny finoana. Amin'izao dia tokony ataontsika manan-danja koa ny feon'ny fahefana. Nomarihinao ve fa ny tenin'I Jesosy dia fohy tamin'ireo ohatra noraisintsika teo aloha?

Jesosy niteny, "Mandehana", "Madiova hianao." "Ahinjiro ny tananao." "Aza misy voa aminao intsony mandrakizay." "Mangina, mitsahara!" "Ry Lazarosy, mivoaha!"

### Ilay Kapiteny

Rehefa nanatona an'I Jesosy ilay kapiteny, dia hoy izy, "Mitenena ihany, dia ho sitrana ny ankizilahiko."

**Matio 8:8-10 Fa namaly ilay kapiteny ka nanao hœ: "Tompoko, tsy miendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho; fa mitenena ihany, dia ho sitrana ny ankizilahiko. Fa izaho koa mba lehilahy manan-dehibe ihany ka manana miaramila izay feheziko; ary raha hoy izaho amin'ny anankiray: Mandehana, dia mandeha izy; ary amin'ny anankiray koa: Avia, dia avy izy; ary amin'ny andevolahiko: Ataovy izao, dia manao izy."**

**Ary nony nahare izany Jesosy, dia gaga ka niteny tamin'izay nanaraka Azy hœ: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho na dia tamin'ny Isiraely aza!"**

Tsapan'ilay kapiteny ny fahefana tao amin'I Jesosy satria izy koa dia tao ambany fahefana. Mariho tsara fa tsotra be ny ohatra nataon'ilay kapiteny – "Mandehana," "Avia," "Ataovy izao."

## Aoka Ho Tsotra

Ny feon'ny fahefana dia tsotra. Tsy mila fanazavana fanampiny. Tsy mila fanamarihana.

Tadidio ilay tenin'I Jesosy:

**Matio 6:7,8 "Ary raha mivavaka ianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; Fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy. Koa aza manahaka azy ianareo; fa fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka aminy aza ianareo."**

➢ *Aoka Ho Vitsy Teny*

Ao amin'ny Mpitoriteny dia mamaky isika,

**Mpitoriteny 5:1 Aza haingam-bava, ary aza malaky manonona teny eo anatrehan'Andriamanitra ny fonao; fa Andriamanitra dia any andanitra ary ianao ety an-tany, koa aoka ho vitsy ny teninao.**

➢ *Ohatra Ara-Baiboly*

**⇨ Daniela dia nanonona vavaka mahazatra sy tsotra.**

**Daniela 9:19 "Tompo ô, mandrenesa! Tompo ô, mamelà heloka! Tompo ô, mihainoa, ka miasà! Aza ela Hianao, ry Andriamanitro ô noho ny aminao; fa ny tanànanao sy ny olonao dia nantsoina amin'ny anaranao."**

**⇨ Mosesy koa dia nanao vavaka tsotra fa manan-danja.**

**Nomery 10:35,36 Ary raha niainga ny fiara, dia hoy Mosesy: "Mitsangàna, Jehovah ô, ka aoka hiely ny fahavalonao; ary aoka handositra ny tavanao izay mankahala Anao."**

**Ary raha nijanona kosa ny fiara, dia hoy izy: "Miverena, Jehovah ô, ho amin'ny Isiraely tsy omby alinalina."**

**⇨ Ohatra hafa momba ny vavaka tsotra dia ny amin'ny vavaka nataon'i Elia ho fananganana ilay zaza maty.**

**1 Mpanjaka 17:21,22 Dia niampatra intelo tamin'ny zaza izy sady nitaraina tamin'i Jehovah hœ: "Jehovah Andriamanitro ô, mifona aminao aho, aoka hody aminy indray ny ain'ity zaza ity."**

**Ary Jehovah nihaino ny feon'i Elia, dia nody taminy indray ny ain'ny zaza, ka dia velona izy.**

## Ny fihaonan'I Elia Sy Ireo Mpaminanin'I Bala

Efa nojerentsika tao amin'ny lesona fahadimy momba ny tantaran'i Elia sy ireo mpaminanin'i Bala. Azo antoka azon'i Elia tsar any atao hoe fahefana. Taorian'ny nahitan'ny zanak'Isiraely ny mpaminanin'i Bala nihinjakinjaka, nikiakiaka, niantsoantso mafy ary nitetitetika ny tenany nandritra ny andro, dia tsy nahita nisy na inona na inona nitranga ireo.

Avy eo Elia nanomana ny alitara sy ny fanatitra, dia nanatona izy ka niteny … Tsy nihiaka izy – tsy nihinjaka izy – tsy niangavy izy – tsy nitetika ny tenany izy – nivavaka nanonona teny roa amby dimam-polo izy, indray mandeha monja no nanaovany izany.

**1 Mpanjaka 18:36-38 Ary nony tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hœ: "Jehovah ô. Andriamanitr'i**

**Abrahama sy Isaka ary Isiraely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin'ny Isiraely, ary izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao. Mihainoa ahy mihainoa ahy, Jehovah ô, mba hahafantaran'ireto olona ireto fa Hianao Jehovah no Andriamanitra, ary Hianao no mampiverina ny fony indray."**

**Dia latsaka ny afon'i Jehovah ka nandevona ny fanatitra dorana sy ny kitay hazo sy ny vato ary ny vovoka sady nandritra ny rano tao amin'ny hady kely.**

## IZA NO AFAKA AMPIASAIN'ANDRIAMANITRA?

### Ny Malemy Fanahy

Mosesy dia notezaina tahaka ny zanakalahin'ny zanakavavin'ny Farao. Fantany ny harena sy ny fahefana. Avy eo izy nitsaoka tany an'efitra, ary Andriamanitra niseho taminy teo amin'ny roimemy. Azo inoana fa nandeha tamim-pahefana Mosesy teto. Nitondra ratra tao Egypta izy. Nanasaraka ny ranomasina mena izy. Namoaka rano tamin'ny vatolampy tany an'efitra izy. Niresaka tamin'Andriamanitra tany an-tendrombohitra izy. Tena akaiky be an'Andriamanitra izy ka na ny endriny aza niova. Raha misy olona nanana fahafahana nanandra-tena, dia isan'izany Mosesy. Kanefa mamaky isika ao amin'ny Nomery,

**Nomery 12:3 (Ary Mosesy dia lehilahy nalemy fanahy mihoatra noho ny olona rehetra aty ambonin'ny tany.)**

Satria Mosesy dia lehilahy nalemy fanahy, dia navelan'Andriamanitra hiasa amin'ny fahefana mahery ambonin'ny zava-boahary izy.

### Ny Mpanompo

Jesosy nilaza,
**Matio 20:26,27 "Fa tsy mba ho toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo; ary izay te ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo."**

### Ny Mpanahaka An'I Kristy

Tamin'ny fisakafoanana tamin'ny fetin'ny paska, Jesosy – Ilay Zanak'Andriamanitra – izay niatrika famadihana sy fanomboana teo amin'ny hazofijaliana – dia nanasa ny tongotry ny mpianany. Jesosy koa dia nanasa ny tongotry Jodasy eny fa na dia fantany aza fa hamadika Azy izy.

Jesosy dia nanomana ny tenany ara-tsaina sy ara-pihetseham-po ny amin'ny holalovany sy ny fahafatesany. Fa naninona Izy tamin'iny alina iny no naka fotoana nanasana ny tongotry ny mpianany?

Dia novaliany ho antsika izany fanontaniana izany. Nataony izany mba ho ohatra ho an'ny mpianatra, ary koa, ho antsika koa. Noho izany, ny mpianatra dia tokony hifanompo. Isika koa dia tokony hanao tahaka izany.

**Jaona 13:3-5,12-15 Sady fantatr'i Jesosy koa fa ny Ray efa nanolotra ny zavatra rehetra ho eo an-tànany, ary Andriamanitra no nihaviany, sady Andriamanitra koa no hiverenany, dia nitsangana niala teo ampihinanana Izy ka nametraka ny lambany ary naka lamba famaohana, ka nisikinany; ary rehefa vita izany, dia nampidina rano tamin'ny tavy**

**Izy ka nanomboka nanasa ny tongotry ny mpianatra sy namaoka azy tamin'ny lamba famaohana izay nisikinany.**

**Ary rehefa voasasany ny tongony, dia nandray ny lambany Izy ka nipetraka indray, dia nanao taminy hœ: "Fantatrareo va izay nataoko taminareo? Hianareo manao Ahy hœ Mpampianatra sy Tompo; ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho.**

**Koa raha Izaho, Tompo sy Mpampianatra aza, no nanasa ny tongotrareo, ianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra. Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo."**

### Ireo malalaka

Mitady hanana fomba fijery diso ny olona na ireo tranga niseho anty baiboly isika rehefa mamaky momba azy na izany. Mijery azy ireo amin'ny fanajana sy fiaikena isika. Tokony hajanontsika izay satria manakana antsika tsy hahita ny tenantsika hanao tahaka ny nataony izany fomba fijerintsika izany. Andriamanitra dia nametraka ireny tantara ireny teo amin'ny fiainany ka natao tanaty Baiboly mba alaintsika tahaka. Hitantsika ao ny fandreseny lehibe sy ny fahareseny, ahafahantsika mijery azy ireo tahaka ny olona, tahaka antsika, mihetsika amin'ny herin'Andriamanitra.

Elia dia isan'ny olona maherin'Andriamanitra, kanefa ny apostoly Jakoba nanoratra mba hampahery antsika rehefa niteny izy hoe Elia dia olona tahaka antsika ihany.

**Jakoba 5:17a Elia dia olona tahaka antsika ihany, ary izy nahery nivavaka mba tsy hilatsahan'ny ranonorana ...**

### Ireo Fanaka Voafidy

Afaka ny amboarintsika ny tenantsika ho tonga fanaka homem-boninahitra, mahasoa ho an'ny Tompo, voahomana ho amin'ny asa tsara rehetra.

**2 Timoty 2:20,21 Fa ao an-trano lehibe, tsy dia fanaka volamena sy volafotsy ihany no ao, fa fanaka hazo sy tany koa, ny sasany homem-boninahitra, ary ny sasany halam-baraka. Koa raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin'ireny, dia ho fanaka homem-boninahitra izy, efa nohamasinina ka mahasoa ho an'ny Tompo, voavoatra ho amin'ny asa tsara rehetra.**

## HERIN'NY MIVAVAKA AMIN'NY ANARAN'I JESOSY

### Anarana Ambonin'ny Anarana Rehetra

Ny Anaran'I Jesosy dia ambonin'ny anarana rehetra.

**Filipiana 2:8-11 Ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana. Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin'ny tany, sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray.**

### Fahefana Ao Amin'ny Anarany

Ny fahefana nomen'I Jesosy ny mpianany dia ny fampiasana ny Anarany.

**Marka 16:15-18 Ary hoy Izy taminy: "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina. Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny."**

### Mangataka Amin'ny Anarany

Isika dia tokony hangataka amin'ny Anarany.

**Jaona 15:16 "Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona."**

**Jaona 14:13,14 "Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany."**

### Fahagagana Vita Amin'ny Anarany

Ny fahagagana voalohany nataon'ny mpianatry Jesosy taorian'ny niverenany ho any amin'ny Ray dia nataony tamin'ny Anarany.

**Asan'ny Apostoly 3:1-8 Ary Petera sy Jaona niakatra ho eo an-kianjan'ny tempoly tamin'ny ora fahasivy fotoam-pivavahana. Ary nisy nitondra lehilahy nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny, izay napetrany isan'andro teo anoloan'ny vavahadin'ny tempoly, ilay atao hœ Itsaraendrika, mba hangataka fiantrana amin'izay niditra teo an-kianjan'ny tempoly; nony nahita an'i Petera sy Jaona efa niditra eo an-kianjan'ny tempoly izy, dia nangataka mba homena fiantrana.**

**Ary Petera sy Jaona nibanjina azy ka nanao hœ: "Mijere anay." Dia nibanjina azy roa lahy tsara izy, fa nanantena hahazo zavatra taminy. Fa hoy Petera: "Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangàna." Ary noraisiny tamin'ny tànany ankavanana ralehilahy ka natsangany; dia natanjaka niaraka tamin'izay ny tongony sy ny kitrokeliny. Ary niantsambotra izy ka nijoro, dia nitsangantsangana ary niara-niditra taminy ho eo an-kianjan'ny tempoly, nitsangantsangana ny niantsambotsambotra sady nidera an'Andriamanitra.**

Mariho tsara fa ny fahefana nananan'i Petera rehefa niteny izy, "amin'ny anaran'I Jesosy, mitsangatsangana dia mandehana." Tsy nangataka tamin'Andriamanitra izy hanasitrana ilay lehilahy.

### Ataovy Amin'ny Anarany ny Zavatra Rehetra

Mila isika rehefa manao zavatra dia atao amin'ny anaran'I Jesosy.

**Kolosiana 3:17 Ary na inona na inona no ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany, ka misaora Andriamanitra Ray amin'ny alalany.**

## MIADY AMIN'NY ALALAN'NY VAVAKA

Jesosy niteny hoe izay hitany hataon'ny Ray ihany, dia toy izany koa no ataony.

**Jaona 5:19 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hœ: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka."**

Mba hihetsehana amin'ny fahefana mahery izay nomen'Andriamanitra ho antsika ary tena ilain'izao tontolo izao fatratra, dia tokony izay asain'ny Ray atao ihany no tokony ataontsika. Tokony avelantsika any ny filantsika. Tokony avelantsika izay zavatra manavesatra antsika tsy hahalala ny sitrapony.

Tokony hihetsika amin'ny herin'ny Fanahy Masina araka ny nataon'I Jesosy isika. Tokony hivavaka amin'ny fanahy isika mandrapahafantarantsika ny sitrapony.

Amin'ny finoana, dia tokony ho feon'ny finoana milaza mialoha ny sitrapon'Andriamanitra hiseho isika.

### Fampitandremana Telo

Misy fampitandremana telo izay tokony ho tadidiantsika.

➫ **Andriamanitra dia tsy hilaza antsika mihitsy na oviana na oviana hiteny na hanao zavatra izay mifanohitra amin'ny Teniny voasoratra.**

Ny Teny dia Andriamanitra ary Andriamanitra tsy afaka hanohitra ny Teniny izany mihitsy.

**Jaona 1:1 Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.**

➫ **Andriamanitra dia tsy hiteny amintsika na hanao zavatra ho voninahitra na tombontsoantsika manokana.**

Iray amin'ny fakam-panahy izay noentin'i Satana teo amin'I Jesosy izany. Hetsika iray fotsiny dia nahafahan'I Jesosy nanaporofo fa Iay no Zanak'Andriamanitra. Afaka nisoroka ny hazofijalaiana Izy ary naka ny fanapahan'izao tontolo izao tsisy fisoronana.

**Matio 4:5-6 Ary ny devoly nitondra Azy nankany amin'ny tanàna masina ka nampitœtra Azy teo an-tampon ny tempoly, dia nanao taminy hœ: "Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hœ: Izy handidy ny anjeliny ny aminao; Ary eny an-tànany no hitondran'ireo Anao, fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao."**

➫ **Andriamanitra dia tsy hiteny amintsika na oviana na oviana mba haka fahefan'olona, manodikodina ny sitrapony malalaka.**

Amin'ny fotoana Andriamanitra dia hamela antsika handray fahefana amin'ny demonia izay mifehy olona hafa.

### Tsy Handresy Ny Vavahady

Anaty ady amin'ny herin'ny demonia isika. Rehefa nolazain'I Jesosy voalohany ny teny hoe "fiangonana", dia nilaza Izy fa ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita tsy haharesy azy. Izany vavahady izany dia maneho ny fanjakan'ny helo. Jesosy niteny fa ny herin'ny demonia tsy haharesy ny fiangonany.

**Matio 16:18 "Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy."**

### Mamatotra Na Mamehy

Jesosy dia nanome antsika hery hamaha sy hifehy.

**Matio 16:19 "Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra."**

Ny mamatotra dia midika hoe mametra an'i Satana na demonia izay manapaka tranga iray nefa nitarihan'Andriamanitra ho amin'ny ady ara-panahy. Tokony hofatorantsika ilay lehilahy mahery.

**Matio 12:28,29 "Fa raha ny Fanahin'Andriamanitra kosa no amoahako ny demonia, dia efa tonga aminareo sahady ny fanjakan'Andriamanitra. Fa hataon'ny olona ahoana no fiditra ao an-tranon'ny mahery handroba ny entany, raha tsy afatony aloha ny mahery? dia vao handroba ny ao an-tranony izy."**

Jesosy nanome antsika ohatra ny amin'ny famatorana sy famahana.

**Lioka 13:11,12,16 Ary, indro, nisy vehivavy izay nanana fanahy mahafarofy valo ambin'ny folo taona, ary nanjoko izy ka tsy nahatraka akory. Ary rehefa nahita azy Jesosy, dia niantso azy ka nanao taminy hœ: "Ravehivavy, afaka amin'ny rofinao ianao."**

**"Koa ity vehivavy zanak'i Abrahama ity, izay efa nafatotr'i Satana izao valo ambin'ny folo taona izao, moa tsy tokony hovahana ho afaka amin'izany fatorana izany amin'ny andro Sabata va?"**

Amin'ny maha mpino antsika, dia nomena tontolon'ny fahefana izay hitoerantsika sy nanirahan'Andriamanitra isika. Amin'izany tontolo izany, dia manana fahefana na hamatotra na hamaha isika. Amin'ny alalan'ny vavaka mahery sy manam-pahefana isika, dia afaka mamotsotra ny hery sy ny fahafahan'Andriamanitra hiasa eto an-tany isika.

### Mitolona Amin'ny Fanapahana

Tokony ho tadidiantsika hatrany fa ny adintsika dia tsy amin'ny olombelona hafa. Mitolona amin'ny herin'ny helo isika.

**Efesiana 6:12 Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra.**

## Mandrava Fiarovana Mahery

Ny fitaovana hiadiantsika dia ny Anaran'I Jesosy, sy ny Tenin'Andriamanitra. Izany dia fiadian'ny fanahy, ary mahery izany.

**2 Korintiana 10:4,5 Fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy; fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy.**

## Maka Ny Fanjakana Amin-kery

Amin'ny vavaka ataontsika, dia tokony hampandroso amin-kery ny Fanjakan'Andriamanitra isika. Tokony hiteny amin'ny fahasahiana sy amim-pahefana isika hoe "Ho tonga ny fanjakanao! Ho atao ny sitraponao! Ety an-tany tahaka ny any an-danitra." Izany dia vavaky ny mpanjaka izay mitondra ny fanjakan'ny lanitra ety an-tany. Isika no mpaka an-keriny izay tokony haka an-keriny ny fanjakana.

**Matio 11:12 "Ary hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan'ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-keriny."**

## Miandry Jesosy

Naminany Davida ao amin'ny Salamo,
**Salamo 110:1 Izao no lazain'i Jehovah amin'ny Tompoko: "Mipetraha eo an-tanako ankavanana ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitœran-tongotrao."**

Matio, Marka, Lioka dia samy milaza ny amin'i Jesosy nanamarika ny tenin'I Davida.

**Lioka 20:42,43 "Fa Davida ihany no milaza eo amin'ny bokin'ny Salamo hœ: Jehovah nilaza tamin'ny Tompoko hœ: Mipetraha eo an-tanako ankavanana ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitœran'ny tongotrao."**

Taorian'ny fahatongavan'ny Fanahy Masina tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia nitory teny voalohany Petera ary fanahin'olona 3000 no nanampy isa tao amin'ny fiangonana. Tao anatin'izany fanambarana nataony izany, dia nanamarika ny tenin'i Davida ihany koa izy (Asan'ny Apostoly 2:34,35).

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia nanamarika io faminanian'i Davida io.

**Hebreo 10:12,13 Fa Izy kosa, rehefa nanao fanatitra iray monja ho mandrakizay noho ny ota, dia efa mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra ka hatramin'izao dia miandry Izy mandra-panaony ny fahavalony ho fitœran-tongony.**

In-enina no iantsoana ny fifatohantsika ho amin'izany fahamarinana iray izany. Fa maninona?

Fantatsika fa Jesosy no mpanelanelana antsika any an-danitra any, kanefa azontsika ve fa Izy dia miandry antsika hanao zavatra? Miandry ireo fahavalony Izy mandrapanaony azy ireo ho fitoeran-tongony – ho torotoro ao ambany tongony!

### ✦ Famintinana – Mivavaka Amim-Pahefana

**Teo amin'ny hazofijaliana, niantsoantso tamin'ny feo mahery Jesosy hoe, "Vita!"**
**Nandoa ny sandan'ny fahotan'ny olombelona Jesosy.**
**Jesosy, tamin'ny nanaovany fanatitra ny ràny, dia nividy antsika tamin'ny fanamelohan'ny lalàna.**
**Novidian'I Jesosy indray ny fahefantsika.**

**Ankehitriny, miandry antsika Jesosy hametraka ny fahavalony eo ambany fitoeran-tongony!**
**Nomeny antsika ny Anarany. Nomeny antsika ny herin'ny Fanahy Masina.**
**Nomeny antsika ny fahefana. Ankehitriny, miankina amintsika sisa!**
**Amin'ny alalan'ny vavaka, dia tokony hitondra amin-kery ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany isika.**

### FANONTANIANA FAMERENANA

1. Ao amin'ny Matio 8:8, fa maninona ilay kapiteny niteny tamin'I Jesosy hoe tsy mila mankany an-tranony izy hanasitranana ny mpanompony, fa ny hitenenany fotsiny ihany dia ho sitrana izy? Ahoana no mahatonga ny fihetsik'ilay kapiteny ho lasa ohatra ho antsika amin'izao fotoana izao?

2. Karazana vavaka ohatra ny ahoana ny teny hoe, "Mandehana" "Avia!" "Mitsangàna ka mandehàna."

3. Ahoana no hahafantaranao fa manome fahafahana anao Andriamanitra hivavaka amin'ny fahefana?

*Lesona Fahasivy*

# Ny Antsoantson'ny Fon'Andriamanitra

## FAMPIDIRANA

Amin'ny alalan'ny Baiboly manontolo, ny antsoantson'ny fon'Andriamanitra dia miseho rehefa miantso ny olony hanao vavaka fifonana Izy. Izany dia hita ao amin'ny tenin'i Hezekia rehefa nanoratra momba an'Andriamanitra izay mitady olona hanao vavaka fifonana, sy ny tsy fahitany ihany koa.

**Ezekiela 22:30 "Ary nitady olona teo aminy Aho hanao manda sy hijanona eo amin'ny banga eo anatrehako hifona ho an'ny tany mba tsy handravako azy, kanjo tsy nahita."**

Ao amin'ny Tantara dia mamaky ny amin'ny antsoantson'ny fon'Andriamanitra isika, mangataka ny olony hanao vavaka fifonana. Hoy Izy hoe raha hanetry tena izy, hiala amin'ny ratsy fanaony ary hivavaka, dia hanasitrana ny taniny Izy.

**2 Tantara 7:14 Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."**

Niteny tamin'ny mpianany Jesosy hoe be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy. Ka inona àry no tokony hataon'ireo? Mivavaka!

**Lioka 10:2 Ary hoy Izy taminy: "Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra."**

Maro ny andininy milaza momba ny amin'ny vavaka fifonana ao amin'ny Baiboly noho ny amin'ny karazana vavaka. Ny vavaka amin'ny fahefana indraindray dia miankina amin'ny fahatakarana tsy takatry ny saina izay tonga amintsika amin'ny alalan'ny vavaka fifonana.

Ny ohatra voalohany amin'ny vavaka, ao amin'ny bokin'i Joba, dia manomboka amin'ny vavaka fifonana. Ny lohampianakaviana no nifona ho an'ny fianakaviany. Ny ben'ny tanàna no nifona ho an'ny tanànany sy ny vahoakany. Ny mpisorona nanao vavaka fifonana. Jesosy nanao vavaka fifonana. Ny apostoly nanao vavaka fifonana. Isika koa dia manohy izay lalan'ny lehilahy sy vehivavin'I Kristy izay, hanaovantsika vavaka fifonana ho an'ny fianakaviantsika, ny mpitondra fanjakana, sy ny mpitarika ao amin'ny tenan'I Kristy.

## Famaritana Ny Vavaka Fifonana

Ny vavaka fifonana dia midika hoe mankeo anatrehan'Andriamanitra ho an'ny olona iray ary mety haka ny toeran'ilay olona mihitsy aza. Ny tena vavaka fifonana dia miainga avy ao amin'ny fontsika lalina. Tonga io rehefa manana fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra isika ka tsapantsika ny tombotsoany, ny faniriany, ary avy eo, araka ny fitarihany, mamela ny Heriny hiasa amin'ny fiainan'ny hafa.

Ny vavaka fifonana dia natao ho an'ny vahoaka ary tokony ho lasa anjara asan'ny mpino rehetra izany.

Hoy Wilson Mamboleo raha nanoratra, "Ny mpanao vavaka fifonana dia mitsangana eo afovoan'Andriamanitra sy ny olona na vondron'olona mila vavaka fifonana. Adinony ny zavatra ilainy ary manao izay hahamety ny fiainan'ny olona manokana na vondron'olona izay entiny am-bavaka izy. Tsapany ny fanaintainan'ny hafa tahaka ny hoe izy mihitsy no hiantefàny. Mahita fahafinaretana amin'ny fivavahana ho an'ny fanirian'ny hafa izy. Misy fifaliana lehibe ao amin'ny fon'ny mpanao vavaka fifonana rehefa mivavaka ho an'ny hafa izy. Ny fony dia mandray herim-panahy ao anaty. Andriamanitra dia mifaly amin'ny ataony. Ny mpanao vavaka fifonana dia lehilahy sy vehivavy izay afaka hanambaran'Andriamanitra ny tsiambaratelony sy ny drafitra ho an'ny fianakaviana, fiangonana ary ny firenena iray."

*Nalaina tamin'ny **Mihaona Amin'Andriamanitra – Hevitra Lalina Momba ny Vavaka**. Natontan'ny Published by Prayer and Word Publications, Nairobi, Kenya, Africa.*

### Dingana Ampiharina Ao Anatin'ny Vavaka Fifonana

Rehefa manao vavaka fifonana isika, dia misy dingana enina izay mila tadidiana.

- **Aoka hazava tsara, aza mivavaka tsy misy tanjona izany.**
- **Tadiavo ny teny fampanantenan'Andriamanitra mifandraika amin'izay ilaina ary afantohy amin'izay ny vavakao. Hahatonga ny vavakao hitovy lalana amin'ny sitrapon'Andriamanitra izany.**
- **Avelao ny Fanahy Masina hivavaka amin'ny alalanao.**
- **Aza afantoka amin'ny fahatsaran'ilay olona ny vavakao. Tsy manana raha avy aminy izy. Ny fanamarinana dia mifantoka amin'ny toeran'ilay mpino ao amin'I Kristy. Manaova vavaka fifonana mifototra amin'ny fahasoavana sy famindrampo hatrany.**
- **Aza miezaka mifehy ilay olona ao anatin'ny vavaka na mandray fanapahan-kevitra amin'ny toerany. Andriamanitra dia tsy mba manodikodina ny filàny ary tsy manan-jo hanao izany koa ianao.**
- **Mahareta – aza miala!**

### Ny Fomba Fsiasan'I Satana

Satana dia manana planina fanafihana ny mpino rehetra izay mandroso hanao vavaka fifonana. Miezaka ny hanova ny fanambaran'Andriamanitra izy ary manome fahatsapana ilay manao fifonana fa izy dia tokony hampianatra ny mpitarika ny lalan'Andriamanitra. Hiezaka hametsy ilay mpanao fifonana amin'ny fiezahana maka ny toeran'ny mpitarika sy ny toeran'ny fifehezana.

Ny mpanao fifonana dia tokony hiambina mandrakariva manoloana ny toe-po feno fitsarana, na fanahy manameloka sy mifehy.

## OHATRA ARA-BAIBOLY MOMBA NY VAVAKA FIFONANA

Anisan'ny lalana iray ahafahana mianatra ny fomba fanaovana vavaka fifonana ny fianarana ny ohatra anaty baiboly.

### Jesosy nifona ho antsika

Ohatra tsara ho antsika foana Jesosy.

➢ *Ilay Mpisorona Lehibe*

Ny mpisorona tao amin'ny Testamenta Taloha dia azo lazaina fa endriky ny mpanao vavaka fifonana. Nitsangana afovoan'ny olona sy Andriamanitra izy, mitondra fanatitra noho ny ota. Jesosy dia Mpisorona Lehibe sy ohatra ho antsika amin'ny fivavahana ho an'ny hafa eny fa na dia mbola manohy miaina sy manao vavaka fifonana aza Izy.

**Hebreo 7:25 Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy.**

➢ *Ilay Mpisolo Vava Antsika, Na Mpanao Vavaka Fifonana*

Ny raki-bolana dia milaza fa ny atao hoe mpisolo vava dia olona miteny, miangavy, na misolo tena an'i, olona iray mifona ho an'ny olona hafa, mpanohana na mpiaro. Toetran'I Jesosy daholo ireo ary mbola mihoatra noho izany Izy amintsika.

**1 Jaona 2:1 Anaka, izany zavatra izany no soratako ny aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay Marina.**

➢ *Maneho Ny Antsoantson'ny Fon'Andriamanitra*

Amin'ny alalan'I Jesosy dia manana ohatra roa isika mampiseho ny antsoantson'ny fon'Andriamanitra. Ny voalohany dia Jesosy nitomany ho an'ny olon'I Jerosalema.

**Lioka 13:34 "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato izay nirahina any aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao tahaka ny fanomban'ny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany, fa tsy nety ianareo!"**

Mariho fa Jesosy, na dia tao amin'ny fitiavany lehibe aza, dia tsy afaka nifehy izany. Hoy Izy, "Fa tsy nety ianareo."

Ny ohatra lehibe faharoa dia nitranga rehefa teo amin'ny hazofijaliana Jesosy.

**Lioka 23:33a,34a Ary rehefa tonga teo amin'ny tany atao hœ Ikarandoha izy, dia teo no namonoany an'i Jesosy sy ireo olon-dratsy ireo ... Ary hoy Jesosy: "Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony."**

Raha misy olona manan-jo hanameloka, dia isan'izany Jesosy. Ny olona tao Jerosalema dia namono ny mpaminany tao sy nitora-bato ireo mpitondra hafatra, kanefa tokana ny fanirian'I Jesosy dia ny hanomba azy ireo ao ambany elany. Ary na dia nohomboany aza Izy, ny vavaka nataony dia hoe, "Raiko o, mamelà ny helony."

Zava-dehibe ny tsy ho voataonan'ny lalan'i Satana rehefa manao vavaka fifonana isika.

Tsy maninona na impiry àry Andriamanitra mampiseho amintsika ny tsy mety, tsy tokony hitsara na hanameloka isika, fa kosa ny hampiasa an'io fahalalana io ho amina fifonana.

## Nanao Vavaka Fifonana I Joba

Azo lazaina fa boky taloha indrindra anaty Baiboly I Joba, kanefa izy dia mpanao vavaka fifonana.

Rehefa tonga teo amin'I Joba ny faharatsiana rehetra, dia tonga ny namany, ka nihevitra ratsy momba azy, nitsara azy sy nihevitra tao an-tsainy hoe fa maninona izao zava-dratsy izao no niseho teo aminy. Tonga teo ireo satria liana, ka nijanona mba hanameloka azy.

Rehefa tapitra ny vanim-potoanan'ny fizahan-toetra an'i Joba, dia nasain'Andriamanitra nanatitra fanatitra ireo namany, avy eo dia nasainy nanao tsinontsinona ny tenany ka nandeha nanatona ilay olona izay noharatsiany ary nangataka taminy mba hanao vavaka fifonana ho azy.

**Joba 42:8-10 Koa ankehitriny makà vantotr'ombilahy fito sy ondrilahy fito ho anareo, ary mankanesa ao amin'i Joba mpanompoko, ka manatera fanatitra dorana ho anareo; ary Joba mpanompoko no hifona ho anareo, fa izy no hankasitrahako, fandrao hamaly anareo araka ny fahadalanareo Aho, satria tsy marina tahaka ny filàzan'i Joba mpanompoko ny filàzanareo Ahy."**

**Dia nandeha Elifaza Temanita sy Bildada Sohita ary Zofara Namatita ka nanao araka izay nandidian'i Jehovah azy; ary Jehovah dia nankasitraka an'i Joba.**

**Ary Jehovah nampody ny fiadanan'i Joba, raha nivavaka ho an'ny sakaizany izy, ka dia nanome azy indroa toraka izay nananany fahiny Izy.**

➢ *Ohatra Ho Antsika*

Joba dia ohatra mahafinaritra ny amin'ny maha mpanao vavaka fifonana azy. Nifona ho an'ny fianakaviany izy. Ary rehefa tonga ny andro mahory nefa tsy azony ny fiasan'Andriamanitra, dia nifikitra hatrany izy. Nandritra izany fotoana izany, dia hoy izy,

**Joba 13:15 Na dia hamono ahy aza Izy, mbola hanantena Azy ihany aho; Kanefa hanamarina ny lalako eo anatrehany aho.**

Na dia niteny ratsy momba azy aza ny namany tamin'ny fotoan-tsarotra nandalovany, dia nifona ho azy ireo izy ary nanao vavaka fifonana ho azy. Avy eo naverin'Andriamanitra taminy ny fananany rehetra ka naveriny avo roa heny noho ny teo aloha izany.

Joba tsy nifona ho an'ny namany mba hahazoany fitahiana be. Na izany aza, ny Teny milaza fa Andriamanitra dia namerina ny very rehefa nivavaka ho an'ny namany izy. Ny fitahiana be izany dia tonga rehefa mifona ho an'izay manao ratsy antsika isika ary manao vavaka fifonana ho azy.

## Nanao Vavaka Fifonana I Abrahama

Rehefa tapa-kevitra Andriamanitra fa handrava an'i Sodoma sy Gomora, dia nanatona an'i Abrahama aloha Izy.

**Genesisy 18:17,18 Ary Jehovah nanao hœ: "Hafeniko amin'i Abrahama va izay hataoko? Fa Abrahama ho tonga firenena lehibe sy mahery tokoa, ary aminy no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany."**

Avy eo ny Tompo namaly ny fanontaniany ihany.

**Genesisy 18:19-21 "Fa efa nifidy azy Aho mba handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy hitandreman'ireo ny lalàn'i Jehovah hanao izay marina sy mahitsy, mba hitondran'i Jehovah amin'i Abrahama izay efa nolazainy taminy."**

**Ary hoy Jehovah: "Ny fitarainan'i Sodoma sy Gomora dia lehibe tokoa, ary ny fahotany dia mavesatra indrindra; hidina Aho ka hizaha na efa nahatanteraka izany tokoa izy araka ny fitarainan'ny tany, izay efa tonga aty amiko, na tsia; ary raha tsy izany, dia ho fantatro."**

Nifona i Abrahama, "Tompoko, hamindranao fo va ny tanàna rehetra noho ny dimam-polo marina – noho ny dimy amby efa-polo – noho ny efa-polo – noho ny telo-polo – noho ny roa-polo – noho ny folo?"

Ary Andriamanitra namaly, "Tsy handringana azy Aho noho ny folo."

Fa naninona Andriamanitra niresaka tamin'i Abrahama talohan'ny nandravany ny tanàna? Ny marina, dia namela lehilahy hihetsika araka ny fahefana nomen'Andriamanitra azy Izy mba hametraka ny fenitra tokony hotratrarina mba tsy hahafaty ny tanana – noho ny amin'ny folo marina.

Hitantsika eto fa manan-danja ny vavaka fifonana nataon'i Abrahama tao anatin'ny teny nambaran'ilay anjely.

**Genesisy 19:22 "Mandehana faingana, mandosira ho ao; fa tsy mahazo manao na inona na inona aho mandra-pahatonganao ao.**

### Ohatra Ho Antsika

Taona maro tany aloha dia nisaraka i Abrahama sy i Lota. Ny olona nanaraka an'i Lota dia niady tamin'ny nanaraka an'i Abrahama. Nanana safidy i Lota ary ny safidiny dia ny tsara ho an'ny tenany ihany. Avy eo Lota nifidy ny hipetraka ao Sodoma sy Gomora, ilay tanàna feno ota. Izay tokony ho tonga tamin'i Lota dia noho ny fahadisoany ihany. Izay no valin'ny fanapahan-keviny. Fa izany ve no noheverin'i Abrahama sa izy nifona ho an'i Lota sy ireo olona hafa tao an-tanana?

### Nanao Vavaka Fifonana I Mosesy

Niaraka tamin'Andriamanitra tao an-tendrombohitra Mosesy, rehefa ninia nanota ny zanak'Isiraely. Nanamboatra ombilahy kely volamena izy ary niankohoka teo anatrehany sy nidera azy tahaka ny hoe andriamaniny io.

**Eksodosy 32:7-10 Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy: "Mandehana midina ianao; fa efa nanao ratsy ny olonao izay nentinao niakatra avy tany amin'ny tany Egypta. Nalaky nivily niala tamin'ny lalàna izay nasaiko nalehany izy ka efa nanao ombilahy kely anidina ho azy; ary efa niankohoka teo anatrehany sy namono zavatra hatao fanatitra taminy izy ka nanao hœ: Io no andriamanitrao, ry Isiraely, izay nitondra anao niakatra avy tany amin'ny tany Egypta!" Ary hoy**

**Jehovah tamin'i Mosesy: "Efa hitako io firenena io, fa, indro, firenena mafy hatoka izy!"**

Mariho tsara fa tsy niantso azy ho olony intsony Andriamanitra teto.

**"Koa ankehitriny avelao hirehitra aminy ny fahatezerako, ka haringako izy; fa hahatonga anao ho firenena lehibe Aho."**

"Avelao Aho, Mosesy, fa haringako izy!" Fa maninona Andriamanitra niteny hoe, "Avelao irery Aho?"

Amin'ny tanjon'Andriamanitra mandrakizay, dia namorona ny olona araka ny endriny Izy ary nanome azy fahefana hanjaka amin'ny tany sy izay rehetra eo aminy. Andriamanitra dia voasakana tsy handringana ny olona noho ny amin'i Mosesy. Mosesy dia mpanao vavaka fifonana, nampiasa ny fahefana nomen'Andriamanitra izay tsy "mamela an'Andriamanitra irery," rehefa tonga ny fotoana hivavahana ho an'ny zanak'Isiraely.

➢ *Ny Antsoantson'ny Fon'I Mosesy*

### ➭ "Vonoy Eo Amin'ny Bokinao Izay Nosoratanao Ny Anarako"

Andriamanitra dia niteny fa handringana ny Zanak'Isiraely Izy. Ny tebitebin'i Mosesy tamin'io fotoana io dia ambonin'ny fahaizan'ny sasany amintsika mahatakatra. Fa inona kay ny antsoantson'ny fony? "Tompoko, raha tsy afaka mamela azy ianao dia vonoy eo amin'ny bokinao izay nosoratanao ny anarako."

**Eksodosy 32:32 "Ary ankehitriny, enga anie ka hamela ny fahotany Hianao! fa raha tsy izany, mifona aminao aho, vonoy eo amin'ny bokinao izay nosoratanao ny anarako."**

Nanaiky Andriamanitra ny hamela ny zanak'Isiraely ho velona kanefa hoy Izy avy eo, "Tsy hiara-miakatra aminao Aho."

**Eksodosy 33:2a,3b Ary haniraka Anjely Aho hitarika anao eo aloha ... dia ho amin'izay tany tondra-dronono sy tantely; nefa tsy hiara-miakatra aminao Aho (satria olona mafy hatoka ianao), fandrao handringana anao eny an-dalana Aho."**

### ➭ "Aza Mitondra Anay Hiakatra Hiala Aty!"

Rehefa niteny tamin'i Mosesy Andriamanitra hoe tsy hiaraka aminy ny Tavany, dia toy izao ny antsoantson'ny fon'i Mosesy, "Aza mitondra anay hiakatra hiala aty!" Tsy nety nandeha Mosesy raha tsy teo ny fanatrehan'Andriamanitra.

**Eksodosy 33:15 Fa hoy Mosesy taminy: "Raha tsy handeha ny Tavanao, dia aza mitondra anay hiakatra hiala aty."**

➢ *Ohatra Ho Antsika*

Tena ohatra lehibe ho antsika ny fifonan'i Mosesy! Niady taminy ny olona. Mitaraina foana ny olona isaky ny misy fahafahana manao izany. Efa norahonany hovonoina mihitsy aza izy. Ankehitriny, nilaza Andriamanitra fa haringany ireo! Andriamanitra dia saika hanangana firenena vaovao amin'ny alalan'ny taranaky Mosesy. Izay dia hahatonga ny taranak'i Mosesy ho ilay vahoaka voafidin'Andriamanitra. Ary ny zanany

sy ny zanak'ireo dia lasa firenen'Isiraely. Ny fandringanana hahazo ny olona mpanota dia voaporofo amin'ny fahaizany mihaino an'Andriamanitra sy mitarika. Izany dia manambara fa ao anatin'ny zava-misy rehetra, dia marina foana izy.

Raha tokony ho nandray izany rehetra izany, dia nanao vavaka fifonana i Mosesy ho an'ny olona, ary satria noho ny vavaka nataony dia navelan'Andriamanitra ho velona ireo.

**Fiampangan"I Ezekiela**

Tamin'ny andron'i Hezekia, dia nitady olona Andriamanitra hanao vavaka fifonana – hitsangana eo amin'ny banga – kanjo tsy nisy na iray aza. Tamin'ny alalan'i Hezekiela, dia nilaza fiampangana mahatsiravina momba ny Zanak'Isiraely ny Tompo izay marina loatra amin'izao andro izao ka nampidirinay izany eto.

**Ezekiela 22:23-31 Ary tonga tamiko ny tenin'i Jehovah nanao hœ: "Ry zanak'olona, lazao aminy hœ: Hianao no tany tsy hazavain'ny hainandro sady tsy ilatsahan'ny ranonorana amin'ny andro fahatezerana."**

➢ *Fikomian'ny Mpaminany*

**"Mikomy ny mpaminany ao aminy; tahaka ny liona mierona mamiravira haza izy; mihinana olona izy sady mahalasa ny harena sy ny zava-tsoa ary mahamaro ny mpitondratena ao aminy.**

➢ *Ny Mpisorona Nandika ny Lalàna,*
*Nandoto Ny Zavatra Masina,*
*Tsy Manavaka Ny Masina*
*Sy Ny Tsy Masina*

**"Ny mpisorona dia mandika ny lalàko sy mandoto ny zavatra masina; tsy manavaka ny masina sy ny tsy masina izy, na mampiseho ny tsi-fitovian'ny maloto sy ny madio, ary mitampi-maso tsy hijery ny Sabatako izy, ary tsiratsiraina ao aminy Aho.**

➢ *Mpitondra Politika Tahaka Ny Ambodia*

**"Toy ny amboadia mamiravira haza ny lehibeny ao aminy ka mandatsa-drà sy mahafaty aina ary mahazo harena amin'ny tsy marina.**

➢ *Mpaminany Mahita Fahitana Tsy Izy,*
*Manao Anganongano An'Andriamanitra*

**"Ary ny mpaminaniny mandalotra azy amin'ny feta tsy madity ka mahita zava-poana sy maminany lainga aminy hœ: Izao no lazain'i Jehovah Tompo; nefa Jehovah tsy niteny tsinona.**

➢ *Vahoaka Ratsy Fanahy*

**"Ny vahoaka manao an-keriny sy mandroba ka mampahory ny malahelo sy ny mahantra; ary ny vahiny dia ampahoriny tsy andrariny.**

➢ *Nitady Olona Andriamanitra*

**"Ary nitady olona teo aminy Aho hanao manda sy hijanona eo amin'ny banga eo anatrehako hifona ho an'ny tany mba tsy handravako azy, kanjo tsy nahita. Koa dia haidiko eo aminy ny fahatezerako; ny afon'ny**

**fahatezerako no handaniako azy; ary hatsingeriko ho eo an-dohany ihany ny fanaony, hoy Jehovah Tompo."**

Nanao vavaka fifonana ho an'ny tanànan'i Sodoma sy Gomora Abrahama. Nanelanelana ny zanak'Isiraely Mosesy. Kanefa tamin'ny andron'i Hezekia, dia nitady olona hanao izany Andriamanitra – hitsangana eo amin'ny banga ho an'ny fireneny – nefa tsy nisy na dia iray aza. Andriamanitra dia mitady olona hanao vavaka fifonana – ho an'ny vahoaka, hitsangana eo amin'ny banga ho an'ny olona akaiky azy, ho an'ny fiangonany, ho an'ny mpaminaniny sy ny mpisorony, ary ho an'ireo mpanao politika ao aminy.

## VAVAKA FIFONANA – TOMBONTSOA SY ADIDINTSIKA

### Ho An'ny Mpitarika Ara-Panahy

Mila mivavaka ho an'ny asa fanompoana amin'ny filazantsara isika. Satria Satana afaka mandratra olona maro rehefa mianjera ny mpitarika, noho izany ny ady dia mafy ho an'ireo. Mila mitondra am-bavaka matetika ny mpitarika ara-panahy isika.

➢ *Hiteny Amim-Pahasahiana*

Nangataka ny mpino tao Efesosy i Paoly hivavaka ho azy hananany fahasahiana raha hiteny izy. Mila mivavaka ho an'ny mpitarika antsika ny amin'izany koa isika.

**Efesiana 6:19 Ary ho ahy koa mba homena ahy ny hiloa-bava amin'ny fahasahiana hampahafantatra ny zava-miafina momba ny filazantsara ...**

➢ *Mba Hisokatra Ny Varavarana*

Nangataka ny tao Kolosia izy hivavaka mba hisokafan'ny varavarana. Afaka mitondra am-bavaka ny hahatanterahan'izany koa isika amin'izao.

**Kolosiana 4:3a Ary mangataha koa ho anay, mba hamohan'Andriamanitra varavarana ho an'ny teny hilazanay ny zava-niafina izay an'i Kristy ...**

➢ *Aoka Ny Teny Homem-Boninahitra Fanafahana Ny Ratsy Fanahy*

Nangataka ny tao Tesalonika izy hivavaka mba hahatonga ny tenin'Andriamanitra ho tonga faingana ao ka hankalazaina toy ny eo aminy ary mba hovonjena ho afaka amin'ny olona hafahafa sy ratsy fanahy izy. Izany koa dia isan'ny vavaka tokony ataontsika ho an'ny mpitarika antsika.

**2 Tesaloniana 3:1,2a Farany, ry rahalahy, mivavaha ho anay, mba handehanan'ny tenin'ny Tompo faingana ka hankalazaina toy ny eo aminareo, ary mba hovonjena ho afaka amin'ny olona hafahafa sy ratsy fanahy izahay ...**

➢ *Hanana Fiainana Mendrika*

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia mangataka aminy mba hivavaka hananany fiainana mendrika miaraka amin'ny fieritreretana tsara. Izany dia tokony ho vavaka ataontsika foana.

**Hebreo 13:18 Mivavaha ho anay; fa matoky izahay fa manana fieritreretana tsara ka te hitondra tena tsara amin'ny zavatra rehetra.**

➢ *Ny Andraikitsika*

Ny vaovao dia nilaza momba ny mpitarika ny tenan'I Kristy izay latsaka tanaty fahotana. Maro ny olona nanontany anay momba an'io. Lasa kivy ireo – naratra. Dia noresahika tamin'ny Tompo ny momba an'izay. Inona no tokony hataontsika hanampiana ny olona? Dia nanome valiny iray taminy sy tamiko Andriamanitra. "Nihaino azy ianareo. Nandray avy taminy ianareo, kanefa impiry moa ianareo no mba nivavaka ho azy?" Nomen'Andriamanitra ahy efa an-taonany maro izay teny izay, kanefa dia tsy adinoko mihitsy. Manana andraikitra isika hivavaka ho an'ny mpitarika ny tenan'I Kristy.

**Ho An'ny Mpitondra Politika**

Mila mitondra am-bavaka ny mpitondra isika mba hiainantsika miadana, sy mandry fahizay.

**1 Timoty 2:1-4 Koa mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana, ho an'ny olona rehetra, ho an'ny mpanjaka mbamin'izay rehetra manana fahefana, mba hiainantsika miadana sy mandry fahizay amin'ny tœ-panahy araka an'Andriamanitra sy ny fahamaotinana rehetra. Izany no tsara ka ankasitrahana eo imason'Andriamanitra, Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina.**

Ny olona miditra ao amin'ny fifandraisana amin'ny vavaka ho an'ny fireneny dia afaka mahavita mihoatra noho ny vitan'ny fanjakana. Andriamanitra dia hihaino ny feon'ny olony.

**2 Tantara 7:13,14 Koa, indro, raha mampihantona ny andro Aho, ka tsy misy ranonorana latsaka, na asaiko mandany ny tany ny valala, na anaterako areti-mandringana ny oloko, raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny.**

**Ho An'ny Tanàna Izay Misy Antsika**

Tokony hivavaka isika mba hiadanan'ny tanàna izay misy antsika, satria hitondra fiadanana ho antsika izany.

**Jeremia 29:7 Ary katsaho izay hiadanan'ny tanàna izay nampandehanako anareo ho babo, ary mivavaha amin'i Jehovah ho azy; fa raha miadana izy, dia mba hiadana koa ianareo.**

**Ho An'ireo Izay Manenjika Antsika**

Rehefa afaka mivavaka ho an'ireo izay nanao ratsy antsika isika, dia mahatoky tokoa fa namela azy marina.

**Matio 5:44 "Fa Izaho kosa milaza aminareo hœ: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo."**

**Lioka 6:28 "misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an'izay manisy ratsy anareo."**

### Ho Amin'ny Fahavokaran'ny Firenena

Nangataka tamin'ny mpianany Jesosy hivavaka ho an'ny mpiasa ary avy eo nampandeha azy ireo ho eny amin'ny vokatra Izy. Rehefa manomboka manao vavaka fifonana marina isika ho an'ny zavatra ilaina, matetika dia homen'Andriamanitra amin'ny alalantsika ny valim-bavaka.

**Lioka 10:2 Ary hoy Izy taminy: "Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra."**

**Salamo 2:8 Mangataha amiko, dia homeko ho lovanao ny jentilisa ary ny faran'ny tany ho fanananao.**

### Ho An'Isiraely

Misy fitahiana manokana izay mifamatotra amin'ny vavaka atao ho an'ny vahoaka nofidin'Andriamanitra, sy ny fanafainganana ny tanjon'Andriamanitra aminy.

**Salamo 122:6,7 Mangataha fiadanana ho an'i Jerosalema; Hambinina anie izay tia anao; Fiadanana anie ho ao anatin'ny mandanao; Fanambinana anie ho ao an-dapanao.**

### Ho An'Ireo Olom-Baovao

Mila mivavaka ho an'ireo olona izany netintsika tao amin'I Kristy isika.

**1 Tesaloniana 3:9 Fa manao ahoana no saotra azonay havaly an'Andriamanitra ny aminareo noho ny fifaliana rehetra izay ifalianay noho ny aminareo eo anatrehan'Andriamanitray, amin'ny fangatahanay fatratra andro aman'alina hahita ny tavanareo sy hahatanteraka ny tsy ampy amin'ny finoanareo?**

### Ho An'ny Olona Masina Rehetra

Mila mivavaka ho an'ny olona rehetra izay voavonjy manerana ny tany isika.

**Efesiana 6:18 Ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra.**

### Ho An'ny Tsirairay Avy

Mampahery antsika Jakoba hiditra ao anatin'ny fifandraisana akaiky amin'ny hafa – hanambara ny fahotantsika sy hifampivavaka.

**Jakoba 5:16 Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.**

### Ho An'ny Marary

**Jakoba 5:14,15 Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela ny helony.**

### Ho An'ny Niverin-dàlana

Aleo mivavaka ho an'ny namantsika izay lavo, toy izay manameloka azy na miampanga azy.

**Galatiana 6:1,2 Ry rahalahy, raha misy olona azon'ny ota tsy nahy aza, dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin'ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fandrao ianao koa mba halaim-panahy ihany. Mifampitondrà izay mahavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn'i Kristy.**

### Ho An'ny Mpifatotra

Ao amin'ny Hebreo dia mamaky isika fa mila mahatsiaro ireo mpifatotra ho toy ny miara-mifatotra aminy isika. Tsy tahaka ny vavaka tsotra izany.

**Hebreo 13:3 Tsarovy izay mifatotra, ho toy ny miara-mifatotra aminy ianareo, ary izay ampahorina, satria mbola eo amin'ny tena koa ianareo.**

### Ho An'ny Tenantsika

Tsy fitiavan-tena akory ny mivavaka ho an'ny tenantsika, satria rehefa mandray fitahiana isika, dia tonga fitahiana ho an'ny hafa.

**1 Tantara 4:10 Ary Jabeza niantso an'Andriamanitry ny Isiraely hœ: "Enga anie ka hotahinao tokoa aho, ka hohalalahinao ny fari-taniko, ary ho amiko ny tananao, ka harovanao amin'ny ratsy aho, mba tsy hampahory ahy izany!" Ary dia nomen'Andriamanitra azy ny nangatahiny.**

## ✦ Famintinana – Ny Antsoantson'ny Fon'Andriamanitra

Tian'Andriamanitra daholo ny lehilahy, ny vehivavy sy ny ankizy. Faniriany ny hahafantarantsika Azy bebe kokoa. Satria isika mahafantatra Azy, dia azontsika ny antsoantson'ny fony ho an'ny olona manodidina antsika.

Ny vavaka fifonana dia nanomboka tamin'i Joba, ilay boky tranainy ao amin'ny Baiboly. Dia nitohy izany miaraka amin'i Abrahama, Mosesy sy Hezekia na dia olona vitsy aza no lazaina. Ankehitriny, manao vavaka fifonana ho antsika Jesosy. Izy Ilay Mpisorontsika Lehibe, Ilay Mpisolo vava antsika, ary Izy Ilay ohatra mandrakizay ho antsika.

Ny fanirian'ny lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra hanao vavaka fifonana ho an'ny fianakaviany, ny namany, ny fiangonany, ny mpifanolo-bodirindrina aminy, ny tanànany sy ny fireneny dia tsy mbola niova. Mila manohana ny antsoantson'ny fon'Andriamanitra isika ary ho tonga mpanao vavaka fifonana izay mijoro eo amin'ny banga ho an'ny olona mpanota, mamela ny herin'Andriamanitra hiasa eo amin'ny fiainany.

Tokony hanokana fotoana hanaovana vavaka fifonana foana isika, tsy an-kijanona, amin'ny fotoana rehetra, ho an'ny filan'ireo izay hitantsika manodidina antsika. Izany dia iray amin'ny antson'Andriamanitra ho an'ny tenan'I Kristy ankehitriny – mikarakara ny manodidina antsika, manao vavaka fifonana ho azy. Mivavaha ho azy ireo ao amin'ny Fanahy Masina ary avy eo mivavaha araka ny fitarihan'Andriamanitra anao amin'ny fomba fiteny nanabeazana anao.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Soraty ny fomba famaritanao ny hoe vavaka fifonana.

2. Inona avy ireo dingana enina tokony ampiharina ao anatin'ny vavaka fifonana ?

3. Manomeza lafiny anankitelo izay hitarihan'ny Tompo anao amina vavaka fifonana. Manomeza teny fikasàna avy amin'Andriamanitra izay afaka hijoronao.

*Lesona Fahafolo*

# " Raha Mitoetra Amiko Ianareo"

Hoy Jesosy,

**Jaona 15:7 Raha miray amiko ianareo, ka mitœtra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.**

Izany no teny fikasan'Andriamanitra mahafinaritra ho antsika momba ny vavaka-tsika, kanefa tena misy fepetra. Mila miray Aminy isika ary ny Teniny dia mila mitoetra amintsika koa alohan'ny angatahintsika ny faniriantsika Aminy. Andao anie isika hiverina hamaky ilay andininy farany izay mirakitra teny fampanantenana tsara e!

**Jaona 15:4-7 "Tomœra amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy miray amiko.**

**"Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.**

**"Raha misy tsy miray amiko, dia ariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may.**

**"Raha miray amiko ianareo, ka mitœtra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany."**

Ahoana no fomba ahafahantsika miray amin'I Jesosy? Isan'andro isan'andro, ahoana no fomba hahatanterahan'izany?

## MIRAY AMINY

Mosesy dia nahafantatra an'Andriamanitra. Mosesy dia sakaizan'Andriamanitra. Misy azo ianarana ny fihetsika nataon'i Mosesy taorian'ny fahotana mahatsiravina nataon'ny zanak'Isiraely ny amin'ny nanompoany andriamani-kafa – ilay ombilahy kely volamena. Ny fihetsiny tamin'ny olona dia tsy fanehoana fanamelohana – fa tebiteby ambonin'ny fahatakarantsika azy.

Noho ny fahotana, dia nandao ny tranon'ny Isiraely ny voninahitr'Andriamanitra. Tsy afaka nitoetra teo afovoany intsony Andriamanitra, raha tsy izany dia naringany tao daholo ireo. Tsy niova Andriamanitra. Tsy afaka ny hiaina miaraka amin'ny ota Andriamanitra. Mifanohitra amin'ny mahizy Azy izany, amin'ny natiorany.

Firy amin'ny olona no diso ary nandiso ny hafa ny amin'ny fieritreretana fa afaka saron'ny fahasoavana ny fahotana? Ka na inona na inona ataony, hamela azy foana Andriamanitra ary ny zavatra rehetra dia afaka ny handeha tahaka ny teo aloha ihany. Tsy marina anefa izany. Hoy Jesosy,

**Matio 6:24a Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny.**

## Mankanesa Any Ivelan'ny Toby

Noho ny fahotan'ny olona, dia niala Andriamanitra, ary teo noho eo ihany, dia niala koa Mosesy. Dia nanorina ny lainy teo ivelan'ny toby izy. Tsy te hifandray tamin'ny fahotana izy. Tsy hoe niala teo izy satria tsy tiany ny olona. Ny fiainany no nataony takalon'aina ho azy ireo. Nifindra izy satria te hiresaka malalaka amin'Andriamanitra.

**Eksodosy 33:7a,9,11a Ary fanaon'i Mosesy ny maka ny lay ka manorina azy eo ivelan'ny toby lavidavitra, ary ny anarany dia nataony hœ Ny trano-lay fihaonana.**

**Ary raha niditra tao amin'ny lay Mosesy, dia nidina ny andri-rahona ka nijanona teo anoloan'ny varavaran'ny lay, ary Jehovah dia niresaka tamin'i Mosesy.**

**Ary Jehovah niteny nifanatrika tamin'i Mosesy, tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany.**

Ankehitriny, ny voninahitr'Andriamanitra dia niala tamin'olona maro, asa fanompoana, sy ny fiangonana noho ny fahotana. Andriamanitra dia mitady olona, tahaka an'i Mosesy, hiala ivelan'ny toby. Mitady olona Izy hifandray lalina miaraka Aminy. Mitady olona izay mahazo ny mahizy Azy Izy, hivavaka Aminy sy hiankohoka Aminy. Mitady ireo izay nanaisotra izay rehetra mitambesatra aminy Izy mba hihazakazaka ny fihazakazahana.

**Hebreo 12:1-4 Koa amin'izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona, dia aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin'ny faharetana amin'izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao, mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy, Izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra Izy.**

**Fa hevero tsara Ilay naharitra ny fanoherana nataon'ny mpanota taminy, fandrao ho ketraka ianareo, ka ho reraka ny fanahinareo. Hianareo tsy mbola nanohitra niady tamin'ny ota hatramin'ny fahalatsahan-drà.**

## Misy Vidiny Aloa

Ao amin'ny fahateraham-baovao dia tonga fanahy iray amin'Andriamanitra isika.

**1 Korintiana 6:17 Fa izay miray amin'ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy.**

Misy vidiny aloa raha tiantsika ho tonga fanahy iray amin'Andriamanitra isika – mitoetra ao Aminy.

Ny apostoly Paoly dia nanoratra fa mila mivoaka eo aminy isika ka misaraka aminy.

**2 Korintiana 6:16,17 Ary inona no ikambanan'ny tempolin'Andriamanitra amin'ny sampy ? Fa isika no tempolin'Andriamanitra velona, araka ny nataon'Andriamanitra hœ:**

**"Honina eo aminy sy handeha eo aminy Aho, ary izy ho oloko." Koa mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah, Ary aza manendry izay zavatra tsy madio; Ary Izaho handray anareo.**

## MITOETRA AO AMIN'NY VAVAKA SY NY FIDERANA

Ahoana no fomba fivavaka? Ahoana no ahafahantsika manangona vavaka manan-danja sy vitsy teny? Tokony hitsangana ve isika, handohalika, hanakimpy ny masontsika? "Tompo o, asehoy anay hoe ahoana no tokony ho fivavakay!"

### Fisehoana Ivelany

Ny fisehoantsika ivelany dia tsy ilaina. Afaka mitsangana isika, mandeha, mandohalika, na mihohoka amin'ny tany. Afaka manakimpy maso isika na koa mampihiratra azy. Afaka mipetraka ambony latabatra isika miaraka amin'ny fandraisana naoty eo anoloantsika isika. Afaka miditra ao amina toerana maizina isika. Afaka mivavaka amin'ny feo mahery isika. Afaka mivavaka mangina koa nefa. Afaka mivavaka ora na minitra.

Andriamanitra dia Andriamanitry ny karazana! Izay mety amiko, tsy terena ho mety aminao. Izay mety androany, tsy terena ho mety rahampitso. Misy fihetsika iray tena mety rehefa manao vavaka fanelanelanana isika, kanefa misy hafa mety rehefa miditra anaty ady isika.

Aza manaiky ny tenanao ho "gadra anaty vata!" Raha manazatra ny tenanao mivavaka ao anaty fahanginana foana ianao, ka na aiza na aiza ary na inona na inona ataonao, dia ho verinao io fotoana mahafinaritra io, fotoana mety tsara rehefa tavela anaty fitohanan'ny fifamoivoizana ianao, na rehefa mamafa trano.

Ny fisehoantsika ivelany dia zava-dehibe ahafahantsika mivavaka miaraka amin'ny fontsika manontolo. Aza avela hanjaka amin'ny fanahintsika anefa ny vatantsika.

### Miditra Eo Amin'ny Fanatrehany

Tahaka ny fidirantsika ao anatin'ny fiankohofana no fidirantsika ao amin'ny vavaka – miditra eo amin'ny fanatrehany isika miaraka amin'ny tabernakely, izay maodelintsika. Manazava ny dingana amin'ny fidirana ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra Davida.

**Salamo 100:4 Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, Ary eo an-kianjany amin'ny fiderana; Misaora Azy, mankalazà ny anarany,**

Afaka mijanona eo amin'ny vavahady amin'ny fisaorana isika, na koa hiditra eo an-kianja amin'ny fiderana. Afaka ihany koa anefa isika miditra ao amin'ny fitoerana masina indrindra, ao amin'ny efitry ny fiandrianan'Andriamanitra rehefa mankalaza ny Anarany isika. Ny hetahetantsika, ny filantsika, ny fangatahantsika dia mbola mijanona ao an-tsaintsika ihany eny fa na dia efa manatitra fisaorana ho Azy aza isika, na dia efa miditra ao amin'ny fiderana aza isika, kanefa rehefa miditra ao amin'ny efitry ny seza fiandrianan'ny lanitra isika, dia adino tanteraka ireo filantsika satria midera Azy amin'ny maha Andriamanitra Azy fotsiny isika.

Afaka ny ho tafiditra lalina ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra isika arakaraky ny faniriantsika te hiditra ao – kanefa tsy tokony hisy fahotana eo amin'ny fanatrehany.

Ahoana izany hoe manatitra fisaorana izany? Ahoana izany hoe manolotra fiderana? Ahoana izany hoe miankohoka Aminy izany? Arak'izany raha hianatra ny dingana manaraka isika, dia avelao ny fanahinao hifandray amin'Andriamanitra. Mianara amin'ny alalan'ny fanazarana ny tena hisaotra, hidera sy hitsaoka.

## Fisaorana

Ny fisaorana dia fihetsika fanomezana saotra, fanehoana fankasitrahana, fanhoana fa mankasitraka an'Andriamanitra ny amin'izay nataony. Fihetsika maneho fifaliana avy ao am-pon'ny mpino koa izy io, ho fankasitrahana ny amin'ny tombontsoa sy ny fitahiana izay nomen'Andriamanitra antsika. Ny fisaorana dia fomba iray hitoerana antsika ao Aminy.

Ny fisaorana dia tsy zavatra maivamaivana amin'Andriamanitra na fanamaivanana Azy. Nisy mpino iray niteny hoe, "Rehefa nivaly ny vavaka, dia aza adino ny midera sy misaotra. Ilay fahavalo izay hita fa resy dia mbola mamitsaka eo am-baravaran'ny fon'ny olona tsy mahay mankasitraka!"

Nanoratra ny apostoly Paoly,

**2 Korintiana 9:15 Isaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy azo tononina!**

Andao hisaotra miaraka amin'i Davida rehefa nanoratra izy,

**Salamo 118:1 Miderà an'i Jehovah, fa tsara Izy; Eny, mandrakizay ny famindram-pony.**

**Salamo 107:8 Aoka hidera an'i Jehovah ireo noho ny famindram-pony Sy ny fahagagana ataony amin'ny zanak'olombelona!**

Na dia ao anatin'ny alahelo aza, noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia hisaory Izy. Afaka misaotra sy midera an'I Jesosy foana isika na dia mandalo fitsapana mafy aza. Hoy ny apostoly Paoly raha nanoratra,

**1 Petera 1:6,7 Izany no iravoravoanareo, na dia ampalahelovina vetivety ankehitriny amin'ny fakam-panahy maro samy hafa aza ianareo, raha tsy maintsy hisy izany, mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary fankalazana ny fizahan-tœtra ny finoanareo, dia amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy.**

Rehefa misaotra isika dia feno fahatokiana sy finoana. Manafaingana ny valim-bavaka-tsika izany. Fomba iray koa ahafahana mandany fotoana amin'ny fisaorana ny famakiana ny Salamo ho vavaka ataontsika amin'Andriamanitra.

## Fiderana

Fomba iray koa itoerana ao amin'Andriamanitra dia ny fanomezana fiderana Azy. Ny fiderana dia fihetsika manambara fiaikena, fandokafana, na fankafizana. Izany koa dia midika hoe midera na mankalaza, manome voninahitra Azy ny amin'ny zavatra nataony.

Davida dia niaiky ny amin'ny fahalehibiazan'izany hoe fiderana izany satria izy dia mpidera an'Andriamanitra. Andao isika ankehitriny handany fotoana amin'ny fiderana an'Andriamanitra miaraka amin'i Davida,

**Haleloia!
Miderà ny anaran'i Jehovah;
Miderà, ianareo mpanompon'i Jehovah! Salamo 135:1**

**Hisaotra an'i Jehovah lalandava aho;
Ho eo am-bavako mandrakariva ny fiderana Azy. Salamo 34:1**

**Fa izahay hisaotra an'i Jehovah Hatramin'izao ka ho mandrakizay.
Haleloia! Salamo 115:18**

**Aoka hidera an'i Jehovah ireo noho ny famindram-pony Sy ny fahagagana ataony amin'ny zanak'olombelona! Ary aoka hanandratra Azy eo amin'ny fiangonan'ny olona izy
Ka hidera Azy eo amin'ny fipetrahan'ny loholona. Salamo 107:31,32**

**Aoka hidera Azy ny lanitra sy ny tany,
Ny ranomasina sy izay rehetra mihetsika ao aminy. Salamo 69:34**

**Haleloia!
Miderà an'i Jehovah, ry any an-danitra;
Miderà Azy any ambony.
Miderà Azy, ry anjeliny rehetra;
Miderà Azy, ry miaramilany rehetra.
Miderà Azy, ry masoandro amam-bolana;
Miderà Azy, ry kintana mazava rehetra.
Miderà Azy, ry lanitry ny lanitra,
Ary ianareo rano ambonin'ny lanitra.
Aoka hidera ny anaran'i Jehovah ireo;
Fa Izy no nandidy, dia ary ireo. Salamo 148:1-5**

**Haleloia!
Miderà an'Andriamanitra eo amin'ny fitœrany masina. Miderà Azy eo amin'ny habakabaky ny heriny.
Midera Azy noho ny asany lehibe; Miderà Azy araka ny haben'ny voninahiny.
Miderà Azy amin'ny fitsofana ny anjomara;
Miderà Azy amin'ny valiha sy ny lokanga.
Miderà Azy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy;
Miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina.
Miderà Azy amin'ny kipantsona maneno;
Miderà Azy amin'ny kipantsona tsara feo.
Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah.
Haleloia! Salamo 150:1-6**

### Fiankohofana

Ny fiankohofana dia midika hoe mitoetra ao Aminy araka izay tratra eto an-tany. Ny fiankohofana dia, rehefa miditra ao amin'ny tena fanatrehan'Andriamanitra isika. Miditra ao amin'ny efitry ny seza fiandrianan'ny lanitra.

Ny teny hoe miankohoka dia midika hoe fihetsika feno fankasitrahana an'Andriamanitra. Miankohoka dia maneho fa manao tsinontsinona ny fanahy ao anaty miaraka amin'ny fanetren-tena lehibe sy fanajana tanteraka eo

anatrehan'Andriamanitra. Ny tena fiankohofana dia miainga avy ao am-po feno fitiavana sy fankasitrahana ny amin'ny mahizy an'Andriamanitra.

Rehefa miankohoka amin'Andriamanitra isika, dia manome haja ny famendrehana sy ny lanja avo indrindra izay an'Andriamanitra. Rehefa miankohoka amin'Andriamanitra isika, dia midera ny sy ny asany ary manaja ny fahatsaran'ny Anarany. Dia miara-manaiky amin'i Davida isika rehefa nanoratra izy hoe,

**Salamo 34:1,3 Hisaotra an'i Jehovah lalandava aho; ho eo am-bavako mandrakariva ny fiderana Azy ... Miaraha mankalaza an'i Jehovah amiko; ary aoka hiara-manandratra ny anarany isika.**

**Salamo 148:13 Samia midera ny anaran'i Jehovah avokoa, fa ny anarany ihany no misandratra; Ambonin'ny tany sy ny lanitra ny voninahiny.**

**Salamo 8:1 Jehovah, Tomponay ô, endrey ny voninahitry ny anaranao amin'ny tany rehetra! nataonao eny amin'ny lanitra ny voninahitrao!**

Ny fiankohofana dia afaka atao malefaka. Afaka manome fiderana ho an'ny Tompo Jesosy isika, izay nividy antsika ho an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny rány sarobidy. Rehefa mitsaoka Azy isika, dia afaka miankohoka miaraka amin'ireo anjely maro ka hiteny hoe,

**Apokalypsy 5:12b "Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra!"**

Na dia tsy misy teny aza, dia afaka miankohoka amin'Andriamanitra foana isika. Ao anatin'ny fahanginana, dia afaka mandinika ny fahalehibiazana sy ny voninahitr'Andriamanitra isika! Ao amin'i Joba dia mamaky isika hoe,

**Joba 37:14 "Mihainoa izany, ry Joba; Mijanona, ka mba diniho ny fahagagana ataon'Andriamanitra."**

Afaka midera an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahatsaran'ny zavatra nohariany koa isika. Afaka ny ho gaga ny amin'ny hahalehiben'ny tendrombohitra isika, ny onjan-dranomasina, ny kintana maro izay mandravaka ny lanitra amin'ny alina, tena mahagaga ka izay no nahatonga azy ireo namorona ity hira ity.

*Ry Tompo Andriamanitro,*
*Rehefa talanjona ny foko,*
*Mahita ny tontolo rehetra nataon'ny Tananao;*
*Mahita ny kintana aho,*
*Mandre ny fieron'ny kotroka,*
*Ny herinao izay hita amin'ny alalan'izao tontolo izao,*
*Dia mihira ny fanahiko, ho Anao ry Mpamonjiko;*
*Lehibe Ianao! Lehibe Ianao!*

*Ireo fampianarana etsy ambony momba ny Fisaorana sy ny Fiankohofana dia nalaina avy amin'ny boky* ***Mihaona Amin'Andriamanitra – Ny hevitra Lalin'ny Vavaka*** *nosoratan'i Wilson Mamboleo.*

## NY HERIN'NY VAVAKA SY NY FIDERANA

Misy zavatra roa izay andidiana antsika mba hataontsika foana. Dia ny mivavaka amin'Andriamanitra tsy an-kijanona, sy ny midera an'Andriamanitra mandrakariva.

Hoy Jesosy,
**Lioka 18:1b ... fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ...**
**Lioka 21:36a Fa miambena ka mivavaha mandrakariva ...**

Nanoratra Paoly,
**Romana 1:9b ... tsy mitsahatra mahatsiaro anareo aho, ka mandrakariva, raha mivavaka aho ...**
**1 Tesaloniana 2:13a Ary noho izany izahay koa dia tsy mitsahatra misaotra an'Andriamanitra ...**

**2 Timoty 1:3b ... fa tsy manam-pitsaharana akory ny fahatsiarovako anao amin'ny fivavahako andro aman'alina ...**

**2 Tesaloniana 1:11a Ary izany no angatahinay mandrakariva ny aminareo ...**

**1 Tesaloniana 5:16-18 Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo.**

Ahoana no ahafahanatsika manao zavatra roa raha tsy iray ihany izany?

Efa nambara tamintsika fa raha ianarantsika isaky ny maraina io, dia mihahaingana ny fiovantsika, eny fa na dia mipetraka ao amin'ny toeram-piasana aza isika, dia handray ny tombotsoan'io fanazarana io ny tenantsika. Ny vavaka sy ny fiderana dia samy hanome vokatra ho an'ny fanahintsika. Raha manana fotoana hivavahana sy hiderana isika, dia hanohy sy tsy hitsahatra hivavaka sy hidera hatrany ny fanahintsika.

### Josafata Manoloana Ny Fahavalo Telo

Josafata dia ohatra tsaran'ny herin'ny vavaka sy fiderana ho antsika. Ny mpanjakan'ny firenena telo dia tonga hiady aminy ary raha eo amin'ny tontolon'ny hita maso dia tsy nisy fanantenana ho azy intsony. Kanefa Josafata dia nitady an'I Jehovah sy nifady hanina ary nivavaka.

➢ *Nivavaka Izy*

**2 Tantara 20:3,5-12 Dia natahotra Josafata ka nanatrika tsara hitady an'i Jehovah sady niantso andro fifadian-kanina ho an'ny tanin'ny Joda rehetra.**

**Ary Josafata nitsangana ... ka nanao hœ: "Ry Jehovah ô, Andriamanitry ny razanay, tsy Hianao va no Andriamanitra any an-danitra? Eny, Hianao no manapaka amin'ny fanjakan'ny jentilisa rehetra, ary eo an-tananao ny hery sy ny fahefana, ka tsy misy mahasakana Anao. Ry Andriamanitray ô, tsy Hianao va no nandroaka ny mponina tamin'ity tany ity hiala teo anoloan'ny Isiraely olonao ka nanome azy mandrakizay ho an'ny taranak'i Abrahama sakaizanao?**

**Ary nonina taty izy ka nanao fitœrana masina teto ho an'ny anaranao sady nanao hœ: Raha manjo anay ny loza, na sabatra, na famaliana, na areti-mandringana, na mosary, ary hitsangana manatrika ity trano ity**

**sy eto anatrehanao izahay (fa ny anaranao no amin'ity trano ity) ka hitaraina aminao amin'ny fahorianay, dia hihaino Hianao ka hamonjy.**

**Koa indreo ny taranak'i Amona sy Moaba ary ny avy any an-tendrombohitra, Seira, dia ilay tsy navelanao hotafihin'ny Isiraely, fony izy nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta, ka nivily fa tsy nandringana azy; nefa indreo izy mamaly ratsy anay ka avy handroaka anay amin'ny lova nomenao anay.**

**Ry Andriamanitray ô, tsy hitsara azy va Hianao? Fa izahay dia tsy manan-kery hanohitra ireo olona betsaka ireo, izay avy hamely anay, koa tsy hitanay izay hataonay; fa Hianao no andrandrain'ny masonay."**

Mariho tsara ny fivoaran'ny vavaka nataon'i Josafata. Natombony tamin'ny fahafantarany hoe iza Andriamanitra sy ny asa nataony. Dia nohamafisiny hoe, "Jehovah o, nomenao anay ity tany ity. Nankatò anao izahay tamin'ny namelanay azy ireo ho velona." Ary nofaranany tamin'ny fanambarana mahitsy hoe, "tsy hitanay izay ataonay, fa Hianao no andrandrain'ny masonay."

➢ *Namaly Andriamanitra*

Dia novalian'I Jehovah tamin'ny alalan'i Jahaziela.

**2 Tantara 20:15b-17 "Aza matahotra na mivadi-po ny amin'ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady, fa an'Andriamanitra. Rahampitso dia midìna hiady aminy ianareo; fa, indreo, hiakatra amin'ny fiakarana Ziza izy; ary ianareo hahita azy eo amin'ny faran'ny lohasahan-driaka tandrifin'ny efitr'i Jeroela.**

**Tsy ianareo anefa no hiady amin'ity; mijanòna tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo, ry Joda sy Jerosalema. Aza matahotra na mivadi-po, fa rahampitso dia mivoaha hiady aminy; fa Jehovah no momba anareo."**

➢ *Mivonòna tsara*

Jahaziela niteny hoe "Mijanòna tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo." Inona no fihetsika nataony sy nataon'ny hafa? Niankohoka tamin'ny tany ireo no sady nitsaoka an'I Jehovah ary avy eo dia nitsangana izy sady nidera Azy.

**2 Tantara 20:18,19 Dia niankohoka tamin'ny tany Josafata; ary ny Joda sy ny mponina rehetra tany Jerosalema niankohoka teo anatrehan'i Jehovah koa ka nivavaka. Dia nitsangana ny Levita, taranaky ny Kehatita sy taranaky ny Koraita, mba hidera an'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, tamin'ny feo mahery indrindra.**

➢ *Minoa An'I Jehovah*

Ny maraina manaraka iny dia nambaran'i Josafata ny Tenin'I Jehovah. Tsy naveriny intsony ny fanambarana ny olana. Nampahery ny olona izy mba hino, dia nampandeha ny mpihira izy, ireo mpidera, hialoha ny mpiantafika an'ady.

**2 Tantara 20:20,21 Ary nifoha maraina koa izy, dia niainga nankany an-efitr'i Tekoa; ary nony nivoaka izy, dia nitsangana teo Josafata ka nanao hœ: "Mihainoa ahy, ry Joda, sy ianareo, ry mponina eto Jerosalema: Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatœtra ianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo."**

➢ *Mihirà Sy Miderà An'I Jehovah*

**Ary rehefa niara-nihevitra tamin'ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin'ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hœ: "Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony."**

Ary rehefa nanomboka nihira sy nidera an'I Jehovah ireo, dia nasian'Andriamanitra otrika hamely ny fahavalony. Ary ny tafiky ny fahavalo dia niodina ka nifamely sy nifandringana izy samy izy ihany.

➢ *Fahavalo Nifandringana Izy Samy Izy Ihany*

**2 Tantara 20:22,24 Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo.**

**Ary nony tonga teo amin'ilay fitazanana any an-efitra ny Joda, dia nijery ireo olona betsaka ireo izy, koa, indreo, nisy faty niampatrampatra tamin'ny tany, fa tsy nisy afa-nandositra.**

### Elia Sy Ireo Mpaminanin'I Bala

Nisy fampisehoana ny hery lehibe rehefa nilatsaka avy tany an-danitra ny afo, ka n andoro ny fanatitr'i Elia. Tadidio fa ny vavaka nataon'i Elia dia tamin'ny fotoana nanaovany fifaninanana niaraka tamin'ireo mpaminanin'i Bala.

**1 Mpanjaka 18:36b,37 Ary nony tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hœ: "Jehovah ô. Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary Isiraely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin'ny Isiraely, ary izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao. Mihainoa ahy mihainoa ahy, Jehovah ô, mba hahafantaran'ireto olona ireto fa Hianao Jehovah no Andriamanitra, ary Hianao no mampiverina ny fony indray."**

Natomboky Elia tamin'ny fahafantarany ny mahizy an'Andriamanitra ny vavaka-ny, dia avy eo nambarany fa nandeha araka ny fankatoavana izy. Tsy niteny momba ireo mpaminany niaraka taminy teo mihitsy izy. Tsy nivavaka ho an'ny olany izy. Tsy nangataka ny hilatsahan'ny afo sy ny handoroana ny fanatitra akory izy. Avo ny finoany an'Andriamanitra ka mino izy fantany daholo izay zavatra nitranga teo. Dia nanao vavaka tsotra Elia, ary Andriamanitra namaly azy.

### Fisaorana Tao An-Kibon'Ilay Hazandrano Be

Ananantsika ny vavaka nataon'i Jona tao an-kibon'ilay hazandrano be. Vavaka tena mahitsy izy io, vavaka tsy mbola nisy toy izany amin'izay efa novakiantsika. Nivavaka Jona ary naloan'ilay hazandrano teo amin'ny tany nanirahan'Andriamanitra azy izy. Fanehoan-kery re izany e!

**Jona 2:2-10 Dia nivavaka tamin'i Jehovah Andriamaniny tao an-kibon'ny hazandrano Jona ka nanao hœ: "Niantso an'i Jehovah tamin'ny fahoriako aho, Ka dia namaly ahy Izy; Tao anatin'ny fiainan-tsi-hita no nitarainako, Dia nihaino ny feoko Hianao.**

**Fa efa natsipinao tao amin'ny lalina aho, dia tao amin'ny ranomasina, ka voasafotry ny riaka aho; Nanarona ahy ny alon-dranonao sy ny onjanao rehetra. Dia hoy izaho: Voaroaka tsy ho eo anatrehanao aho, Nefa mbola nanatrika ny tempolinao masina ihany. Ny rano nanarona ahy hatramin'ny aiko, Ny lalina namefy ahy manodidina; Ny zava-maniry any an-dranomasina nisingotra manodidina ny lohako.**

**Tafalatsaka tany amin'ny fanambanin'ny tendrombohitra aho; Ny hidin'ny tany nanidy ahy mandrakizay; Nefa nampiakatra ny aiko avy tao an-davaka Hianao, Jehovah Andriamanitro ô.**

**Raha reraka tato anatiko ny fanahiko, Dia nahatsiaro an'i Jehovah aho; Ka tonga tao aminao ny fivavako, Dia tao amin'ny tempolinao masina. Izay mivavaka amin'ny sampy dia mahafoy Izay Mpamindra fo aminy.**

**Fa izaho, dia feo midera no entiko mamono zavatra hatao fanatitra ho Anao, Ary izay nivoadiako dia hefaiko; An'i Jehovah ny famonjena."**

Mariho fa natombony tamin'ny hoe, "Niantso an'I Jehovah tamin'ny fahoriako aho," dia avy eo notohizany tamin'ny hoe "Tompo, Andriamanitro." Na dia tao an-kibon'ny hazandrano aza, dia nanao fanambarana faminaniana izy. "Voaroaka tsy ho eo anatrehanao aho; nefa mbola nanatrika ny tempolinao masina ihany." Tao an-kibon'ny hazandrano hatrany, hoy izy, "Fa izaho, dia feo midera no entiko mamono zavatra hatao fanatitra ho Anao."

### Davida Dia Nanafangaro Hatrany

### Ny Vavaka Amin'ny Fiderana

Ilay mpiandry ondry kely tsy fantatra, nitombo taona ary namono ilay lehilahy goavana be, ary avy eo nitohy tamin'ny fambaboana firenena nifanesisesy, avy eo lasa mpanjakan'Isiraely. Ny fiainan'i Davida dia fiainam-piderana ary azo inoana fa feno hery koa. Davida dia olona tian'Andriamanitra. Ny bokin'ny Salamo dia feno fiderana sy vavaka. Afaka milaza vitsivitsy momban'izay isika.

➢ *Rehefa Nanohitra Azy I Absaloma*

**Salamo 3:3-5 Kanjo Hianao, Jehovah ô, no ampinga manodidina ahy, Voninahitro sy mpanandratra ny lohako. Amin'ny feoko no iantsoako an'i Jehovah, ary any an-tendrombohiny masina no mamaly ahy Izy.**

**Izaho nandry ka natory; nifoha aho, satria Jehovah no manohana ahy.**

➢ *Henoy Ny Antsoko*

**Salamo 4:1 Raha miantso aho, mamalia ahy, ry Andriamanitry ny fahamarinako ô; Raha tao an-katerena aho, dia nohalalahinao tœrana; Mamindrà fo amiko, ka henoy ny fivavako.**

➢ *Henoy Ny Teniko*

**Salamo 5:1-3 Jehovah ô, henoy ny teniko; fantaro ny eritreritro. Henoy ny feon'ny fitarainako, ry Mpanjakako sy Andriamanitro ô;fa Hianao no ivavahako. Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho.**

- *Vonjeo Aho*

**Salamo 7:1 Jehovah Andriamanitro ô, Hianao no ialofako; vonjeo aho amin'izay rehetra manenjika ahy, ka afaho.**

- *Aoka Tsy Ho Menatra Aho*

**Salamo 25:1-5 Aminao, Jehovah ô, no anandratako ny fanahiko. Andriamanitro ô, Hianao no itokiako, aoka tsy ho menatra aho; aoka tsy hifalian'ny fahavaloko aho. Eny, tsy hisy ho menatra izay rehetra miandry Anao; fa izay mivadika foana no ho menatra. Ampahafantaro ny lalanao aho, Jehovah ô; ampianaro ny sitrakao aho. Tariho amin'ny fahamarinanao aho, ka ampianaro; fa Hianao no Andriamanitry ny famonjena ahy; Hianao no andrasako mandritra ny andro.**

**Salamo 31:1-3 [Jehovah ô, Hianao no ialofako; aoka tsy ho menatra akory mandrakizay aho; vonjeo amin'ny fahamarinanao aho. Atongilano amiko ny sofinao, faingàna hamonjy ahy; aoka ho vatolampiko fiarovana mafy Hianao sy batery fiarovana hamonjena ahy. Fa harambatoko sy batery fiarovana ho ahy Hianao; ary noho ny anaranao no hitondrànao sy hitarihanao ahy.**

- *Nandre Ny Fitarainako Izy*

**Salamo 40:1-3 Niandry dia niandry an'i Jehovah aho; ary nitodika nitsinjo ahy Izy ka nandre ny fitarainako. Dia nampakatra ahy avy tao amin'ny lavaka fandringanana Izy, eny, tamin'ny fotaka mandrevo; ary nampitœtra ny tongotro teo ambony vatolampy Izy ka nampijoro ahy. Ary nanisy fihiram-baovao teo am-bavako Izy, dia fideràna an'Andriamanitsika; maro no hahita sy hatahotra ary hatoky an'i Jehovah.**

- *Fanahy Maniry An'Adriamanitra*

**Salamo 42:1,2 Tahaka ny diera mihanahana maniry ny rano an'ony no anirian'ny fanahiko Anao, Andriamanitra ô. Mangetaheta an'Andriamanitra ny fanahiko, dia Andriamanitra velona; Rahoviana no ho tonga aho ka hiseho eo anatrehan'Andriamanitra?**

- *Mamindrà Fo*

**Salamo 57:1-3 Mamindrà fo amiko. Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko; fa Hianao no ialofan'ny fanahiko; eny, ao amin'ny aloky ny elatrao no ialofako, mandra-pahalasan'ny loza. Hitaraina amin'Andriamanitra Avo Indrindra aho, dia amin'Andriamanitra Izay mahatanteraka ho ahy. Haniraka avy any an-danitra Izy ka hamonjy ahy, raha miteny ratsy izay misafoaka manenjika ahy; eny, Andriamanitra haniraka ny famindram-pony sy ny fahamarinany.**

- *Afaho Aho*

**Salamo 71:1-3 Hianao, Jehovah ô, no itokiako; aoka tsy ho menatra mandrakizay aho. Vonjeo ny fahamarinanao aho, ka afaho; atongilano amiko ny sofinao, ka vonjeo aho. Aoka ho vatolampy fonenana hohatoniko mandrakariva Hianao, Izay efa nandidy hamonjy ahy; fa harambatoko sy batery fiarovana ho ahy Hianao.**

## MITOETRA EO AMIN'NY TOERANA MIAFINA

Rehefa mitoetra ao amin'I Kristy isika, dia tonga mpitsaoka Azy. Rehefa miditra lalina ao amin'ny fitoerany Masina indrindra

isika, dia lasa mitoetra ao amin'ilay hoe toerana miafin'Andriamanitra Lehibe.

**Salamo 91:1 Ny mitœtra ao amin'ny fierena izay an'ny Avo Indrindra Dia monina eo ambanin'ny aloky ny Tsitoha.**

Arakaraky ny hiankohofantsika eo amin'ny fiandrianany ao anatin'ny fiainam-piankohofana tanteraka, dia lasa monina eo ambanin'ny aloky ny Tsitoha isika. Eo isika no mankafy Azy. Ary ny faniriany dia ho tonga faniriantsika.

**Salamo 40:8 Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako; ary ny lalànao no ato anatiko.**

**Salamo 37:4 Ary miravoravoa amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao.**

Arakaraky ny iraisantsika lalina sy akaiky Aminy, dia miova faniriantsika avy amin'ny sitrapontsika mankamin'ny sitrapony. Dia mangataka fotsiny isika ary Izy manome antsika ilay fanirian'ny fontsika izay niova.

Ahoana hoy Jesosy?

**Jaona 15:7 Raha miray amiko ianareo, ka mitœtra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.**

## ✦ Famintinana – "Raha mitoetra amiko ianareo"

Ry lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra, akory ny haben'ny adidintsika – akory ny haben'ny andraikitsika. Andao isika ho any ivelan'ny toby. Andao isika hiditra lalindalina kokoa ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Andao isika hianatra hanatitra fisaorana ho Azy maraina, atoandro sy hariva. Andao hianatra hidera Azy tsy an-kijanona. Andao isika hianatra hitsaoka Azy eo an-tongony hahatonga antsika hiova hatrany hatrany ka hitovy endrika Aminy. Andao isika hivonona ho amin'ny fandresena! Andao hivavaka mba ho tonga eto an-tany ny sitrapony. Andao hitondra ny lanitra ho eto an-tany!

## FANONTANIANA FAMERENANA

Inona no tokony hatao voalohany ao anatin'ny vavaka?

2. Ao amin'ny 2 Tantara 20:18, Andriamanitra dia niteny tamin'i Josafata mba hivonona ho amin'ny fandresena. Dia inona no nataon'i Josafata?

3. Araka ny eritreritrao, fa maninona Andriamanitra no niteny tamin'ny mpino mba hivavaka sy hidera tsy ankiato?

4. Soraty ny fahafantaranao ny atao hoe vavaka.